


NY Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny Andro Farany • Ôktôbra 2014

# Liahona

A photograph of two young women of African descent. One woman is in the foreground, smiling broadly and looking down at a laptop screen. The other woman is behind her, also smiling and looking in the same direction. They appear to be in a classroom or library setting with bookshelves in the background.

**Ny Maha-tokana ny  
Asa Famonjena, p. 14**

**Ny Zavatra Nianarako avy amin'ny  
Harerahan-tsaina, p. 26**

**Fitahiana 3 avy amin'ny  
Fahamaotinana, p. 36**

**Fomba 5 Hanaovan'ny Tanora ny  
Tantaram-pianakaviana, p. 58**



*"Iza no mahita  
vehivavy tsara?  
Fa ny tombany dia  
mihoatra lavitra  
noho ny voahangy."*

Ohabolana 31:10



## HAFATRA

- 4 Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ny Vavaka Atao Amim-pinoana**  
Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring
- 7 Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Ilay Mofon'aina**

## LAHATSORATRA MANOKANA

- 14 Asa Fitoriana, Tantaram-pianakaviana ary Asa Atao any amin'ny Tempoly**  
Nosoratan'ny Loholona  
David A. Bednar  
*Mifameno ny fitoriana ny filazantsara sy ny fitadiavana ireo havantsika efa maty.*


### EO AMIN'NY FONONY

Eo amin'ny fonony: Sary nalain'i Leslie Nilsson.  
Eo amin'ny fonony aloha ao anatiny:  
Sary nalain'i Matthew Reier.

- 20 Tokantrano: Ivontoeran'ny Fianarana**  
*Mitoetra miaraka amintsika mandritra izao fainana izao ary mandrakizay ireo lesona iana-rana ao an-trano.*
- 26 Teny An-tampon'ny Rano**  
Nosoratan'ny Jon Warner  
*Na dia nahatsapa ho rendriky ny harerahan-tsaina sy ny tebiteby aza aho dia nataon'Andriamanitra foana izay tsy hilentehako ary handrosoako any amin'ilay tany nampanantenaina.*
- 28 Mpisava Lalana any amin'ny Tany Tsirairay: Fiovam-po sy Fiovana any Chili**  
Nosoratan'ny Néstor Curbelo  
*Eo amin'ny olona 1 ao anatin'ny 30 ankehitriny ao Chili no mpi-kamban'ny Fiangonana.*
- 36 Fahasahiana Hisafidy ny Fahamaotinana**  
Nosoratan'ny Carol F. McConkie  
*Inona avy ireo fotopampiana-rana momba ny fahamaotinana sy ireo fitahiana avy amin'izany?*

## DEPARTEMANTA

- 8 Manompo ao amin' ny Fiangonana: Misaotra Anao Rahalahy Jay**  
Nosoratan'ny Kristine Purcell
- 9 Ireo Mpaminanin'ny Testamenta Taloha: Jeremia**
- 10 Miresaka an'i Kristy Isika: Ilay Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita**  
Nosoratan'ny Ellen C. Jensen
- 12 Ny Tokantranontsika, ny Fianakavantsika: Ny Fon'i Lizochka**  
Nosoratan'ny Marina Petrova
- 40 Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**
- 80 Mandra-pihaonantsika Indray: Famitahaha**  
Nosoratan'ny Loholona  
M. Russell Ballard  
*Mampiasa zava-misarika artifisialy—mitovy amin'ny zavatra ampiasain'ny mpanjono mampiasa bibikely tsy tena izy eo amin'ny lelam-pitana—i Satana mba hanodinkodinana ny saintsika.*



44

**44 Mijoro amin'ny Zavatra Inoantsika**

*Mizara ny fomba niarovan'izy ireo tamim-pahasahiana ny finoany ireo tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony.*

**48 Ny Filazantsara eo amin'ny Fiainako: Ilay Fijoroako ho Vavolombelona Mifamatotra**

Nosoratan'i Ivy Noche

*Nahatonga ahy hiahiahy mikasika ny finoako ny Fianganana ny tsy fananako fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna.*



58

**50 Fahafahana Misafidy Malalaka sa Safidim-pitondrantena?**

Nosoratan'i Michael R. Morris

*Nihevitra ny tenany ho tsy afaka ny hanao asa fitoriana ilay namako. Moa ve aho ho afaka ny hisafidy malalaka hanao asa fitoriana?*

**52 Fanontaniana sy Valiny**

*Miezaka mifehy ny eritreritro aho saingy maro be ireo fakampanahy. Amin'ny fomba ahoana no ahafahako manana saina madio kokoa?*

**54 Ahoana no Hameatrahana Fanontaniana Manan-danja**

Nosoratan'i David A. Edwards

**57 Ahoana no Hahazoana Tanjaka sy Fahombiazana**

Nosoratan'ny Loholona Jeffrey R. Holland

*Afaka mahita fiarovana sy fahombiazana ary fialiana isika amin'ny alalan'ny fanarahana an'i Jesoa Kristy.*

**58 Tantaram-pianakaviana—Manao Izany Aho**

*Nahazo fitahiana tsy nampoizina ireto zatovo ireto rehefa nanao ny tantaram-pianakaviana.*

**61 Sary: Fantaro Izy Ireo dia ho Fantatrao hoe Iza lanao****62 Fanoherana ny Fandehanako Manao Asa Fitoriana**

Nosoratan'i Alcenir de Souza

**64 Mianatra bebe kokoa Mikasika ny Zavatra Miandry**

Nosoratan'i Cathrine Apelseth-Aanensen

78

**66 Manompo Amin'Izao Fotoana Izao mba Hanompoana any Aoriana**

Nosoratan'i Miche Barbosa

*Nahoana no nisafidy ny hanampy amin'ny fanadiovana ny fiango-nana i Môrmon toy izay hilalao baolina miaraka amin'ny namany?*

**68 Miomana ho ao amin'ny Zatovovavy i Mathilde**

Nosoratan'i Jenn Wilks

**70 Hira: Izao no Anjarantsika**

Nosoratan'i Jan Pinborough sy Janice Kapp Perry

**71 Vavolombelona Manokana: Ahoana no hahafahako manampy amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana?**

Nosoratan'ny Loholona Quentin L. Cook

**72 Mitondra ny Kilonga Mody:**

*"Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao Tontolo izao" dia avy amin'Andriamanitra mba Hanampiana ny Fianakaviako Nosoratan'i Erin Sanderson sy Jean Bingham*

**74 Ireo Namana Manerana Izao Tontolo izao: Bárbara no Anarako, avy any Chili Aho**

Nosoratan'i Amie Jane Leavitt

**76 Ny Pejintsika****77 Mitrakà**

Nosoratan'ny Loholona Adrián Ochoa

**78 Ho an'ny Ankizy Madinika: Ekipam-pianakaviana**

Nosoratan'i Sheralee Hardy

58

Gazetiboky iraisan-pirenena an' Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadiana Voalohany:** Thomas S. Monson,

Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon

**Mpanorohetivita:** Mervyn B. Arnold, Christoffel Golden,

Larry R. Lawrence, James B. Martino, Joseph W. Sitati

**Tale mpitantana:** David T. Warner

**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana**

**sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fianganona:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandrahaharana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Lisa C. López

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:**

Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Mindy Ann Leavitt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Todd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:**

Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Kevin C. Banks, Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

**Mpana-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick

**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Tompon' andraiktry ny fandikan-teny:**

Rakotondrasoa Ziva Lalariavelo

**Mpandika tenty:** Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitra, Andriamahenintoa Tatamo, Hanitriniony Cynthia Rakotoarivoelo

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan' Iatazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fianganona eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarka eo amin'ny paroasy na sampaana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adresy ity *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny ayo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompa" na "mpitari-dalana") dia avoka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Holändey, Hongoroda, Indonezihana, Islandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kirbitavia, Koreana, Kroasiâna, Latviana, Litoaniana, Malagasy, Marisaly, Mongolian, Noreveziana, Okireniâna, Ordo, Pôlôney, Portogoy, Romania, Rosiana, Samoana, Sebaonô, Siloveniana, Sinao, Sinao (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Iseky ary Vietnamiâna (Ny fivoahany ny boky dia mivoava araka ny tenim-pirenena nanoratana azy).

© 2014 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Iatazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-pianganona na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'lay sary. Ny fanontaniana momba ny fahafozoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**

October 2014 Vol. 14 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

## Fanovozan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampriasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto manaraka ireto misy ohatra anankiroa.



### "Tantaram-pianakaviana—Manao

**Izany Aho,** pejy 58: Manaova fiaraha-mientana iray izay hanoratana ao anaty diary! Amporisaho ny olona ao anatin'ny fianakaviana mba hirakitra an-tsoratra izay zavatra mikasika ny fiainany—ireo fahatsiarovana izay niseho taona maro lasa na zavatra nitranga tamin'izy ireo tamin'izany andro izany. Ampio ny fianakavianao mba hahatakatra fa misy fomba maro hanaovana ny diary. Azony atao soratanana na soratana amin'ny alalan'ny solosaina na ataony sary ny zavatra tiany horaketina na azony raketina amin'ny alalan'ny vata fandraisam-peo ny feony eo am-pitantarana tantara. Amporisaho

ny fianakavianao mba hanohy hirakitra zavatra matetika ao amin'ny diariny.

### "Mianatra bebe kokoa Mikasika ny

**Zavatra Miandry,** pejy 64: Manaova fiaraha-mientana mba hiomanana amin'ny asa fitoriana toy ny nataon'ilay paroasy tany Norvège. Azonao ampiaranina ireo zavatra izay nampianarin'izy ireo—toy ny hoe ahoana no hanombohana resadsaka momba ny filazantsara na ahoana no fomba fipasohana lobaka fotsy—na azonao atao ny mifantoka amin'ny fahaiza-manao hafa izay eritreretinao fa ho tombontsoan'ireo olona ao amin'ny fianakavianao rehefa any amin'ny sahan'ny misiona.

## AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fianganana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny languages.lds.org.

## LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

Ireto tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'izay lahatsoratra.

**Antso, 8**

**Asa atao any amin'ny tempoly, 14, 58**

**Asa famonjena, 14, 20, 54, 58, 62, 64**

**Asa Fanompoana, 8, 66**

**Asa fitoriana, 14, 28, 62, 64**

**Bokin' i Môrmôna, 48**

**Chili, 28, 74**

**Fahafahana misafidy, 50**

**Fahalemena, 10**

**Fahamaotinana, 36**

**Fahasoavana, 10**

**Fandresena ny fakampahanahy, 43, 44, 52, 80**

**Fianakaviana, 12, 20, 61, 72, 78**

**Fifadian-kanina, 4**

**Fijoroana ho vavolombelona, 48**

**Finoana, 4, 26**

**Fitiavana, 8, 41**

**Fitsapana, 12, 26, 62**

**Harerahan-tsaina, 26, 42**

**Jeremia, 9**

**Jesoa Kristy, 7, 57**

**Mampianatra, 20, 36, 54**

**Sorompanavotana, 10, 80**

**Tantaram-pianakaviana, 14, 58, 71**

**Tantar'an'ny Fianganana, 28**

**Vavaka, 4, 40,**

**Zatovovavy, 68**



Nosoratan'ny Filoha  
Henry B. Eyring  
Mpanolotsaina  
Voalohany ao amin'  
ny Fiadidiana Voalohany

# NY VAVAKA ATAO AMIM-PINOANA

**N**y vavaka dia mifono zavatra hafa ankoatra ireo teny lazantsika amin'Andriamanitra. Fifandraisana mivanta izay ifanaovan'Andriamanitra sy ny zanany izany.

Rehefa atao araka ny tokony ho izy ny vavaka dia maneho ny zavatra tsapantsika ao am-pontsika amin'ny alalan'ny teny tsotra isika. Valin'ny Ray any an-danitra araka ny mahazatra amin'ny alalan'ny fametrahana eritreritra ao an-tsaintsika miaraka amin'ny fahatsapan-javatra ao anaty izany. Henony foana ireo vavaka amin-kitsimpo atolotsika rehefa mivavaka miaraka amin'ny fanolorantena fa hankatô Azy isika na inona na inona valiny omeny ary na oviana na oviana hamaliany izany.

Manao izao fampanantenana izao amin'ireo rehetra izay mamaky ny Bokin'i Môrmôna sy mivavaka momba izany ny Tompo:

"Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin' ny anaran' i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban' ny tena finiavana, sady manam-pinoana an' i Kristy, dia haneho ny fahamarinan' izany aminareo Izy amin' ny herin' ny Fanahy Masina.

"Ary amin' ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra" (Môrônîa 10:4-5).

Azo antoka izany fampanantenana izany. Olona antapitisany no nanandrana sy nanaporofa izany fampanantenana lehibe momba ny vavaka izany ka nahazo fitahiana izay nameno fifaliana maharitra ny fiainan'izy ireo. Mihiatra amin'ireo vavaka rehetra atao mba hahafantarana ny eritrerit'Andriamanitra sy ny sitrapony ho antsika izany

fampanantenana izany. Afaka mampihatra izany isika isaky ny mahazo torohevitra avy amin'ny mpanompon'Andriamanitra anankiray izay nomena alalana mba hanoro lalana antsika. Afaka miantehitra amin'izany isika ohatra rehefa avy nihaino lahateny iray nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Afaka mampihatra izany isika rehefa ampianarin'ireo misiônera be fanetrentena izay nantsoin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny mpaminany velona. Azo ampiharina amin'ny torohevitra voaraintsika avy amin'ny ekekantsika na ny filohan'ny sampantsika koa izany.

Tsotra ireo fitsipika arahina mba hampandaitra ny vavaka eo amin'ny fiaintantsika. Tsy maintsy mangataka mba hahafantatra izay marina amin'ny alalan'ny fivavaha amin'ny Ray amin'ny anaran' i Jesoa Kristy isika. Tsy maintsy mangataka amin-kitsimpo isika izay midika fa tsy maintsy manana finiavana marina mba hanao na inona na inona takin'ilay valiny nomen'Andriamanitra isika. Ary ilay finiavantsika marina dia tokony ho avy amin'ny finoantsika an' i Jesoa Kristy.

Ilay naman'ny Fiangonana izay mamaky ny Bokin'i Môrmôna alohan'ny hanaovana batisa sy handraisana ho mpikambana azy dia sady afaka mahazo fanomezan-toky fa marina ilay boky no mahazo fijoroana ho vavolombelona fa nadikan'i Joseph Smith tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra izany. Aorian'ny fandraisana antsika ho mpikamban'ny Fiangonana dia afaka manana ny Fanahy Masina ho namantsika isika mba hanamafy ireo fahamarinana hafa amintsika. Avy eo, isaky ny mivavaka amim-pinoana isika dia afaka manantena fa hijoro ho vavolombelona amintsika ny Fanahy Masina hoe, i Jesoa no Kristy, velona



Andriamanitra Ray ary tia antsika sy ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra Izy ireo.

Izany no antony isian'ilay fampantanenana iray ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna hoe hanana fiantrana ao am-pontsika isika rehefa mijoro ho vavolombelona amintsika ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy: "Raha malemy fanahy sy mietry am-po ny olona iray, ary miaiky amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa i Jesoa no Kristy, dia tsy maintsy ilaina ny hananay fiantrana" (Môrônîa 7:44).

Fotoana tena tsara hivoarana arapanahy isaky ny Alahady fifadian-kanina. Ny Alahady Fifadian-kanina dia afaka manampy antsika mba hiaina toe-javatra mitovy amin'ny an'i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià, izay nivavaka sy nifady hanina mba hahafantarana fahamarinana mandrakizay ka mba ho afaka hampianatra ireo Lamanita miaraka amin'ny hery sy fahefana ary fitiavana (jereo ny Almà 17:3, 9).

Ampiarahantsika ny vavaka sy ny fifadian-kanina mandritra ny

Alahady fifadian-kanina. Mba hitahiana ny mahantre dia manome amim-pahalalahana-tanana fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina ny eveka na ny filohan'ny sampana isika ka farafahakeliny izany totalin'ny vola lanintsika amin'ny sakafo roa tsy nohanintsika. Ny saintsika sy ny vavaka ataontsika dia mitodika any amin'ny Mpamony sy ireo izay tiany hotom-pointsika amin'ny fanomezana azy ireo ny zavatra ilainy ara-panahy sy ara-nofo.


Hitovy bebe kokoa amin'ireo vavaky ny Mpamony sy ireo faniriany ireo vavaka ataontsika sy ireo faniantsika rehefa mifady hanina mba ho lasa malemy fanahy sy ho azo ampianarina ary hahay hitia bebe kokoa isika. Ary tahaka ny nataony, dia mivavaka mba hahafantatra ny sitrapon'ny Ray ho antsika sy hanao izany isika. ■

#### FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

**M**ampianatra ny Filoha Eyring fa afaka manampy antsika "hahafantatra fahamarinana mandrakizay" ny vavaka sy ny fifadian-kanina. Diniho hoe inona ao anatin'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'ireo izay vanginao no mety mila ampatanajahana ka dia manomâna lesona miompana amin'izany. Ohatra, raha toa ka namoy namana akaiky na olona iray ao amin'ny fianakaviana ny olona iray vanginao, dia miresaha mikasika ny fianakaviana mandrakizay sy ny fainana aorian'ny fahafatesana. Afaka manolo-tena mba hiarahifady hanina amin'ireo olona vanginao koa ianao mba hanampiana azy ireo hahazo fijoroana ho vavolombelona mikasika izany fitsipika izany.

### Miomàna alohan'ny Hivavahanao

**N**ampahatsiahantsika ny Filoha Eyring fa ny vavaka dia "fifandraina mivantana ifanaovan'Andriamainitra sy ny zanany." Tanteraka izany fifandraina mivantana izany rehefa manokana fotoana hanomanana ny vavaka ataontsika isika. Azonao ampiasaina ny diarinao hoentina hanokanana minitra vitsy hanomanana ny vavaka atao isan'andro. Afaka manao lisitra ahitana ireo fitahiana tianao hisaorana ny Ray any an-danitra ianao sy ireo olona mila ny vavakao ary ireo fanontaniana mety tiana hahazoana valiny. Dia asao avy eo ny Fanahy amin'ny alalan'ny



fihirana hira iray ao anaty fihirana na amin'ny alalan'ny famakiana andininy vitsivitsy ao anatin'ny soratra masina. Rehefa mivavaka ianao dia henoy tsara hoe inona no tian'ny Fanahy Masina holazainao ary inona no zavatra tsapanao sy ao an-tsaina (jereo ny F&F 8:2-3). Raketo an-tsortra ao anatin'ny diarinao ireo zavatra niainanao ary avereno dinihina ireo valiny azo-nao. Azonao ampiasaina koa ireo asa atao ao amin'ny pejy 112-114 ao amin'ny Toroy ny Filazantsarako: *Torolalana ho an'ny Fanompoan'ny Misiônera mba hanampiana anao hanombantombana ireo vavaka atao sy hianatra hamantatra ny Fanahy Masina.*


## HO AN'NY ANKIZY

### Ireo Zavatra Atao ao anaty Vavaka

**A**hoana no ahafantaranao ny zavatra tokony holazainao rehefa mivavaka ianao? Azonao atomboka amin'ny alalan'ny filazana hoe: "Ry Rainay malala any an-danitra," ny vavaka atao sy faranana amin'ny filazana hoe: "Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena." Azonao safidina izay tianao holazaina eo anelanelan'izany, toy ny misafidy izay zavatra atao anatin'ny sandwich.

Fidio ireo karazan-javatra tianao hatao ao anatin'ilay sandwich. Soraty eo akaikin'izy ireo ireo zavatra tianao holazaina ao amin'ny vavaka. Ianao dia afaka miteny hoe "misaotra" noho ireo fitahiana, afaka miresaka momba ireo ahiahinao, na mangataka fitahiana na mivavaka mikasika izay fanontaniana anananao.

Azonao hetezana io sandwich io na afaka manamboatra iray hafa ianao. Ahantony ao an-tranonaizany mba hanampy anao hahatsiaro ireo zavatra azonao lazaina ao anatin'ny vavaka atao.



Ry Ray Malala any An-danitra

Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena

## HAFATRA HO AN' NY FAMANGIANA ISAN-TOKANTRANO

Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantatra izay tokony hozaraina. Ahoana no hahafahan'ilay fahatakarana ny fianan'ny Mpamony sy ny asa nanirahana Azy mampitombo ny finoanaao Azy sy mitahy ny fianan'ireo olona izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny relief<sup>society</sup>.lds.org.

# Ny Asa Masina Nanirahana an'i Jesoa Kristy: Ilay Mofon'aina

Ity dia anisan'ireo andian-kafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano izay mampiseho ireo endriky ny asa nanirahana ny Mpamony.

**H**oy i Jesoa hoe: "Izaho no mofo velona izay nidina avy tany andanitra: raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy" (Jaona 6:51). "Mampianatra antsika, izay mpianany, i Jesoa fa tokony hitodika any amin'Andriamanitra isika isan'andro mba hangataka ilay mofo —ilay fanampiana sy fanohanana— ilaintsika amin'iny andro iray manokana iny," hoy ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Ilay fanasana nataon'ny Tompo . . . dia miresaka momba ilay Andriamanitra be fitiavana iray izay mahafantatra tsara na dia ny zavatra kely indrindra ilain'ny zanany isan'andro aza ary vonona ny hanampy azy ireo, tsirairay avy. Nilaza izy fa afaka mangataka amin'ny finoana amin'izany Olona izany isika 'izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary



dia homena azy izany' (Jakoba 1:5)."<sup>1</sup> Rehefa takatsika fa hanome izay ilaintsika i Jesoa Kristy dia hitodika any Aminy isika mba hangataka izay fanohanana ara-panahy ilaintsika.

Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia manasa antsika "hanara-dia ireo mpianatr'i Kristy tany am-boalohany izay naniry koa ilay mofon'aina—ireo izay tsy niverindalana fa nanatona Azy sy nitoetra niaraka Taminy ary nahatsapa fa mba hahazoana fiarovana sy famonjena dia tsy misy olon-kafa velively azony hanatonana afa-tsy Izy."<sup>2</sup>

### Soratra Masina Fanampiny

Jaona 6:32–35; Almà 5:34;  
3 Nefia 20:3–8

#### Eritreto Ity

Ahoana no fomba hamahanan'i Kristy antsika rehefa manatona Azy isika?

#### FANAMARIHANA

1. D. Todd Christofferson, "Recognizing God's Hand in Our Daily Blessings," *Liahona*, Jan. 2012, 25.
2. Jeffrey R. Holland, "He Hath Filled the Hungry with Good Things," *Liahona*, Jan. 1998, 76.

Finoana, Fianaka-viana, Fanampiana



### Avy ao min'ny Soratra Masina

Nampianatra vahoaka nihoatra ny 4.000 i Jesoa Kristy. Telo andro taorian'izay dia nilaza tamin'ny mpianany Izy hoe: "Mahonena Ahy ireo vahoaka, fa . . . tsy manan-kohanina izy:

"Koa raha hampodiko ho any an-tranony mbola tsy nihinana izy, dia ho reraka eny an-dalàna. . . .

"Fa ny mpianany namaly Azy hoe: Aiza no hahazoana mofo an-efitra hahavoky ireto olona ireto?

"Ary [Jesoa] nanontany azy hoe: Misy mofo firy any aminareo? Ary hoy ireo: Fito."

Dia "nandray ny mofo fito i [Kristy], ka rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony ny mpianany mba harosony; . . .

"Ary nisy hazandrano madinika vitsy tao aminy; ka rehefa nanaovan'i Jesoa fisaorana izy ireo, dia nasainy naroso teny anoloany koa.

"Ary nihinana ny olona, ka dia voky; ary nangoniny ny sombinsombiny sisa tsy lany, ka nisy fito sobiky." (Jereo ny Marka 8:1–9.)

# MISAOTRA ANAO RAHALAHY JAY

Nosoratan'i Kristine Purcell

Tena feno fankasitrahana noho ny toe-tsaina sy ny fanolorantena ary ny fiomanana sy ny fitiavana asehon'ireo mpanompo tsy tambo isaina manerana ny Fiangonana aho.

**A**lahady rahampitso," hoy aho tamain'ilay zanako vavy dimy taona izay teo ampofoako. Feno tsiky ny tarehiny.

"Tena tsara izany!" hoy izy. "Hahita ny Rahalahy Jay aho izany."

Feno fankasitrahana ny foko. Tena feno fisiorana aho noho ny fanamoran'ny mpampianatra iray be fitiavana sy tia mikarakara tao amin'ny Kilonga ny fanatrehanay paroasy vaovao taorian'ny fifindranay. Ny fandaozannay ny fonenanay tany amin'ny faritra afovoany andrefan'i Etazonia sy ny fifindranay tany amin'ny 2173 km lavitra dia sarotra ho an'ny fianakaviana iray manontolo fa indrindra indrindra ho an'i Season izay mbola kely. Noho izy efa saro-kenatra hatramin'izay dia natahotra ireo toe-javatra vaovao niseho izy ary feno ahiahy mikasika ny fandehanana hiangona any amin'ny paroasy vaovao iray tao anatin'ilay herinandro voalohany nahatongavanay.

Nampiasa vazivazy sy naneho fitiavana ampy hanalana ny fiahiahia-n'i Season Rahalahy Jay, izay lehilahy malemy fanahy sy mahafoy tena. Tamin'izay Alahady voalohany izay dia nandohalika izy, ka noraisiny ny tanan'i Season ary sady nojereny tsara izy no nolazainy hoe: "Avia, sombinaina a! Hahafinaritra anao ny ao amin'ny kilasinay."

Rehefa nandeha teny ny herinandro maro, dia ny andro Alahady no andro andrandrain'i Season kokoa noho ireo andro hafa ao anatin'ny herinandro. Raha vao tonga ao am-piangonana izahay dia tadiaviny eo anivon'ny

mpiangona ilay mpampianatra azy. Dia itsikian-drahalahy Jay izy ho fiarahabana azy.

Nandritra ny taona maro rahalahy Jay dia nahatsiaro ny mpianatra tsirairay tamin'ny alalan'ny fanolorana fanomezana azy ireo amin'ny andro fety manokana sy rehefa amin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'izy ireo. Rehefa nanakaiky ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'i Season dia Rahalahy Jay no vahiny manan-danja indrindra tiany hasaina amin'ny fetiny.

Mba azony an-tsaina ve fa lasa nanana toerana manan-danja teo amin'ny fainan'ilay zanakay vavy izy? Mba fantany ve fa tena noraisin'ireto vondron'ny mpianatra dimy taona ao amin'ny Kilonga am-po tokoa ireo teny nolazainy sy fihetsika nasehony? Moa ve mba fantany fa zava-dehibe ho ahy amin'ny maha-reny ahy ny fitondrany anjara biriky eo amin'ny fainan'ilay zanako vavy?

Taty aoriana dia niakatra tao amin'ny kilasin-drahalahy Edward i Season ary dia nitohy ny fainan'zavatra mahafinaritra tao amin'ny Kilonga. Tena feno fisiorana ireo lehilahy sy vehivavy rehetra izay manao tsara ny asany, sy miomana tsara ary manetry tena aho ka nitondra zavatra tsara arapanahy teo amin'ny fainan'i Season.

Nahazo fitahiana ny fianakavianay iray manontolo noho ireo olona mahafoy tena izay nanompo anay teny amin'ilay lalan'ny fivoaranay ara-panahy. Tsaroako ao anatin'izany ilay mpitarika Skoto miavaka iray, ilay mpanorohetra mahari-po

iray tao amin'ny kôlejin'ny diakona, ilay mpampianatra seminera nanana faharetana iray, ilay fadidian'ny Zatovovavy iray izay tena nahafinaritra ary ilay eveka iray tena mikarakara.

Fantatro fa tsy ny fianakavianay irery ihany akory no nahazo fitahiana. Mety misy olona maro tahaka ny "Rahalahy Jay" any, satria maro ireo rahalahy sy rahavavy mahafoy tena ary nisy fiantraikany teo amin'ny fianakaviana maro toy ny anay ny asa fanozona nataon'izy ireo. Tena feno fankasitrahana aho noho ny toe-tsaina sy ny fanolorantena ary ny fiomanana sy ny fitiavana asehon'izy ireo.

Misaotra an'ireo mpanompo ma-zoto tsy tambo isaina manerana ny Fiangonana aho izay nanampy ny fianakaviansika. ■

*Monina any Nevada, Etazonia ny mpanoratra.*



**MIEZAH  
HANOVA FIAI-  
NAN'OLONA**

"Aoka isika hifantoka amin'ireo fomba tsotra ahafahantsika manompo ao amin'ny fanjakann'Andriamanitra ka hiezaka foana mba hanova fiainan'olona ary tafiditra ao anatin'izany ny an'ny tenanao manokana."

*Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "O Be Wise," Liahona, Nôv. 2006, 20.*



# JEREMIA

*"Niaina tao anatin'ny fotoana sarotra sy tany amin'ny toerana nanahirana i Jeremia, kanefa nomen'ny Tompo fahafahana izy mba hahita mialoha 'ilay fotoam-pantenana mandritra ny fanangonana an'i Israely amin'ny andro farany.'"*<sup>1</sup>

—Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

I zaho dia zanak'i Hilkia, mpisorona tao Anatota tany akaikin'i Jerosalema. "Tonga tamiko [tao anatin'ny fahatnorako] ny tenin'i Jehovah nanao hoe: "Hatr y ny fony hianao tsy mbola noforoniko tany an-kibo no efa fantattro; ary hatr y ny fony hianao tsy mbola teraka no efa nohamasiniko sy notendreko ho mpaminany ho an'ny firenena."

Tsapako ho toy ny mbola tsy vonona ny hanatanteraka izany antso izany aho ka namaly hoe: "Indro, tsy mahay mandaha-teny aho, fa mbola zaza."

Namaly ny Tompo hoe: "Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao hianao, ary izay rehetra handidiako anao no hambaranao.

"Aza matahotra azy hianao; fa momba anao hamonjy anao Aho." Dia "nanendry ny vavako" ny Tompo ary nampiditra teny tao anatin'izany.<sup>2</sup>

Naminany tao Jerosalema nandritra ny 40 taona aho, nanomboka tamin'ny 626 ka hatramin'ny 586 talohan'ny nahaterahan'i Kristy, nandritra ny fanjakan'i Josia, sy Joakima, ary Zedekia.<sup>3</sup> Izaho dia niaina tamin'ny vanim-potoana niainan'i Lechia izay mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Samy naname-loka ny vahoakan'i Jerosalema izahay ary nanambara mialoha ny

faharavan'izany tanàna lehibe izany.<sup>4</sup>

Nodidin'ny Tompo aho mba hirakitra ireo faminaniako ao anatin'ny "horonan-taratasy."<sup>5</sup> Rehefa henon'ny Mpanjaka Joiakima ireo faminanihana ireo dia nodorany ilay horonan-taratasy. Nodidin'ny Tompo mba hanoratra indray ireo faminanihana ireo aho ary hanampy teny maro kokoa ao anatin'izany.<sup>6</sup>

Niatrika fanoherana tsy tapaka aho rehefa nitory ny tenin'ny Tompo. Namely ahy i Pasora, zanakalahin'ny mpisorona sady mpiandraikitra ny tranon'i Jehovah ary namatotra ahy tamin'ny boloky hazo. Nikasa ny hamono ahy noho ny asa fitoriana

nataoko ireo mpanenjika. Mpaminany nankahalaina aho ary matetika natsipy tany anaty lavaka famorian-drano sy tany am-ponja. Niaina tao anatin'ny vanim-potoana iray tena feno fahartsiana lehibe aho.<sup>7</sup>

Saingy na dia niaina tao anatin'ny fahorianina aza aho dia nomen'ny Tompo fahafahana mba hahita mialoha fa hangonina ny Israelita amin'ny andro farany ary ny Tompo dia hanoratra ny lalany "ao am-pon'izy ireo," ary Izy dia haka "iray isan-tanàna sy roa isam-pokony" amin'izy ireo mba hoentina any Ziona.<sup>8</sup>

Rehefa nanoxy nitory ny tenin'ny Tompo aho—na dia tamin'ny fotoana sarotra aza—dia nianatra aho fa ny fanolorantena manokana ho an'ny filazantsara dia mitondra fiadanana. Rehefa manao izay hisian'ny finamanana manokana amin'ny Tompo isika dia afaka mahatsapa fanantenana daholo eo anivon'ireo fitsapana sy fahorianina. ■

## FANAMARIHANA

1. Linda K. Burton, "Moa ve Voasoratra ao Am-pontsika ny Finoana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?" *Liahona*, Nôv. 2012, 111.
2. Jereo ny Jeremia 1:1–9.
3. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Jeremia", scriptures.lds.org.
4. Jereo ny Jeremia 6; 1 Nefia 1:13, 18–20.
5. Jeremia 36:2.
6. Jereo ny Jeremia 36:23–32.
7. Jereo ny Jeremia 20:2; 26:8; 38:6.
8. Jeremia 31:33; 3:14.



# ILAY LAISOA VITA AMIN'NY VATOSOA JADEITA

Nosoratan'i Ellen C. Jensen

Fony aho nanao asa fitoriana tany Taiwan, dia mba nitsidika vetivety ilay Tranom-bakoka Nasiônalny tany Taipei izaho sy ilay mpiara-mitory tamiko tamin'ilay andro natao mba hiomanan'ny misiônera. Ny sangan'asa nahasarika indrindra tao dia nantsoina hoe ilay Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita. Tena nankafizin'ny olona maro dia maro izany nefà ny hany zavatra hitako dia Laisoa vita sokitra tamin'ny vatosoa jadeita. Tsy azo lavina fa tsara tarehy izany saingy nisy zavatra mety tena tsy fantatra ankoatra izany.

Rehefa nivoaka avy tao amin'ilay tranom-bakoka izahay dia nanontany ilay mpiara-mitory tamiko aho hoe: "Ahoana no fahitanao ilay Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita?"

"Tiako iny sangan'asa iny!"

"Nahoana?" Hoy aho nanontany.

"Laisoa fotsiny ihany anie iny e!"

"Ianao angaha ahoana a! Toy ny fanoharana teo amin'ny fiafainako io Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita io!" hoy izy nihoraka.

"Io laisoa io ve?"

"Eny e! Tsy fantatrao angaha ny tantara?"

"Toa tsy mahafantatra tokoa ianao raha ny fahitanana azy."

Notantarainy ahy ilay tantara ary marina ny nolazainy. Dia lasa fanoharana iray teo amin'ny asa fitoriana nataoko sy ny fiafainako izany.

Raha tiana ho tena lafo dia lafo ny sokitra natao tamin'ny vatosoa iray dia tsy maintsy vatosoa manana

loko tokana izany. Ny sokitra vita avy amin'ny vatosoa faran'izay tsara dia tena lafo satria tena sarotra dia sarotra vao mahita vatosoa faran'izay tsara. Maitso ny lokon'ny lohan'ilay Laisoa vita amin'ny vatosoa jadeita ary fotsy ny amban. Ahitana faritra mitresatresaka sy marokoroko izany. Tsy nisy mpanao sary sokitra naniry ny handany ny androny tamin'ny karazana vatosoa toy izany ka tamin'ny farany dia tonga ilay olona izay antsoin'ny Sinoa hoe mpanao sary sokitra tena sangany.

Raha toa ka afaka niteny ilay vatosoa dia azoko sary an-tsaina ny mety resaka nifanaovany tamin'ilay mpanao sary sokitra vaovao. Azoko sary an-tsaina ny fandraisan'ilay mpanao sary sokitra ilay vatosoa.

Hanontany ilay vatosoa hoe: "Inona no tadiavinao?"

Hamaly ilay mpanao sary sokitra

hoe: "Mitady vatosoa hosokirina aho."

"Dia mitadiava izany vatosoa hafa. Tsy tsara aho. Miloko roa samihafa izay tena mifangaro aho ka tsy ho hainao velively ny hampisaraka azy ireo. Misy faritra mitresatresaka sy marokoroko eto amiko. Tsy mba ho lafo vidy velively aho. Aza mandany fotoana amiko."

"Andray r'ilay vatosoa kely adala-dala ity! Matokia ahy. Mpanao sary sokitra tena sangany aho. Hataoko ho lasa sangan'asa tena kanto ianao."

Ny tena mahatalanjona eo amin'ilay Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita dia nampiasain'ilay mpanao sary sokitra tsy nilaza anarana ireo kilema nananan'ilay vatosoa—ireo loko anankiroa, ireo faritra mitresatresaka sy marokoroko—mba ho toy ny tena izy mihitsy. Lasà tahon'ilay laisoa ilay am-pahany fotsy tanteraka ary ireo faritra



## JEHOVAH MIJERY NY FO

"Eto amin'ity izao tontolo izao iainantsika ity dia matetika ny toe-tsaina amam-panahy dia toy ny tsy manandanja kokoa noho ny hatsaran-tarehy na ny hakanto mahasondriana ety ivelany. Saingy efa taloha tany ka hatramin'izao no naverimberina ilay torohevity ny Tompo ho an'i Samoela mpaminany hoe: 'Fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona ny fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo' (1 Samoela 16:7)."

Filoha Thomas S. Monson, "Canaries with Gray on Their Wings," *Liahona*, Jona 2010, 4.



mitresatresaka sy marokoroko dia lasa toy ireny raviny tena izy ireny mihitsy. Raha tsy teo ireo "kilema" nananan'ity vatosoa ity dia tsy ho lasa toy ny zavatra tena izy mihitsy izany.

Noho ny hatsaran'ity asakanto ity dia lasa natao fanomezana ho an'ny iray tamin'ireo andriana tany Chine izany ary nandravaka ny lalantsara-n'ireo lapa tsara tarehy tany Azia ary napetraka tao amin'ny tranom-bakoka tany Taiwan izany tamin'ny farany.

Izany dia mampahatsiahay ahy ny Etera 12:27: "Ary raha manatona ahy ny olona, dia hasehoko azy ny fahalemeny. . . Ary ampy ho an' ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako; fa raha manetry tena eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin' izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy."

Rehefa avy nahita ilay Laisoa Vita amin'ny Vatosoa Jadeita aho dia lasa nanana dikany hafa ilay soratra masina. Toy io vatosoa io daholo isika rehetra saingy isika mbola sokirina. Tsy maintsy matoky ilay mpanao sokitra tena sangany isika, dia i Jesoa Kristy, izay haka ireo fahalementsika ary hanova izany ho tanjaka. Noho ny fomba fijerintsika izay tsy tonga lafatra dia matetika isika mifantoka amin'ireo kilemantsika ary lasa kivy satria mieritriritra isika fa tsy manana ireo toetra na fahaiza-manao takina. Kanefa i Jesoa Kristy Mpamony antsika dia mahita izay tokony hahatongavantsika. Rehefa avelantsika hiasa eo amin'ny fainantsika ny Sorompanavotana, dia hovolavolainy ho lasa zavakanto isika izay hiaraka hiaina amin'ny Mpanjak'an'ny mpanjaka indray andro any. ■  
*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

### AHOANA NO AHAFAHAKO MAHITA NY TENAKO TOY NY AHITAN'NY TOMPO AHY?

Fanamby iray ny fahafahana mahita ny tenantsika toy ny ahitan'ny Tompo azy. Izy dia mahita antsika toy ny zanak'Andriamanitra izay manana hery anaty lehibe sy manana ny maha-izy azy. Saingy matetika isika mifantoka amin'ireo fahalementsika. Tsy noharian'ny Raitsika any an-danitra mba hitoetra ao anatin'ireo kilemantsika isika fa kosa mba ho lasa zavakanto miavaka. Afaka mandresy ireo fahalementsika isika amin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

Vakio ireto soratra masina manaraka ireto mba hianarana ny fomba ampiasan'ny Tompo olona tsy tonga lafatra mba hanatantre-raka ny asany: Eksôdosy 4:10–12; Jeremia 1:4–10; 1 Nefia 4:1–6; Almà 26:12; Fotopampianaranana sy Fanekepohavanana 35:17–18.

# NY FON'I LIZOCHKA

Nosoratan'i Marina Petrova

**N**iditra ho mpikamban'ny Fiango-nana izaho sy ny vadiko tamin'ny 1995 tany Rosia ary nofehezina tany amin'ny Tempolin'i Stockholm Suède izahay ny taona nanaraka izany. Nofehezina taminay koa ny zanakay roa vavy. Roa taona taty aoriania dia nahazo zanakavavy iray hafa indray izahay satria teraka i Lizochka. Nandeha tsara ny fainanay. Faly daholo izahay. Saingy roa andro taorian'ny nahaterahany dia nanomboka nanana olana teo amin'ny fihinanana sakafio ilay zanakay kely. 300 g monja no azony tao anatin'ny iray volana.

Notenenin'ireo mpiasa tao amin'ny toby fitsaboana zaza izahay fa tokony homenay sakafio matetika kokoa izy. Hitako fa te hihinana izy saingy tsy afaka. Farany dia nentin'ny vadiko tany amin'ny hôpitaly teo amin'ny tanàna izy. Tonga dia nomen'ny dokotera anay ny valin'ny famantarana aretina natao—tsy fetezan'ny fo efa hatrany am-pahaterahana. Nisy vava-fantson'ny fo iray tsy niasa ka ilay ra zara raha nikoriana tany amin'ny havokavony dia nahatonga azy ho tsy afaka niaina na nisakafo tsara.

Nila fandidiana izy saingy ny taonan'ny zaza kely indrindra azo natao fandidiana tany Russie tamin'izany dia roa taona. Vao iray volana monja anefa ny zanakay vavy tamin'izany. Nanoratra ny fitsaboana tokony hatao ilay dokotera ary nilaza fa any aoriania any rehefa lehibe kokoa izy dia hotanterahan'izy ireo ilay fandidiana.

Iray volana taty aoriania dia lasa nihombo be ny aretin'i Lizochka, ka dia nihazakazaka nandeha tany amin'ny

hôpitaly izahay. Izaho no nitazona azy teny an-dalana. Nijery ahy toy ireny nitalaho mba hampiana ireny izy. Raha tsy mpikamban'ny Fiagonana aho dia tsy ho fantatroy izay mety ho nataoko. Kanefa natoky ny Tompo izaho sy ny vadiko ary nino mafy fa hilamina ny zava-drehetra. Niezaka ny nampitony azy aho tamin'ny alalan'ny filazana hoe: "Aza matahotra na inona na inona sombinaiko. Tia antsika Andriamanitra. Hanampy antsika Izy ary hilamina ny zavatra rehetra."

Tonga ihany izahay tamin'ny farany. Nihazakazaka nankany amin'ny sampana mpandray marary aho sady namihina mafy azy. Nanomboka nikatona ny mason'i Lizochka. Zara raha afaka niaina izy. Toy ny tsy afa-niteny ireny aho rehefa nanazava tamin'ny dokotera momba ilay zanako ary dia nentin'ny mpikarakara marary tany amin'ny sampana misy ny marary mila fitsaboana goavana. Nilaza ny dokotera fa nanomboka nivonto ny havokavony ka dia nametahan'izy ireo milina ahafahana miaina amin'ny fomba artifisiale izy.

"Roa volana," hoy izahay taminy.

"Efa marary be izy. Tena kely izy ary manasaro-javatra ilay havokavony mivonto, saingy tsy tokony hotarirahintsika ela intsony izao. Mbola tsy nanao fandidiana toy izao tamin'ny zazakely aho. Hiezaka hanao izay

azoko hatao rehetra aho. Tsy maintsy mividy vava-fantsona artifisiale roa sosona ianareo saingy tena lafo be izany—eo amin'ny 2.100 dôlara izany. Hatao afaka efatra andro ny fandidiana."

Inona no hatao? Samy tsy nanana izany vola izahay na izahay na izy olona fantatray. Kanefa nisarika ny sain'ny hafa ny toe-javatra niainanay ka dia nahangona ilay vola izahay tamin'ny alalan'ny fahalalahantanan'izy ireo sy ny famindram-pon'ny Tompo. Novidin'ny vadiko ilay vava-fantsona izay nilainay mba hamonjena ny ain'ilay zanakay.

Tsy ireo rahalahy sy rahavavy tao amin'ny paroasinay ihany no nivavaka sy nifady hanina ho an'ilay zanakay vavy kely fa nanao izany koa ireo misionera sy Olomasin'ny Andro Farany nanerana ny tanàna. Tsapanay ny fanohanan'izy ireo. Rehefa nipetraka tao amin'ny lalantsara nandritra ny andron'ny fandidiana izahay dia nahatsapa ny Fanahy Masina sy ireo vavaka nataon'ireo rahalahinay sy rahavavinay. Fantatray fa teo akaikinay izy ireo! Ary niaraka taminay sy nitarika ireo mpanididy Andriamanitra. Tsy handao anay Izy ary hilamina ny zavatra rehetra.

Rehefa nivoaka avy nanao ny fandidiana ilay mpandidy dia toy ny sahiran-tsaina izany niteny anay hoe: "Nandeha tsara ny zava-drehetra. Napetrakay ilay vava-fantsona. Tsy haiko mihitsy fa dia nahomby izany." Saingy fantatray ny nahatonga izany ho nahomby. Notahian'ny Ray any an-danitra izy.

Nijanona tany amin'ny hopitaly



nandritra ny telo andro i Lizochka ka nihena tao anatin'izany ny favontosan'ny fony sy ny havokavony. Mbola tsy nakatona ny faritry ny vatany nodidina fa nosaronana mafy tamin'ny fonon-tsela manify izany ka andro vitsy taty aoriana vao nanao fandidiana indray izy ireo mba hanakatonana ny tratrany sy ny vatany. Saika tsy dia nanantena loatra ny hahavelomany ny dokotera rehetra. Saingy nino ny Ray any an-danitra sy ny heriny izahay ary nino fa raha toa ka sitrapony ny hahasitrana azy dia ho tanteraka izany.

Andriamanitra irery ihany no afaka namerina anay an'i Lizochka. Nihsatsara isan'andro izy. Nijanona nandritra ny iray volana tany amin'ny hôpitaly indray izy ary efa aty an-trano miaraka aminay izy amin'izao fotoana izao.

Andriamaniry ny fahagagana Andriamanitra. Maheno ny vavaka ataontsika izy, ary manohana antsika Izy ao anatin'ireo fotoan-tsarotra lalovantsika. Mampatanjaka ny finoana ny fitsapana ary mampianatra antsika mba hino sy hanantena ary hitia. ■

*Mipetraka any Belgique ny mpanoratra.*



### **REHEFA TOY NY TSY VOAVALY NY VAVAKA ATAO**

"Tena mafy rehefa tsy novaliana araka ny hitadiavanao azy ny vavaka iray natao tamim-kitsimpo mikasika ny zavatra iray tena irinao. Sarotra ny mahatakatra an-tsaina ny antony tsy hahazoana ilay vokany tadiavina nefy ny tena mampihatra finoana lalina sy marina avy amin'ny fiainana feno fankatoavana. Nampianatra ny Mpamony hoe: 'Na inona na inona angatahinareo amin' ny Ray amin' ny anarako, *ka ilainareo*, dia homena anareo izany.' [F&F 88:64; nampiana fanamafisana.] Indraindray sarotra ny mamantatra hoe inona no *tena tsara* na *ilaina* ho anao rehefa mandeha ny fotoana. Ho mora kokoa ny fiainanao rehefa manaiky ny zavatra atao'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao ianao mba hitondrana soa *mandrikizay* ho anao."

**Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Using the Supernal Gift of Prayer," Liahona, Mey 2007, 9.**



Nosoratan'ny Loholona


David A. Bednar

Ao amin'ny Kôlejin'ny

Apôstôly Roambinifolo

# Asa

Fitoriana, Tantaram-pianakaviana ary Asa Atao any amin'ny Tempoly



**N**andritra ny fivoriana masina iray natao tao amin'ny Tempolin'i Kirtland tamin'ny 6 Aprily 1837, dia nilaza ny Mpamiany Joseph Smith hoe: "Raha toa ka efa voalaza teo daholo ny zava-drehetra, ny andraikitra lehibe sy manan-danja indrindra kosa dia ny mitory ny Filazantsara."<sup>1</sup>

Fito taona teo ho eo taty aoriana dia nanambara izy tamin'ny 07 Aprily 1844 hoe: "Ny andraikitra lehibe indrintra napetrak'Andriamanitra amintsika eto amin'ity izao tontolo izao ity dia ny mitady ireo havantsika efa maty. Hoy ny apôstôly hoe: 'Tsy hatao tanteraka ireo, raha tsy efa mby eo koa isika' [jereo ny Hebreo 11:40]; satria zavadehibe ny hananantsika eo am-pelantanantsika ilay hery famehezana mba hamomezana ny zanatsika sy ireo havantsika efa maty ao anatin'ny fitantanaran'ny fotoam-pahafenoana—fotoampitantanana iray hanatanterahana ireo fampanantenana nataon'i Jesoa Kristy talohan'ny nanorenana an'i-zaao tontolo izao mba hamonjena ny olona."<sup>2</sup>

Mety misy olona sasany manontany tena hoe nahoana ny fitoriana ny filazantsara sy ny fitadiavana ireo havantsika efa maty no samy adidy sy andraikitra tena

*Ny fitoriana ny filazantsara sy ny fikarohana ireo havana efa maty dia ampanhan-javatra mameo ilay asa lehibe iray—ilay asa fanehoam-pitiavana natao mba hanovana sy hampitodihana ary hanadiovana ireo fon'ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana.*



lehibe miaraka apetrak'Andriamanitra eo antsonor'ny zanany. Ny tanjoko dia ny haneho fa ireo fampianarana ireo dia mampisongadina ny maha-iray ny asa famonjena amin'ny andro farany. Ny asa fitoriana sy ny tantaram-pianakaviana ary ny asa atao any amin'ny tempoly dia kazaran-javatra mifandray ao anatin'ny asa lehibe iray, "mba hahatanterahany ny fitondrana hatao mandra-pahatapiry ny andro voatendry, hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy, na any an-danitra, na ety an-tany dia ho ao aminy" (Efesiana 1:10).

Mivavaka aho mba hanampy ahy sy ianareo ny herin'ny Fanahy Masina rehefa miara-mifantoka amin'ilay asa famonjena mahatalanjona amin'ny andro farany isika.

#### **Ny Fo sy ireo Ôrdônansin'ny Fisoronana**

Ny fitoriana ny filazantsara sy ny fitadiavana ireo havantsika efa maty dia andraikitra

masina iantsorohana izay misy ifandraisany amin'ny fontsika sy amin'ireo ôrdônansin'ny fisoronana. Ny votoatin'ny asan'ny Tompo dia ny fanovana sy ny fanodinana ary ny fanadiovana ny fo amin'ny alalan'ireo fane-kempihavanana sy ôrdônansy tanterahana amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana mifnaraka amin'izany.

Ny teny hoe *fo* dia ampiasaina mihoatra ny inarivo ao anatin'ireo soratra masina nankatoavina ary maneho ny zavatra tsapan'ny olona iray any anatin'y. Noho izany ny fontsika—ilay fitambaran'ny faniriantsika sy ny fitiavantsika sy ny fikasantsika sy ny anton-javatra mampazoto antsika ary ny toetrantsika iray manontolo—dia mamaritra hoe iza isika ary manoritra hoe ho lasa inona isika.

Ny tanjon'ny Tompo ao anatin'ny asa fitoriana dia ny manasa ny rehetra hanatona an'i Kristy, handray ireo fitahiana avy amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ary



*Ny fanatanterahana sy ny famitana tsotra fotsiny ny zavatra rehetra ao anatin'ilay lisitra lava be ahitana ireo "zavatra tokony hatao" momba ny filazantsara dia tsy voatery hitondra ny fisoritan'ny Endriny eo amin'ny tarehintsika na hitondra fiovana mahery vaika ao am-po.*

haharitra hatramin'ny farany amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy.<sup>3</sup> Isika dia tsy mizara fotsiny ny filazantsara mba hampitomboana ny isan'ny mpikambana sy ny tanjaky ny Fianganan'ny andro farany fa kosa mikatsaka ny hanatanteraka ilay andraikitra masina nasaina natao isika, dia ny hitory ny fahamarinan'ilay drafity ny fahasambarana izay an'ny Ray sy ny maha-Andriamanitra an'ilay Zanany Lahitokana, Jesoa Kristy ary ny fandairan'ny sorompanavotan'ny Mpamonjy. Ny tanjona fototry ny fitoriana ny filazantsara dia ny hanasa ny rehetra mba "hanatona an'i Kristy" (jereo ny Môrônîa 10:30–33), hiaina ilay "[fiovam-pol] mahery vaika" (jereo ny Almà 5:12–14), ary mba hanolotra ireo ôrdônansin'ny famonjena ho an'ireo olona eto an-tany izay mbola tsy eo ambanin'ny fanekepihavanana.

Ny hanaovana izay hahazoan'ny maty sy ny velona ny fisandratana no tanjon'ny Tompo amin'ny fanorenana tempoly sy fanatanterahana ôrdônansy isoloana tena. Tsy hoe manao fitsaohana any amin'ny tempoly isika mba hainan'ny tena manokana toe-javatra tsy hohadinoina na mba hiarahan'ny fianakaviana miaina toe-javatra tsy hohadinoina fotsiny. Fa kosa mikatsaka ny hanatanteraka ilay andraikitra masina nasaina natao isika, dia ny hanolotra ireo ôrdônansin'ny famonjena sy fisandratana ho an'ny fianakaviamben'ny olombelona iray manontolo. Asa izay mitondra fitahiana ho an'ireo olona tsirairay any amin'ny tontolon'ny fanahy izay mbola tsy eo ambanin'ny fanekepihavanana ny fambolena ao am-pon'ny zanaka ny fampanantenana natao tamin'ny ray, dia i Abrahama, Isaka, ary Jakôba izany; sy ny fampitodihana ny fon'ny zanaka amin'ny rainy; ary ny fanaovana fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana sy ny fanatanterahana ireo ôrdônansy isoloana tena any amin'ny tempoly.

Ireo ôrdônansin'ny tempoly dia lalana iray hahazoana ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra:

"Ary ity Fisoronana ambony ity dia mittantana ny filazantsara sy mihazona ny fanalahidin'ny misterin'ny fanjakana, dia ny

fanalahidin'ny fahalalana an'Andriamanitra.

"Koa miharihary ao amin' ny ôrdônansiny ny herin' ny toetra araka an' Andriamanitra.

"Ary raha tsy misy ny ôrdônansiny sy ny fahefan'ny fisoronana, dia tsy miharihary amin'ny olona ao amin'ny nofo ny herin'ny toetra araka an'Andriamanitra" (F&F 84:19–21).

Mba diniho ny halehiben'ny dikan'ireo andininy ireo. Ny olona iray dia *tsy maintsy miditra amin'ny vavahadin'ny batisa aloha ary mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina—dia avy eo mandroso hatrany eny amin'ilay lalan'ny fanekepihavanana sy ôrdônansy izay mitondra any amin'ny Mpamonjy sy any amin'ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany (2 Nefia 31). Tena ilaina ireo ôrdônansin'ny Fisoronana mba "hanatonana [feno] an'i Kristy sy mba hahatongavan'ny tena ho tanteraka ao aminy" (jereo ny Môrônîa 10:30–33). Raha tsy misy ireo ôrdônansy ireo dia tsy afaka mandray ireo fitahiana rehetra natao mba ho azo amin'ny alalan'ilay sorompanavotan'ny Tompo izay tsy manam-petra sy mandrakizay ny olona iray (jereo ny Almà 34:10–14)—dia ilay herin'ny toetra araka an'Andriamanitra izany.*

Ny asan'ny Tompo dia asa tena lehibe iray izay mifantoka amin'ny fo sy ny fanekepihavanana ary ny ôrdônansin'ny fisoronana.

#### **Ireo zavatra azo tsoahina avy amin'izany**

Io fotopampianarana masina io dia manolotra zavatra manan-danja roa azo tsoahina ho an'ny fanaovana ny asantsika ao amin'ny Fianganonana.

Voaloany, matetika isika mety mikiry be fotsiny manasaratsaraka ireo sokajy ao anatin'ny asa famonjena sy ireo fitsipika sy lamina miaraka amin'izany. Matahotra aho fa misy maro amintsika mety mifantoka diso tafahoatra amin'ny lafin-javatra manokana ao amin'ny asan'ny Tompo ka lasa tsy afaka mandray ilay hery feno avy amin'ilay asa famonjena iray mitambatra isika.

Raha mikatsaka ny mba hanangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy ny Tompo, isika kosa matetika mety manasaratsaraka sy mifantoka amin'ny toe-javatra

manokana izay lasa mameatra ny fahatakarantsika sy ny fahitantsika. Rehefa diso tafahoatra ny fanaovana izany dia lasa ny fitantanana ireo fandaharan'asa sy ny fampitomboana ny anttan'isa no lohalaharana fa tsy ny fanasana ny olona hiditra ao anatin'ny fanekempihavananana sy handray amim-pahamendrehana ireo ôrdônsy. Ny fomba fiasa tahaka izany dia manohintohina ny fahazoana fahadiovana, fifaliana, fitohizan'ny fiovam-po sy hery ara-panahy ary fiarovana izay avy amin'ny "fanolorana ny fon[tsika] ho an'Andriamanitra" (Helamàna 3:35). Ny fanatanteraha sy ny famitana tsotra fotsiny ny zavatra rehetra ao anatin'ilay lisitra lava be ahitana ireo "zavatra tokony hatao" momba ny filazantsara dia tsy voatery hitondra ny fisoritan'ny Endriny eo amin'ny tarehistsika na hitondra fiovana mahery vaika ao am-po (jereo ny Almà 5:14).

Faharoa, ny fanahin'i Elia dia zava-dehibe no sady tena ilaina ao anatin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Tao anatin'ny fisesissen'ireo zava-niseho tao anatin'ny famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara teto tamin'izao andro farany izao angamba no tena nanamafisan'ny Tompo io fahamarinana io.

Nahita sy niresaka tamin' ny Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy tao amin' ny Ala kely Masina i Joseph Smith. Io fahitana io no niantombohan'ny "fitantanana'ny fotoampahafenoana" (Efesiana 1:10) sy nanome fahafahana an'i Joseph mba hianatra mikasika ny tena toetoetran'Ny Andriamanitra sy ny fitohizan'ny fahazoana fanambarana.

Tokony ho telo taona taty aoriania, ho valin' ny vavaka iray natao tamin-kitsimpo ny alin' ny 21 Septambra 1823, dia heniky ny hazavana ny efitrano fatorian' i Joseph mandra-pahatongan' izany ho "nazava bebe kokoa noho ny amin' ny mitataovovonana" (Joseph Smith—Tantara 1:30). Nisy olona niseho teo anilan' ny fandrian' ilay zazalahy kely ary niantso azy tamin' ny anarany ary nanambara



*Tsy hoe manao fitsaohana any amin'ny tempoly isika mba hianan'ny tena manokana toe-javatra tsy hohadinoina na mba hiaran'ny fianakaviana miaina toe-javatra tsy hohadinoina fotsiny. Fa kosa mikatsaka ny hanatanteraka ilay andraikitra masina nasaina natao isika, dia ny hanolotra ireo ôrdônsin'ny famonjena sy fisandratana ho an'ny fianakaviamben'ny olombelona iray manontolo.*

"fa iraka avy teo anatrehan' Andriamanitra izy . . . ary i Môrônia no anarany" (andininy 33). Nam-pahafantatra an' i Joseph mikasika ny fiafian' ny Bokin' i Môrmôna izy. Ary avy eo nanambara teny avy ao amin'ny bokin'i Malakia ao amin'ny Testamenta Taloha i Môrônia, izay nisy fiovana kely rehefa nambara tamin'ny fiteny nampiasaina tao amin'ny Baibolin'ny Mpanjaka James:

"Indro, hambarako aminareo ny Fisoronana amin' ny tanan' i Elia mpaminany, mialohan' ny fiafian' ny andron' ny Tompo, andro lehibe sy mahatahotra. . . . Ary hamboleny ao am-pon' ny zanaka ny fampanantenana natao tamin' ny ray, ary hitodika amin' ny rainy ny fon' ny zanaka. Fa raha tsy izany dia horavana tante-raka ny tany manontolo amin' ny fiafiany" (Joseph Smith—Tantara 1:38–39).

Ireo torolalana nomen' i Môrônia an' ilay mpaminany tanora dia ahitana lohahevitra fototra roa rehefa nodininhina: (1) ny Bokin' i Môrmôna ary (2) ny tenin' i Malakia izay manambara mialoha ny anjara asan' i Elia amin' ny Famerenana amin' ny laoniny "ny zavatra rehetra, izay nampilazain'

Andriamanitra ny mpaminany masina hatramin' ny voolahany indrindra" (Asan' ny Apôstôly 3:21). Araka izany dia nanambara ny famaritana marina ny amin' Ny Andriamanitra ireo zava-niseho nampiditra ny Famerenana amin' ny laoniny sy nanamafy ny lanjan' ny Bokin' i Môrmôna ary nanazava mialoha ny asa famonjena sy ny fisandratana ho an' ny velona sy ny maty.

Mba diniho izao ny anjara asan'ny Bokin' i Môrmôna eo amin'ny fanovana ny fo—sy ny an'ny fanahin'i Elia eo amin'ny fampitodihana ny fo.

Ny Bokin' i Môrmôna miaraka amin'ny Fanahin'ny Tompo no "hany fitaovana faran'izay lehibe nomen' Andriamanitra antsika mba hanovana fo an'izao tontolo izao."<sup>4</sup> Io boky soratra masina izay tonga niaraka tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny io no vato ifaharan'ny fivavahantsika



*Ny fitoriana ny filazantsara sy ny fitadiavana ireo havantsika efa maty dia andraikitra masina iantsorohana izay misy ifandraisany amin'ny fontsika sy amin'ireo ôrdônan-sin'ny fisoronana.*

ary tena ilaina amin'ny fitondrana fanahy eo amin'ny Mpamony. Ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy—vavolombelona lehibe iray manamafy ny maha-Andriamanitra ny Mpamony eo anivon'ity izao tontolo izao izay miaina bebe kokoa hatrany ao anatin'ny tsy finoana sy ny fitsipahana ny fitsipi-pitondrantena. Miova ny fo rehefa vakin'ny olona sy halalininy ny Bokin'i Môrmôna ary arahiny vavaka amin'ny finiavana marina mba hahafantarana ny fahamarinan'ny boky.

5 Io fitarihan'ny Fanahy Masina izay miavaka io dia mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba mahery vaika mikasika ny draftry ny fahasambaran'ny Ray ary mitarika ny olona mba hikaroka sy haneho fitiavana ireo razambeny sy ireo olona ao amin'ny fianakaviany—ireo tany aloha sy amin'izao fotoana izao. Ny fanahin'i Elia dia misy fiantraitany amin'ny olona ao anatin'ny Fiango-nana sy any ivelany ary mampitodika ny fo any amin'ireo ray.

  
*Ahitana horonan-tsasy miisa enina ity lahatsoratra ity. Ataovy scan ity code an'ny quick-response (QR) ity na tsidiho ny lds.org/go/bednar1014 mba hahitana ilay horonan-tsary voalohany misy tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

Tonga izao ny fotoana hampiasantsika amin'ny fomba mahomby kokoa ilay lamina maty paika hahazoana fiovany fo amin'ny fomba mahery vaika, izay tanteraka amin'ny alalan'ny hery ara-panahin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny fampitodhana ny fon'ny ray izay tanterahana amin'ny alalan'ny fanahin'i Elia. Ny fanirantsika mba hifandray amin'ny lasantsika dia afaka manomana olona iray handray ny herin'ny tenin'Andriamanitra sy hanamafy orina ny finoany. Ny fitodihan'ny fo iray any amin'ireo ray no hany afaka manampy olona iray hanohitra ny fitarihan'ilay fahavaloo sy hanamafy orina ny fiovam-po.

*Jereo ilay horonan-tsary faharoa mba hahitana ilay tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

## Fitsipika

Izao aho dia te hizara fitsipika efatra momba ny hery ara-panahy izay avy amin'ny fiovany fo sy fitodihan'ny fo.

- 1. Fo sy fiovam-po.** Ny fitodihana any amin'ireo ray dia mamoha sy manomana ny fo hiaina fiovana mahery vaika. Noho izany ny fanahin'i Elia dia manampy amin'ny fahazoana fiovam-po.

*Jereo ilay horonan-tsary fahatelo mba hahitana ilay tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

- 2 Fo sy Fihazonana.** Ny fitodihana any amin'ny ray dia manohana sy mampahanjaka ny fo izay niaina fiovam-po mahery vaika. Noho izany ny fanahin'i Elia dia manampy amin'ny fihazonana ireo mpikambana vaovao.

*Jereo ilay horonan-tsary fahaefatra mba hahitana ilay tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

- 3. Fo sy fampahavitrihana.** Ny fitodihana any amin'ireo ray dia manalefaka ny fo nihamafy rehefa avy niaina fiovana mahery vaika. Noho izany ny fanahin'i Elia no fanalahidin'ny fampahavitrihana.

*Jereo ilay horonan-tsary fahadimy mba hahitana ilay tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

- 4. Fo sy misiônera mavitrika.** Ny misiônera iray izay niaina fiovana mahery vaika sy fitodihan'ny fo dia hiova fo bebe kokoa ary hanolo-tena bebe kokoa sy ho mpanompo mavitrika bebe kokoa.

*Jereo ilay horonan-tsary fahaenina mba hahitana ilay tantara mampiseho izany fitsipika izany.*

Rehefa jerena ny habetsaky ny misiônera izay nitombo haingana dia haingana ary tsara omana, dia tsy afaka tonga dia miantehitra tsotra fotsiny amin'ny fahombiazana azo tamin'ny asa fitoriana taloha isika mba hamaritana ny lalantsika sy ny fomba hoentintsika miasa amin'ny ho avy. Ny Tompo dia manana ireo teknôlôjia sy fitaovana tena tsara izay manome fahafahana antsika mba hahazo tombontsoa



*Ny fanahin'i Elia dia  
“fisehoan’ny Fanahy  
Masina mijoro ho va-  
volombelona momba  
ny fananan’ny fiana-  
kaviana toetra araka  
an’Andriamanitra.”*

bebe kokoa avy amin’ny maha-iray ny asa fitoriana sy ny asa atao any amin’ny tempoly ary ny asa atao ao amin’ny tantaram-pianakaviana noho ny tamin’ny fotoana teo aloha tao anatin’ity fotoampitantanana ity. Ary tsy kisendrasendra akory ny fahatongavan’ireo zava-baovao ireo amin’ny fotoana tena ilana azy tsara mba hampandrosoana ny asa fitoriana manerana ny tany. Ny asan’ny Tompo dia asa tena lehibe izay mifantoka amin’ny fo izay miova sy mitodika ary mifantoka amin’ireo fanekempihavanana masina sy amin’ny herin’ny toetra araka an’Andriamanitra izay miseho amin’ny alalan’ireo ôrdônsin’ny fisoronana.

### Famintinana sy Fijoroana ho vavolombelona

Nanambara ny Tompo hoe: “Mahavita ny asako ihany Aho” (2 Nefia 27:21), ary “Hohafainganiko amin’ny fotoana ny asako” (F&F 88:73). Vavolombelon’ny fanafainganany ny asany isika.

Miaina sy manompo ao anatin’ny fitantanan’ny fotoampahafenoana isika. Ny fahatsapantsika ny lanjany mandrakizain’ity fotoampitantanana manokana iainantsika ity dia tokony hisy fiantraikany amin’ny zavatra rehetra ataontsika sy ezahantsika mba hahatongavana. Goavana sy midadasika ary manan-danja sy ilaina maika ny asa fitoriana tokony hatao amin’izao andro farany izao. Tokony ho tena feno fankasitrahaha isika tsirairay noho ireo fitahiana sy andraikitra avy amin’ny fainana ao anatin’izao fotoana manokana ao anatin’ny fotoampitantanana farany izao. Tokony ho tena feno fanetrentena isika noho ny fahafantarana fa “amin’izay omena be no takiana be” (F&F 82:3).

Ny fitoriana ny filazantsara sy ny fikarohana ireo havana efa maty dia amphaan-javatra mameno ilay asa lehibe iray—ilay asa fanehoam-pitiavana natao mba hanovana sy hampitodihana ary hanadiovana ireo fon’ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana. Nesorina ilay tsipika artifisiaaly

fanasarhana, izay matetika tokoa apetratsika eo anelanelan’ny asa fitoriana sy ny asa atao any amin’ny tempoly ary ny asa atao ao anatin’ny tantaram-pianakaviana. Asa famonjena lehibe anankiray ity.<sup>6</sup>

Moa ve isika afaka manomboka manakatra ny andraikiry ny asa atao any amin’ny tempoly sy ny asa atao ao anatin’ny tantaram-pianakaviana eo amin’ny fanampiana naman’ny Fiangonana iray na mpikambana malaina iray mba hahazo fahatakarana lalina kokoa momba ny drafity ny famonjena? Moa ve tsapantsika fa ny iray amin’ireo hery lehibe indrindra miasa ao anatin’ny fihazonana ireo mpikambana vaovao dia ny fanahin’i Elia? Moa ve isika afaka manakfy tanteraka ny hasarobidin’ireo fotoana hitodihan’ny fo izay miseho amin’ny alalan’ny fizarana tantaram-pianakaviana izay fitavana hitadiavana olona mba hampianarin’ny mpikambana sy ny misiônera? Afaka manampy ireo tompointsika ve isika mba banana fahafahana matetika kokoa hahazo ireo herin’ny toetra araka an’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fandraisana anjara amim-pahamendrehana amin’ireo ôrdônsy toy ny fanasan’ny Tompo sy ny fanaovana batisa ary fandraisana ho mpikambana ireo maty?

Enga anie ianao ka hahita mazava tsara sy haheno tsara ary hahatsiaro mandrakariva ny maha-zava-dehibe ny asa fanampoana ataonao ao anatin’ny asan’ny Tompo mba hanovana sy hampitodihana ary hanadiovana fo. ■

*Avy amin’ny lahateny iray natao nandritra ny seminera ho an’ny filohan’ny misiona tamin’ny 25 Jona 2013.*

### FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph Smith* (2007), 330.

2. *Enseignements: Joseph Smith*, 475.

3. Jereo ny Torio ny Filazantsarako: *Torolalana ho an’ny Asa Fanompoan’ny Misiônera* (2004), 1.

4. Ezra Taft Benson, “A New Witness for Christ,” *Ensign*, Nov. 1984, 7.

5. Russell M. Nelson, “A New Harvest Time,” *Ensign*, May 1998, 34.

6. Jereo ny Spencer W. Kimball, “The Things of Eternity—Stand We in Jeopardy?” *Ensign*, Jan. 1977, 3.



# TOKANTRANO

## Ivontoeran'ny Fianarana

Rehefa manohana ny zavatra ianarana ao an-tokantrano ny zavatra ianarana any am-piangonana dia manorina fototra mafy iorenan'ny fainana ny filazantsara ianao izay.


“**A**taovy izay hamakiana ireo zavatra asaina vakina ho an’ny lesona amin’ny herinandro ambony.” Tsy teny efa mahazatra lanao ve ireo? Ambaran’ny mpampianatra manao fiangaviana any amin’ny fiafaran’ny fotoam-pianarana any am-piangonana izany matetika.

Ary rehefa tena zava-dehibe tokoa ny miomana amin’ireo lesona ampianarina isaky ny Alahady, dia tsy tsapanao ve indraindray fa ny tanjon’ny fandalinana sy ny fisaintsainana dia ny mba hahavonona anao tanteraka rehefa Alahady?

Raha ny marina dia ny mifanohitra amin’izay no tokony hiseho.

Ny “fampianarana sy ny fandaharan’asa ary ny fiaraha-mientana rehetra [ato amin’ny Fiagonana dia] mifantoka amin’ny tokantrano ary tohanan’ny Fiagonana.”<sup>1</sup> Midika izany fa natao mba hanohnana ny fianarana ataon’ny tsirairay sy ny fianakaviana ny fivoriam-piangonantsika rehetra. Nampianatra ny Eveka Bishop Gary E. Stevenson hoe: “Ny toerana voalohany hampianarana sy hianarana dia ao an-tokantrano.”<sup>2</sup> Rehefa ifantohana ao an-tokantrano ny fianarana sy fampianarana dia mitarika mankany amin’ny fiovam-po izy ireo.

“Tsy misy manavaina ny lanjan’ny fampianarana atao any amin’ny trano fiagonana sy trano fivoriana akory amintsika,” hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo. “Efa nataontsika rehetra nandritra ny fainantsika izany saingy tiantsika ny hanatanterahantsika izany tsy tapaka ao anatin’ny fainana iainantsika.”<sup>3</sup> Rehefa ampidirinao ao anatin’ireo toe-javatra iainantsika isan’andro eo amin’ny fainam-pianakavianaao izany fianarana tsy tapaka izany dia afaka mametraka fototra mafy iorenan’ny “tranon’ny fianarana” (F&F 88:119) iray ianao izay hanome toeram-pialofana sy toeram-piarovana ara-panahy ho anao sy ny fianakavianaao.





## FIANARANA AO AN-TOKANTRANO

Mety tsy hahita vokany eo no ho eo ihany ianao, saingy rehefa araraotinao ireo fotoana tsotra hianarana sy hampianarana ao anatin'ny fainana isan'andro, dia hisy fiantraikany mahery vaika izany. Toy izao manaraka izao ny fomba nati-tan'ny fianakaviana maromaro ny fiantraikan'izany teo amin'ny fainany.

### Fotoana Tsotra

“Misy ireo fotoana izay tsapantsika fa tsy ahafahana miresaka amin’ny fomba milamina tsara ireo lohahevitra mifandray amin’ny filazantsara. Nanome fahafahana anay mba hampianarana lesona manandanja ny zanakay ireo fotoana

tsotsotra nampianarana. Ary betsaka kokoa ireo fotoana tsotsotra hampianarana ao anatin’ny andro iray noho ireo fotoana milamina tsara hampianarana. Noho izany dia araraotinay ireny fotoana ireny mba hampianarana ny zanakay ireo fitsipika

manan-danja. Ohatra, mampianatra momba ny fahamarinan-toetra aho rehefa miantsena. Mora hain’ny zanako kokoa ireo fitsipika ireo rehefa hitan’izy ireo ny fomba hampiharana azy ireo.”

*Mona Villanueva, Philippines*





## Mifandray mandritra ny Fotoana Fihinanana Sakafo Maivana

“Nanampy ahy hanana fifandraisana tsara kokoa tamin’ny zanako ireo fotoana tsotsotra nampianarana. Miresaka momba ny zavatra nitranga tany am-pianaran’izy ireo izahay rehefa mipetraka ao an-dakozia ka mihinana sakafo kely maivana izay hanina rehefa avy mirava any am-pianarana. Matetika ny iray amin’izy ireo dia hilaza zavatra izay nolazain’ny namana iray na hilaza ny zavatra tsapany rehefa niteny zavatra na nanao zavatra ny olona iray. Afaka mijoro ho vavolombelona amin’ny fomba miavaka aho amin’izay ary mifanakalo hevitra mikasika ny zavatra tsapan’ilay zanako momba ilay zava-niseho. Mihevitra aho fa rehefa manao resaka malalaka tsara amin’ny fotoana mampahazo aina ny zanaka isika dia vonona kokoa ny hiresaka zavatra manan-danja izy ireo rehefa ilaina izany satria lehibe kokoa ny fahatokiany noho ny fahafantarany fa hihaino ny ray aman-dreniny.”

*Alyson Frost, Grèce*

## Fanaovana dia mivezivezy ary Fifampiresahana

“Manatitra ireo zanako vavy any an-tsekoly aho isa-maraina ka fiara fitateram-bahoaka no andehananay. Manana fotoana maro tsara hiresahana izahay noho izany. Indray mandeha vao tsy ela akory izay dia nahita mpivady nifanditra izahay. Nitodika haingana tany amiko ireo zanako vavy ary niandry ny hilazako zavatra momba izany. Saingy izaho indray no nanontany azy ireo izay tsapany mikasika ny zavatra nitranga. Nilaza tamiko izy ireo hoe tsy tokony hiresaka amin’ny vadiny toy ireny mihitsy ny lehilahy raha ny eritreritr’izy ireo. Niresaka momba ny fanambadiana sy ny fifandraisana ao anatin’izany izahay taorian’izany. Lasa nitondra fahazavan-tsaina amampalahy ilay dia nandritra ny 30 minitra teny ambony fiara fitateram-bahoaka.”

*Mario Lorenz, Guatemala*






## Vondron'olona Mikarakara

"Tsapanay mivady fa izahay no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fam-pianarana ny zanakay fa tsy ireo mpitarika, kanefa mankasitraka ny zavatra ataon'izy ireo izahay ary manampy araka izay azonay atao. Ny paroasinay dia manana mpitarika mahafinaritra izay tena mifantoka amin'ny zatovo sy ny an-kizy ary manao araka izay vitany mba hanampiana azy ireo hahita tanteraka ilay hery anaty ananan'izy ireo ka mifototra amin'ny zavatra efa nataon'ny ray amandreny izy ireo amin'izany. Nisy fotoana vitsivitsy efa niresahako tamin'ny eveka ary mifandray tsara amin'ireo mpitarika ny zatovo aho ka matetika manontany azy ireo mikasika ny zanako sy ny fivoarany. Ny fifampiresahana matetika mikasika ny fivoaran'ny zanatsika dia manampy antsika rehetra hahatakatra ny fomba hanampiana azy tsirairay."

Jesse N. Arumugam, Afrika Atsimo





**NAMPIANATRA  
TENY AMIN'NY  
TEHEZAN'IREO  
HAVOANA SY  
TANY AN-TRANO  
I KRISTY**

"Ny Mpamonyj [no] ilay Mpampianatra Lehibe. . . . Hitantsika fa nampianatra no hita tao anatin'ny ankamaroan'ny asa fanompoana nataony. Ary saika tsy nisy na dia iray tamin'izany fampianarana izany natao tao anatin'ny trano fiangonana iray. Notanterahina tany amin'izay toerana nisy ny olona tany ivelany ny fampianarany. Teny amin'ny lalambe sy ny lalankely ary teny amin'ny tehezan'ny havoana sy teny amoron-dranomasina ary tany an-trano no nanaovana izany."

Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ao amin'ny "Learning and Teaching in the Home and the Church—the Home" (2014 auxiliary training video), [annualtraining.lds.org](http://annualtraining.lds.org).

**Hery ao amin'ny  
Soratra Masina**

"Manampy ahy hianatra momba an'i Kristy sy ireo toetra nananany ny fandalinana ny soratra masina mba hahafahako hitovy Aminy. Ahazoako bebe kokoa ny Fanahy izany izay mitarika ahy sy mampianatra ahy ny fomba ahafahako mampihatra ireo zavatra nianarako ireo ka mba hahavonona ahy amin'ny fiatrehana ireo olan'ny fainana sy ireo fakam-panahy afafan'i Satana aty amiko. Raha tsy manana io fitahiana io aho eo amin'ny fainako dia fantattro fa tsy hahavita hampiasa ilay hery ao anaty ananako amin'ny maha-zanak'Andriamanitra ahy."

Nathan Woodward, Angletera

**FIANARANA AO AM-PIANGONANA:  
Fitsipika 10 Tokony ho Fantatry ny  
Mpampianatra Tsirairay**

Ankoatry ny fanamasiana orina ny herin'ny fianarana sy ny fam-pianarana ao an-tokantrano dia afaka manamafy orina ny fianarana ao an-dakilasy any am-piangonana koa isika. Rehefa mampihatra ireto fitsipika 10 ireto ny mpampianatra dia hampitsiry fiovam-po eo amin'ny fainan'ireo izay ampianariny izy ireo.

1. Mifampiresaha amin'ny ray aman-dreny izay mihazona ilay anjara asa lehibe amin'ny maha-mpampianatra mba hamantarana izay zavatra ilain'ireo olona ao an-dakilasy dia mampianara zavatra mifandray amin'ireo zavatra ilaina ireo.
2. Miomana ary mampianara amin'ny alalan'ny Fanahy. Mita-diava fanontaniana sy atrik'asa hianaran-javatra izay hitondra fifanakalozan-kevitra tarihin'ny Fanahy sy hanabe ireo mpianatra ara-panahy.
3. Ny olona no ampianaro fa tsy ny lesona.
4. Mifantoha amin'ireo fitsipika fototry ny filazantsara.
5. Fitsipika manan-danja iray na roa no ampianaro lalina tsara toy izay hiezaka ny hampianatra izay ao anatin'ny lesona iray manontolo.
6. Asao ny Fanahy amin'ny alalan'ny famelana ny tsirairay handray anjara (jereo ny F&F 88:122).
7. Manaova fanasana mahery vaika mba handray andraikitra—tsy zavatra toy ny hoe mody dia mamaky akory fa mba zavatra toy ny hoe mody dia miaina izay nianarana.
8. Mijoroa ho vavolombelonba momba ilay fotopampianarana—any amin'ny fiafaran'ny fotoam-pianarana ary isaky ny manosika anao hanao izany ny Fanahy.
9. Iaino ny filazantsara ary "[alamino]" ny tokantranonao (jereo ny F&F 93:43–44, 50).
10. Mitadiava fomba hanohizana ilay fampianarana mandritra ireo fotoana tsotra miseho eo amin'ny fainana andavanandro.

**FANAMARIHANA**

1. *Manuel 2: Administration de l'Église* (2010), 1.4.
2. Gary E. Stevenson, ao amin'ny "The Ward Council—We're All in This Together" (2014 auxiliary training video), [annualtraining.lds.org](http://annualtraining.lds.org).
3. Jeffrey R. Holland, ao amin'ny "Learning and Teaching in the Home and the Church—the Home" (2014 auxiliary training video), [annualtraining.lds.org](http://annualtraining.lds.org).



# TENY AN-TAMPON'NY Rano

*Nitalaho mafy tamin'ny Ray any an-danitra aho mba hanaisotra ny tebiteby sy ny haki-viana nahazo ahy, kanefa raha tsy nisy ireo fitsapana ireo dia mety tsy ho tonga tany amin'i-zay mety "tany nampanante-naina" nitondrany ahy aho.*

**Nosoratan'i Jon Warner**

**E**nim-bolana teo ho eo taorian'ny nahazoako maripa-haizana tany amin'ny oniversite, dia nanomboka tratra ny tahotra tampoka sy fisehoana tebiteby ary fahatsapana harerahan-tsaina izany aho. Tsy fantattro hoe avy taiza no niandohan'ireo toe-javatra ireo saingy nahery vaika sy nahaosa izany.

Nitolona mafy aho mba hahafahako mifanto-tsaina. Izay mety ho asa vaovao nampanaorina ahy tany am-piasana dia niteraka fitebitebena toy izany ka tsy afaka nilamintaina aho. Tonga tao an-tsaiko izao eritreritra tsy voafehy rehetra izao ary midoboboboka mafy tokoa ny foko ka toy ireny hivoaka avy ao an-tratrako ireny izany. Mitohy ao anatin'ny andro maro izany ary rehefa tonga ao an-trano avy miasa aho dia mitambotsotra eny ambonin'ny sezabe. Tsy hitako akory dia lasa fotsiny indray aloha iny hariva iny dia misy andro iray hafa manomboka indray.

Naharitra amam-bolana ireo zavatra tsapa ireo na dia

taorian'ny nahitako asa vaovao aza sy nitadiavako fanampiana tany amin'ny olona matihanina misahana izany toe-javatra izany.

Nivavaka isa-maraina aho rehefa handeha hiasa mba nahazo hery hahatontosako tsara ny androko ary mba hiverenako any amin'ny vady sy ny zanako vavy. Tsy fantattro hoe rahoviana vao hitsahatra ilay olana nianjady tamiko ka nitady hilavo lefona aho matetika. Nangataka fanampiana avy any an-danitra nandritra ny andro maro aho tao anatin'ny ranomaso. Nivavaka tamin-kitsimpo bebe kokoa noho ny teo aloha aho ka nitalaho tamin'ny Ray any an-danitra mba hanampy ahy hahatakatra ilay fitsapana sy hanala izany amiko.

Nahatsapa ho very tao anatin'ny haizina sy ny haki-viana aho rehefa tsy nahatsapa ny Fanahy. Saingy rehefa nanampy ahy tao anatin'ny fahaverezam-panantenana ny Fanahy dia nanana fahatokian-tena hanohy aho—na dia

mandra-pahatonga ny fanaovako vavaka manaraka fotsiny aza. Lasa niantehitra bebe kokoa tamin'ny Ray any an-danitra aho fa tsy hoe nanao vavaka rehefa hisakafo fotsiny na nanao vavaka tsotsotra rehefa hariva. Lasa nanakaiky bebe kokoa Azy aho vokatr'izany.

### Natopatopan'ny Onja

Raha mbola tao anatin'ny tebiteby sy ny hakiviana aho dia namerina namaky ny tantaran'ny Jaredita namakivaky ny "hantsana lehibe" (Etera 2:25). Azoko an-tsaina tsara ny fitebiteben'izy ireo rehefa nidiitra tao anatin'ilay sambony izy ireo. Mety hampidi-doza ilay dian'izy ireo saingy fantatr'izy ireo fa handeha ho any amin'ny "tany finidy ambonin'ny tany hafa rehetra" (Etera 2:15) izy ireo.

Toy izao no voasoratra mikasika ilay dian'izy ireo:

"Nataon'ny Tompo Andriamanitra izay hisian'ny rivotra mahery nitsoka tambonin'ny rano, nankamin'ny tany nampanantenaina; ary dia nahilangilan'ny rivotra tambonin'ny onjan-dranomasina toy izany izy ireo.

"Ary ny zava-nitranga dia imbetsaka izy ireo no nalevina tao amin'ny halalin'ny ranomasina, noho ny tendrombohitr'ona izay nitosaka taminy, ary koa noho ny tafiotra lehibe sy mahatsiravina izay nateraky ny fivatravatran'ny rivotra.

"... Koa rehefa nohodidinin'ny rano maro izy ireo dia niantso ny Tompo, ary Izy nitondra azy ireo indray nivoaka teo ambonin'ny rano.

"Ary ny zava-nitranga dia tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana nankamin'ny tany nampanantenaina ny rivotra raha teny ambony rano izy ireo; ary dia natosiky ny rivotra toy izany izy ireo" (Etera 6:5–8).

Nisy fiantraikany manokana tamiko ireo andininy ireo. Tsapako ho toy ny tao anatin'ny samboko manokana aho niaraka tamin'ny rivotry ny fitebitebena nifafy tamiko sy ny onjan'ny harerahan-tsaina izay nahery vaika ary nandrendrika ahy tao anatin'ny fahakiviana lalina. Rehefa voahodidin'izany rehetra izany aho dia miantso ny Tompo, dia tafavoaka ety ivelany ihany fa tonga dia tafalentika indray.

Novakiko indray ny andininy faha-8: "Tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana ny rivotra *nankamin'ny tany nampanantenaina* . . . ary dia natosiky ny rivotra toy izany izy ireo" (nampiana fanamasifana). Dia tena nanaitra ahy izany. Ilay rivotra izay niteraka onja niavoavo ka nandetika ny sambo iny ihany no nitahy ireo Jaredita nandritra ny diany. Nitalaho tamin'ny Ray any an-danitra aho mba hampitony ny rivotra sy ny onja kanefa raha tsy nisy azy ireo izany dia mety tsy ho tonga tany amin'izay mety ho "tany nampanantenaina" nitarihany ahy aho.

Nanova ny fomba fijeriko ny fainana ireo andininy ireo.

Nampitombo ny fiateherako amin'ny Ray any an-danitra ny tebitebiko sy ny harerahan-tsaike. Raha tsy nisy ny rivotra sy ny onja dia mety tsy ho lasa nahalala velively an'Andriamanitra tahaka ny lasa nahalalako Azy tamin'izany aho—ary mety tsy ho tonga velively tany amin'ny tany nampanantenaina ireo Jaredita.

Amin'izao fotoana izao, izay taona vitsy taorian'izany zavatra niainako izany dia tsy mifafifafy amiko intsony ny rivotry ny fitebitebena ary nitsahatra tsy nandetika ahy intsony ireo onjan'ny harerahan-tsaina. Kanefa raha miverina ilay tafio-drivotra dia hiantso ny Tompo aho ary hisaotra Azy noho ny fahafantaroko fa ny ranomasina tony dia tsy mitondra ny sambo any amin'ny tany nampanantenaina—ny ranomasina ahotakotaky ny rivotra no mitondra any. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*



### AZA MANARY FINOANA VELIVELY

"Inona no mety ho fihetsika tsara indrindra asehonao raha toa ka miatrika olana ara-tsaina na araphietseham-po ianao na ireo olona izay tianao? Ambonin'ny zav-drehetra, aza manary finoana mihitsy an'ny Rainao any an-danitra izay tia anao mihoatra lavitra noho izay azonao takarina. . . .


"Katsaho amim-pahatokiana ireo fombafomba fitsaohana nosedrain'ny taona izay mitondra ny Fanahin'ny Tompo ho ao amin'ny fainanao. Katsaho ny torohevitr'ireo izay mihazona fanalahidy ho an'ny fahatomombananao ara-panahy. Angataho ary ankanamio ireo tsodranon'ny fisoronana. Mandraisa fana-san'ny Tompo isan-kerinandro, ary mifikira amin'ireo fampanantenan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay mahatonga antsika ho tanteraka. . . .

"... Azo sitranina ny saina simba, tsy misy hafa amin'ny fanasiranana taolana tapaka sy fo maratra. Rehefa eo am-perinasa manao ireo fanamboarana ireo Andriamanitra, dia afaka manampy isika amin'ny alalan'ny fanehoana indrafo sy tsy fitsaratsarana, ary hatsaram-panahy.

*Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstoly Roambinifolo, "Tahaka ny Vilany Ariana," Liahona, Nôv. 2013, 40, 41.*



## FIOVAM-PO SY FIOVANA ANY



*Tamin'ny taona 1956 no natao ny batisa voalohany. Amin'izao fotoana izao dia manana tempoly anankiray sy misiona miisa 9 sy tsatoka miisa 74 i Chili ary manana mpikambana eo amin'ny 600.000 latsaka kely eo.*

### Nosoratan'i Néstor Curbelo

Mpanorohetitra momba ny Tantaran'ny Fiagonana, Vondrom-paritra Atsimon'i Amerika Atsimo

**N**andritra ny 58 taona nisian'ny tantaran'izy ireo dia nampisehon'ireo mpikamban'ny Fiagonana ao Chili ny fahafahan'izy ireo miova lalana sy manao fanovana madinidinika eo amin'ny fainany mba hifanaraka amin'izay lazain'ireo mpaminany. Izany toe-tsaina izany dia nanampy ny Fiagonana tany hivelatra tamin'ny fomba mahatalanjona nandritra izay dimampolo taona lasa izay. Amin'izao fotoana izao dia misy mpikambana eo amin'ny 600.000 latsaka kely any Chili ka olona 1 ao anatin'ny 30 any Chili ankehitriny no mpikamban'ny Fiagonana.<sup>1</sup>

### Nitsidika an'i Chili ny Apôstôly iray

Tamin'ny 1851 dia tonga tany Valparaíso ny Loholona Parley P. Pratt (1807–1857) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo niaraka tamin'ny fikasana hanorina ny Fiagonana. Saingy samy tsy nisy nahay teny Espaniôla izy sy ireo namany mpiara-mitory taminy. Tena kely ny vatsimbola nananan'izy ireo ary tsy nisy fahalahana ara-pivavahana teo amin'ilay firenena ka tsy afaka nanorina ny Fiagonana tany izy ireo.



*Mpampianatra miaraka amin'ireo mpianany ao amin'ny kilasy fahaefatra tamin'ny taona 1966 teo ho eo izay nianatra tao amin'ny sekoly iantohan'ny Fiangonana nantsoina hoe Colegio A. D. Palmer.*

Niangavy ny Filoha Brigham Young (1801–77) ny Loholona Pratt hoe: “Tokony hadika amin’ny teny Espaniola ary atao printy ny Bokin’i Môrmôna sy ireo boky tsy lafo vidy sasantsasany dia ho tonga eo amin’ireo firenena ireo ny filazantsara rehefa miaraka amin’ny zavatra mba hovakin’izy ireo ny Fisoronana velona—eny fa na dia ireo rakitsoratra ahitana ireo fampanantenan’Andriamanitra, ireo vavaka nataon’ireo olona fahiny sy ny finoana nananan’izy ireo ary ny hery sy ny Fanahin’Andriamanitra mba hiara-hiasa amin’izy ireo hamerenana amin’ny laoniny ny mpianakavini’Isiraely.”<sup>2</sup>

### Tafaorina ny Fiangonana

Na dia teo aza ny ezaka nataon’ny Loholona Pratt tany aloha tany dia 100 taona mahery taty aoriania vao tafaorina tanteraka tao Chili ny Fiangonana. Tamin’ny 1956, dia nirahina Elder Joseph Bentley sy Elder Verle Allred avy any amin’ny Misionan’i Argentine mba history ny filazantsara tany Chili, izay efa niaina fahalahana ara-pivavahana bebe kokoa. Ireo misiônera ireo dia nahazo ny fanohanany’ny fianakaviana Fotheringham tany Santiago. Mpikambana nifindra monina avy tany Panama izy ireo ary niandrandra ny hahatongavan’ny misiônera.

Ny batisa voalohany dia notanterahina tao Chili tamin’ny

25 Nôvambra 1956, tao anaty dobo filomanosana iray tao amin’ny toerana fialana voly sy fanaovana fanatanjahantena iray tao Santiago. Nitantara Elder Allred hoe: “Nankany amin’ilay toerana fialana voly sy fanaovana fanatanjaha-tena izahay talohan’ny niposahan’ny masoandro ary na-nao fotoam-pivavahana nahitana vavaka sy lahateny fohy. Niara-niditra tao anaty rano izaho sy Rahalahy Garcia. Izy no nataoko batisa voalohany ary nisy olona valo hafa taoriany. Tena andro iray manokana izany. Tsy hay hadnoina ny zavatra tsapanay. . . . Ireo mpikambana ireo no ho mpisava lalan’ny Fiangonana any Chili ary mino aho fa nitoetra ho nahatoky daholo ny tsirairay tamin’izy ireo mandra-pahafatiny: ny fianakaviana Garcías, ny fianakaviana Saldaños, ary Rahavavy Lanzarotti.”<sup>3</sup>

### Fiantsoana Mpitarika

Ny Febrero 1959, dia nitsidika an’i Chili i Spencer W. Kimball (1895–1985) tao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roam-binifolo ary nanamafy ny filana ny fananana mpitarika avy eo an-toerana. Ny iray tamin’ireo mpitarika voalohany avy eo an-toerana dia i Carlos Cifuentes izay mpanolotsain’ny filohan’ny misiona Robert Burton. Nitantara izao toe-javatra nitranga izao ny Loholona Julio Jaramillo izay lasa

Fitopololahin'ny Vondrom-paritra sy filohan'ny tempoly taty aoriana: "Ny fotoana voalohany nahataitra ahy tamin'ny Rahalahy Cifuentes dia tamin'ny nanasana ahy hanatrika ny fivorian'ny fisoronana taorian'ny batisako. Rehefa nanomboka ny fotoana dia nandeha nankeny amin'ny polpitra izy ary ny hany zavatra hitako dia ny hohon'ny tanany izay maloto sy mainty. Nieritreritra aho hoe: 'Ahoana no ahafahan'ity lehilahy ity mitarika fivoriana miaraka amin'ny filohan'ny misiona raha toa ka maloto ny tanany?" Izay no tao an-tsaiko mandra-piteniny ary dia hadinoko ny zavatra hafa rehetra rehefa nahatsapa ny fanahiny aho. Nizara hevitra lalina taminay tamin'ny alalan'ny teny tsotra izy. Mpanamboatra ny simba amin'ireny milina lehibe ireny izy ary tara izy vao mivava isaky ny Sabotsy, dia dioviny ny tanana, saingy noho ny tsy fahampian'ny fitaovana loatra ao amin'ny trano fivarotany

1851: Nandeha tany Valparaíso i Parley P. Pratt saingy tsy afaka nanorina ny Fiagonana tany Chili

► 1926: Nandritra ny fivoriana fijoroana ho vavolombelona iray ny Loholoma Melvin J. Ballard, dia naminany mikasika ny fivoaran'ny Fiagonana any Amerika Atsimo sy ny tanjany amin'ny ho avy



ny fandaharan'asa momba ny fampianarana ny Loholona Eduardo A. Lamartine, izay Fitopololahin'ny Vondrom-paritra teo aloha ary mpanorohevitra momba ny tantaran'ny Fiagonana, "Ireo sekoly tany Chili dia nitondra soa lehibe teo amin'ny fanomezana fahalalana ara-tsaina sy arapanahy an'ireo tanora anarivorivony ary nanampy tamin'ny fanomanana ireo mpitarika sy misiônera izany nandritra ireo taona taorian'izany."<sup>5</sup>

Tamin'ny 1972 no nanombohan'ny fandaharan'asan'ny seminera sy institiota tany Chili. Tamin'ny voalohany dia nanaraka fandaharam-pianarana any an-trano ny mpianatra niaraka tamin'ny fanatrehana fotoam-pianarana taty ivelany isan-kerinandro. Taty aoriana dia lasa natao matetika kokoa ny fanatrehana fotoam-pianarana taty ivelany. Nitahy ny tanoran'ilay firenena ireo fandaharan'asa ireo ary nanampy



► 1956: Tonga tany Santiago ireo misiônera voalohany, dia i Joseph C. Bentley sy Verle M. Allred izany ary dia notanterahina ny batisa voalohany

dia tsy afaka manala tanteraka ny menaka rehetra izy. Dia tamin'izay fotoana izay aho no nianatra fa tsy tokony hitsara olona amin'ny endriny ety ivelany aho fa hitia azy ireo noho ny fananany ny maha-izy azy."<sup>4</sup>

### Fanamafisana Orina ny Taranaka Vao Misondrotra

Tao anatin'ireo taona 60 sy tao anatin'ireo taona 70, dia lasa mafy orina ny Fiagonana tany Chili. Tsy hoe tamin'ny alalan'ny fitomboan'ny mpitarika manana traikera avy eo an-toerana fotsiny fa tamin'ny alalan'ireo fandaharan'asa miompana amin'ny fanorenan-javatra sy fampianarana. Tafiditra tao anatin'izany ny fanorenana trano fiagonana niaraka tamin'ny fananganana sekoly an'ny Fiagonana, ary seminera sy institiota.

Ny volana Martsa 1964 dia voatsangana tany Chili ny sekoly ambaratonga fototra anankiroa izay an'ny Fiagonana. Sekoly maro no nosokafana tamin'ny farany ary nahatratra 2.600 mahery ny mpianatra tao anatin'izany. Tany amin'ny faramparan'ireo taona 70 ary tany am-piantombohan'ireo taona 80 dia lasa nitombo kokoa ny sekoly tsy miankina izay tsara ka dia nanambara ny fanakatonana ireo sekoly tany Chili ny Fiagonana.

Nanao izao fanamarihana izao raha niresaka momba



*Ny institiota fianarana ny filazantsara any Temuco dia iray amin'ireo institiota miisa 50 any Chili.*





*Ny Filoha Gordon B. Hinckley niresaka tamin'ny Olomasin'ny Andro Farany miisa 48.000 tany Chili tamin'ny 1996 nandritra ny fihaonambe iray tany Santiago.*

azy ireo hiomana hanao asa fanompoana rehefa misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Ny Loholona Eduardo Ayala, izay mpikambana tao amin'ny Fitopololahy taloha no iray tamin'ireo mpampianatra seminera voalohany ary taty aoriana dia niasa tao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiagonana tao Chili. Hoy izy hoe: "Nifidy tanora izay teo an-toerana ny Tompo tamin'izany fotoana izany ary maro tamin'izy ireo no misiônera nahavita ny asa fitoriany sy mpitarika manana ny maha-izy azy sy manana fianakaviana mahafinaritra. . . . Ny seminera sy institiota ho ahy dia fitaovana iray nanatanterahana ny famonjena nandritra ireo fotoana nisian'ny hotakotaka maro teo amin'ny firenenay ary feno fankasirahana aho noho ny niantsoana ahy hiasa ao amin'ny sampana misahana ny fampianarana."<sup>6</sup>

### Tsatôka Voalohany

Ny 19 Nôvambra 1972, dia nanangana ny Tsatôkan'i Santiago Chili ny Loholona Gordon B. Hinckley (1910–2008), izay tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany, ka i Carlos Cifuentes no lasa filoha.

Ny fiomanana natao mba handraisana ilay tsatôka dia mampiseho ny toetran'ireo Olomasina tany Chili sy ny fahavononan'izy ireo hanaraka ny mpaminany. Tonga tany

Chili volana maromaro mialoha ny Loholona Hinckley mba hanangana ilay tsatôka. Saingy rehefa avy nanao dinidinika maro dia nahemotra izany. Maro ny olona nanana olana ara-bola tamin'izany ka nanana olana teo amin'ny fanajana ny lalan'ny fahafolokarena ny mpikambana sasany.

Nanazava ny Loholona Hinckley hoe, "Niverina tany aho enim-bolana taty aoriana ary rehefa nanao dinidinika, dia nahita fitomboan'ny finoana. Nandeha tamimpahamarinana teo anoloan'ny Tompo indray izy ireo ka dia natsangana ny tsatôka ary nanomboka tamin'izay dia nitombo sy nivelatra izy ireo."<sup>7</sup>

### Mpisava Lalana tany amin'ny Sisintany

Misy tsatôka roa any Arica amin'izao fotoana izao, izay tanâna any amin'ny farany avaratra indrindra ao Chili. Ny tantaran'i Gladys sy Juan Benavidez, izay olona niova fo voalohany tany Arica, dia mampiseho ny toe-tsain'ny mpisava lalana sy ny fananana hery mitarika avy any an-danitra teo amin'ny fanorenana ny Fiagonana nanerana an'i Chili.

Tamin'ny 1961 no nahafantaran'ny Rahalahy Benavidez ny Fiagonana rehefa nisy taratasy vitsivitsy notsofin'ny rivotra nankeny aminy: "Izy ireo dia pejy avy tao amin'ny gazetiboky iray nantsoina hoe *Reader's Digest Selections*



"12 taona aho no nandray ny hafatry ny filazantsara ary tonga dia tsapako fa marina izany. Enina amby efapolo taona izay no lasa ary nahazo fitahiana aho tao anatin'izay noho ny asa feno fanolorantena nataon'ireo mpitarika maro izay nanao izay tsara indrindra azony natao. Ao anatin'ny fifankafantarana sy ny fifaneraserana amin'ireo taranaka vaovao dia mahatsapa fifaliana aho ary matoky fa ny Tompo dia hanohy hitahy ity firenena ity noho ny fivelaran'ny fomba fijery ary izay koa no tao an-tsain'ireo mpaninany mikasika an'i Chili."<sup>12</sup>

**Loholona Jorge F. Zeballos, mpikambana iray ao amin'ny Fitopololahy avy any Chili**

izay nahitana lahatsoratra lava iray mikasika ny 'Môrmona,' ka namaritra ny fomba faina-n'izy ireo sy ny finoany izany," hoy izy.

Fotoana fohy taorian'izany dia tratrany'ny aretina mafy izy izay nila fitsaboana tany Santiago. "Rehefa tonga tany aho dia novanganian'ny anabaviko ka nahafantatra fa lasa mpikamban'ny Fiagonana izy," hoy izy. "Nasainy mba hanatrika fihaonambe iray manokana aho. Rehefa nihaino ny vavaka fanoafana aho ary nanaraka tao an-tsaina ireo teny nambara dia nahatsapa fifaliana lehibe nanerana ny vatako iray manontolo ary nahatsapa ny fitarihan'ny Fanahy. Rehefa nifafana ilay fihaonambe dia nalain'ny misiônera

Marxisme. Nianjadian'ny fahasahiranana ny mpikamban'ny Fiagonana noho ny tsy fahampian'ny sakafo sy ny fanafody ary ny fandrahonana ireo misiônera sy ny fanartsiana ataon'ny fampitam-baovao.

Tamin'ny 1973, dia niteraka fanonganampanjakana nataon'ny miaramila sy fitondrana jadona izay naharitra hatramin'ny 1990 ny olana ara-bola sy ara-tsôsialy. Na dia miaina ao anatin'ny demôkrasia mivelatra tsara aza i Chili amin'izao fotoana izao dia fotoana tena sarotra ho an'ireo mpikambana ireo roapolotaona ireo. Nisy vondron'olona nanohitra ny fitondrana jadon'ny miaramila izay nanafika trano fiagonana sy ireo mpikambana satria

1957: Nekena tamin'ny fomba ôfisialy ny fofisan'ny Fiagonana tao Chili

1960: Nisy horohoron-tany mahery vaika nitrange tao Concepción. Nandefanampiana ny Fiagonana

► 1961: Natsangana ny Misionari Chili ka i Asael Delbert Palmer no filoha



1962: Fanga-diana ny fototry ny trano fiagonana voalohany an'ny Olomasin'ny Andro Farany tao Santiago

aho mba hiakatra hifandray tanana amin'ilay manampahefana ambony tonga nitsidika, dia ny Loholona Ezra Taft Benson (1899–1994) izany izay tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifolalahy tamin'izany."

Niverina tany Arica Rahalahy Benavidez ary nizara ny zavatra niainany tamin'i Gladys Aguilar sakaizany izay vadiny amin'izao fotoana izao. Andro maromaro taty aoriana dia nahita misiônera nandalo ny tranony i Gladys. "Nandeha haingana nitady azy ireo izahay," hoy Rahalahy Benavidez. "Ny 1 Jolay 1961 izahay no natao batisa niaraka tamin'ny fianakavian'ny vadiko. Manana zanaka sy zafikely ao amin'ny Fiagonana izahay ankehitriny. Feno fankasitrahana ny Tompo aho noho ilay rivotra nitsoka izay nitondra fampahalalana momba ny Fiagonana ho eny an-tanako."<sup>8</sup>

### Fotoana Sarotra Iray

Nandritra ny fifidianana tamin'ny 1970 dia lasa filoham-pirenena i Dr. Salvador Allende ary nametraka fitondrana mifototra amin'ny

nihevitra izy ireo fa ny Fiagonana dia nanao asa ho an'ny tombontsoan'ny fanjakan'i Etazonia. Hoy ny Loholona Ayala, izay filohan'ny tsatôka tamin'izany fotoana izany hoe, "Nihaona tamin'ireo Manampahefana Ambony izahay ary nilaza taminay izy ireo hoe: 'Aoka ianareo mba hampihatra fahendrena sy hivavaka mafy ary hanao izay tokony hatao mba hitandroan'ireo mpikambana ny filamianana mandritra ny favoriana.'"<sup>9</sup>

Na dia teo aza ireo olana ara-bola nianjady tamin'ny firenena sy fifanoherana ara-pôlitika izay nampisaratsaraka ny fiaraha-monina tany Chili tany am-piandohan'ny taona 80, dia nitombo haingana ny Fiagonana. Teo anelanelan'ny taona 1970 sy 1985, dia lasa 169.361 ny isan'ny mpikambana tany Chili raha 15.728 izany.

### Ny Tempolin'i Santiago

Tamin'ny 1980 dia nahazo fitahiana ireo Olomasina satria nambara fa hisy tempoly haorina ao Santiago, Chili.



1972: *Natsangana tao Santiago ny tsatoka voalohany han'i Chili*

*1977: Notanterahanana tao Santiago ny fihalonamben'ny faritra voalohany niaraka tamin'ny Filoha Spencer W. Kimball sy ireo Manampahesana Ambony hafa natrika tany*



Efa tena osa ny Filoha Spencer W. Kimball rehefa nitokana ilay tany hanorenana ny tempoly; saingy ny fahatongavany teo dia nampiseho ny fitiavany an'ireo Olomasina tany Amerika Atsimo, izay niarahany niasa nanomboka tamin'ny 1959. Rahavavy Adriana Guerra de Sepúlveda, izay nandika ny tenin'ny Rahavavy Kimball tamin'izay fotoana izay dia nilaza hoe: "Rehefa nahita ny mpaminany aho izay olona kely vatana nanana endrika anjely dia nanomboka nitomany aho ary tsy nahita izay teny tokony holazaina aminy. Izay aho vao njoro teo akaikin'ny mpaminany velona iray. Zavatra tena tsara ny nahita ilay mpitondratenin'ny Tompo eto



◀ 1981: *Nitsangana ny ivontoerana fanofanana misiônera tany Santiago*

fanofanana mpitarika vaovao ary nanaramaso ny fanaovana fanovana sy fanafoanana ary fanambarana teo anivon'ny paroasy an-jatony sy tsatoka maro. Nilaina izany fanovana sy fanofanana izany noho ny fitomboan'ny Fianganana haingana tany amin'ilay firenena. Ny fitarihany dia nanampy teo amin'ny fanamafisana orina ireo vondrona ary teo amin'ny fanomanana ny Fianganana tany Chili amin'ny ho avy.

Ankoatra izany dia nanana fifandraisana tamin'olona manan-kaja sasantsasany tao Chili ny Loholona Holland. Toy izao no namaritany i Carl B. Pratt ao amin'ny Fitopololahy, izay mpanolotsaina iray ao amin'ny Fiadidian'izany



◀ 1983: *Nitokana ny tempolin'i Santiago Chili ny Filoha Gordon B. Hinckley*



*Mba hitondrana fanampiana vokatry ny horohorontany 2010, dia nanambatra kojakoja fidiovana ireo tanora sy olon-dehibe tany Chili izay mpandray anjara tao amin'ny Môrmôna Manome Tanana.*

ambonin'ny tany ary tao amin'ny firenoko.<sup>10</sup>

Notokanana tamin'ny 1983 ilay tempoly ary faharoa tany Amerika Atsimo izany sy voalohany tany amin'ny firenena iray miteny Espaniola.

### Loholona Jeffrey R. Holland tany Chili

Tamin'ny Aogositra 2002, dia nanendry mpikambana roa tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ny Fiadidiana Voalohany mba hiahy vondrom-paritra roa an'ny Fianganana: Ny Loholona Dallin H. Oaks dia notendrena hiahy an'i Philippines, ary ny Loholona Jeffrey R. Holland dia notendrena hiahy an'i Chili. Tena goavana ny asa fanompôana nataon'ny Loholona Holland sy ny hery mitarika nananany fony izy tany Chili ary hitoetra ho an'ny taranaka maro mifandimby ny fiantraikan'izany.

Ny zavatra voalohany nasongadin'ny Loholona Holland dia ny fanomezana ohatra eo amin'ny fitarihana araka ny fomban'ny Tompo. Nitondra fanampiana Izy teo amin'ny

## FITOMBON'NY Fiangonana Any Chili



◀ 1990: *Nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy i Eduardo Ayala avy any Chili*



◀ 2002: *Nantsoina ho Filohan'ny Vondrom-paritra tany Chili i Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstoly Roambinifolo*



▶ 2008: *Nantsoina ho ao amin'ny Kôlejy Voaholany ao amin'ny Fitopololahy ny Loholona Jorge F. Zeballos avy any Chili*  
2009: *Nambara ny fanorenana ny Tempolin'i Concepción Chili*

Vondrom-paritra izany, ny sasany tamin'ireo olona manankaja nifandray taminy: "Nifandray akaiky tamin'i Ricardo Lagos [filohan'i Chili] sy ny vadiny ny Loholona Holland. Nanatanteraka tetik'asa fanampiana olona maro izy ireo. Nifankafantatra tamin'ny Nonce Apostolique [Mpitondra fivavahana Katôlika manana toerana ambony] ny Loholona Holland ary olona manan-kaja hafa tao Chili."<sup>11</sup>

### Matoky ny Hoavy

Nanorina fototra mafy orina ho an'ny Fiangonana any Chili ireo ezaka nataon'ny Loholona Parley P. Pratt sy ny Loholona Jeffrey R. Holland, ary ny fandavan-tena nasehon'ireo misiônera voaholany tonga tany Santiago, sy ny fanolorantena nasehon'ireo mpitarika toa an'i Carlos Cifuentes sy ireo mpisava lalana hafa tany am-piandohana tao Chili, niaraka tamin'ny finoana sy ny fanolorantenan'ireo anarivorivony maro lasa mpikamban'ny Fiangonana tao anatin'izay dimampolo taona mahery izay. Ankehitriny ilay firenena dia manana tempoly iray ao aminy (ary misy iray hafa vao nambara), ivontoerana fanofanana misiônera iray, misiona miisa 9, ary tsatôka miisa 74. Tsy misy fetrany ny hoavy ao anatin'ilay asa ara-panahy hanasana ny rehetra hanatona an'i Kristy. ■

### FANAMARIHANA

1. Jereo ny *Deseret News 2013 Church Almanac*, 454.
2. *Tantara momba ny tenan'i Parley P. Pratt*, navoakan'i Scot Facer Proctor sy Maurine Jensen Proctor (2000), 504.
3. Verle Allred, ao amin'ny Néstor Curbelo, *LDS in South America: Chile Sur*, boky 1 (2008), 6.
4. Julio Jaramillo, ao amin'ny Néstor Curbelo, *LDS in South America: Chile*, boky 1 (2006), 4–5.
5. Eduardo Adrian Lamartine Aguilera, famintinana ara-tantara nataon'ny mpanoratra, Nôv. 2013.
6. Eduardo Ayala, ao amin'ny Néstor Curbelo, *LDS in South America: Chile*, boky 1 (2006), 44, 45.
7. Gordon B. Hinckley, ao amin'ny Rodolfo Acevedo A., *Alturas Sagradas: Templo de Santiago de Chile*, 100.
8. Néstor Curbelo, "Blossoming in the Desert," *Church News*, Nôv. 9, 1996, 8–9.
9. Eduardo Ayala, ao amin'ny Néstor Curbelo, *LDS in South America: Chile*, boky 1 (2006), 33.
10. Adriana Guerra de Sepúlveda, ao amin'ny Néstor Curbelo, *LDS in South America: Chile* (2006), 16.
11. Carl B. Pratt, ao amin'ny Néstor Curbelo, *Colombia: investigación histórica*, boky 1 (2010), 16.
12. Jorge F. Zeballos, tao anatin'ny taratasy iray nalefa ho an'ilay mpanoratra, Jan. 2014.



Nosoratan'i  
**Carol F. McConkie**  
Mpanolotsaina Voalohany  
ao amin' ny Fiadian' ny  
Zatovovavy Maneran-tany

# FAHASAHIANA **HISAFIDY NY** FAHAMAO TINANA



*Inona no azontsika ampianarina ny zanakalahintsika sy ny zanakavavintsika mba hanampiana azy ireo hisafidy ny fahamaotinana ao anatin'ity izao tontolo izao izay hanaraby azy ireo noho ireo safidy tsara ataon'izy ireo ity?*



**N**ahoana no zava-dehibe ny fahamaotinana? Na-hoana no zava-dehibe ho an'ny Tompo ny halavan'ny zipo sy ny vozon'akanjo na ny T-shirt anaovana? Renim-pianakaviana manan-janaka roa vavy sy roa lahy aho ary azonareo an-tsaina fa nisy ny fotoana nireshana mikasika ny fahamaotinana tao antoktranonay. Saingy rehefa nandeha teny ny taona dia nianatra aho fa tafta tsara ny fampianarana momba ny fahamaotinana amin'ny alalan'ny fampianarana fotopampianarana sy ny fanehoana ohatra tsara. Ny fotopampianarana dia hanampy ny zanatsika hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny fahamaotinana ary ny ohatra ase-hontsika dia hampiseho amin'ny fomba mahafinaritra ireo fitahiana avy amin'ny fahamaotinana.

### **Inona no atao hoe Fahamaotinana?**

Ny fahamaotinana dia fitsipika iray nomen'Andriamanitra mba hanampiana antsika hianatra ny fomba fampiansana ny vatantsika araka ny tokony ho izy eto amin'ity fainana an-tany ity. Ny famaritana ny hoe fahamaotinana ao anatin'ny *Ancrés dans la Foi* (Miorim-paka ao amin'ny Finoana) dia "toetra maneho fanetrentena ary fanaovana fitafiana mendrika sy ny fanehoana fiteny sy fitondrantena mendrika."<sup>1</sup> Ny fahamaotinana dia tsy ahitana fieboeboana sy fizahozahoana. Ny olona maotina dia tsy mampiasa ny vatany na ny fitondrantenany mba hitadiavana sitraka avy amin'izao tontolo izao na mba hampiderana ny zava-bitany marina na izay zavatra heverina ho vitany na hampiderana ireo toetra mampitsiriritra.

Aoka ho tsaroantsika fa ireo fitsipiky ny fahamaotinana zaraina eto dia sady miantefa amin'ny lehilahy no miantefa amin'ny vehivavy sy ny zanakalahy ary ny zanakavavy ary tsarovy fa na dia mampianatra ny fahamaotinana na mampiseho izany amin'ny alalan'ny ohatra aza isika, dia tsy manameloka velively ireo izay misafidy ny hanao zipo fohy na misafidy ny "volo miloko maro sy ny fanaovana peratra maro eny amin'ny orony sy ny sofiny."<sup>2</sup> Maneho fango-rahana ary fitiavana tahaka ny an'i Kristy foana amin'ilay

olona isika fa kosa mitoetra ho mahatoky amin'ireo fitsipika napetraky ny Tompo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo safidy izay ataontsika mba ho maotina ety ivelany ary mba banana fitondrantena maotina dia mampita hafatra mahery vaika hoe takatsika fa zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika ary nisafidy ny hijoro amin'ny toerana masina isika.

Tiako ity soratra masina ity: "Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo? . . . fa masina ny tempolin' Andriamanitra, dia hianareo izany" (1 Kôrintiana 3:16–17). Ny vatantsika no tempolin'ny fanahintsika. Ao anatin'ity vatana tempoly ity no anasantsika ny Fanahy Masina mba ho namana. Izaho dia mino fa rehefa misafidy ny hanao fitafiana maotina sy banana fitondrantena maotina isika, *dia mitafy sy miaina ny fijoranoa ho vavolombelona ananantsika* momba ny Ray any an-danitra sy ny zanany Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona amin'ny alalan'ny bikantsika ety ivelany isika fa mpianatr'i Kristy ary miaina ny filazantsara.

### **Nahoana no Zava-dehibe ny Fahamaotinana?**

Miaina ao anaty tontolo iray ahitana ny tsara sy ny ratsy isika ary ny vatana dia sady azo ampiasaina hanaovana zavatra ratsy no azo ampiasaina hanaovana zavatra tsara. Saingy fantatsika fa ilay vatantsika sarobidy dia fanomezana avy amin'Andriamanitra mba ho antsika tsirairay. Masina izy io. Nampianatra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ho an'ireo izay mahafantatra sy mahatakatra ny draftry ny famonjena, dia fihetsika maneho fikomiana ny fandotoana ny vatana [jereo ny Môsià 2:36–37] sy ny fandavana ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra marina antsika."<sup>3</sup> Misafidy ny hikarakara sy hiaro ny vatantsika isika mba hahafahantsika ho fitaovana eo am-pelantanan'Andriamanitra mba hantaeraka ireo asany lehibe (jereo ny Almà 26:3). Raha toa ka maniry ny hijoro ho an'ny Mpamony isika hanao ny asany dia tsy maintsy manontany ny tenantsika isika hoe,

raha toa ka mijoro eo akaikintsika ny Mpamony moa ve isika hahazo aina amin'ny akanjo hanaovantsika?

Ny fahamaotinana eo amin'ny akanjo sy ny bika ety ivelany sy ny eritreritra ary ny fitondrantena dia porofo iray fa mahatakatra ireo fanekempihavanana nataontsika isika izay mitahy sy miaro antsika ary manome hery antsika eo amin'ny fiomanantsika hiverina eo anatrehany. Rehefa natao batisa isika dia niala tao amin'izao tontolo izao ary niditra tao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Tsy maintsy hoe miova ny zavatra rehetra. Nampianatra ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Rehefa misafidy ny ho ao amin'ny fanjakany isika dia manasaraka—fa tsy mampitoka-monina—ny tenantsika amin'izao tontolo izao. Lasa maotina ny akanjontsika ary madio ny eritreritsika sy ny fitenintsika."<sup>4</sup>

Ny fahamaotinana dia fitsipika iray izay hiaro antsika hatrany eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana rehefa mandroso mba ho eo anoloan'Andriamanitra isika. Ny fahamaotinana eo amin'ny akanjo sy ny bika ety ivelany ary ny fahamaotinana eo amin'ny eritreritra sy ny fitondrantena dia manampy antsika hiomana hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly. Mba hitahiana sy hiarovana an'i Adama sy Eva dia nomen'Andriamanitra akanjo hoditra izy ireo mba hanafiana azy ireo talohan'ny nandroahany azy ireo hivoaka ny saha. Torak'izany koa, isika dia nomen'Andriamanitra fitaovana entina miaro ireo fanekempihavanana eto an-tany izay aseho amin'ny alalan'ny garmenta masin'ny tempoly.

### Inona avy ireo fitahiana azo avy amin'ny Fahamaotinana?

Inona no azontsika ampianarina ireo zanakalahy sy zanakavavintsika mba hanampiana azy ireo banana fahasahiana hisafidy ny fahamaotinana eto amin'ity izao tontolo izao ity izay hanaraby sy hankahala azy ireo noho ireo safidy madio sy tsara ataon'izy ireo? Hitan'izy ireo ve isika fa mampiasa ny vatantsika mba hisarhana ny sain'ny hafa sa mba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra?

Ny fahamaotinana eo amin'ny eritreritra sy ny fiteny ary eo amin'ny bika ety ivelany sy ny fitondrantena dia manampy antsika hahazo fitahiana telo izay manome hery sy maha-olom-banona.

**1.** Ny fahamaotinana dia manome fahafahana ny banana ny Fanahy Masina ho namana lalandava. Nampianatra ny Loholona Hales hoe: "Ny fahamaotinana dia tena manandanja mba hahamendrika ny tena banana ny Fanahy."<sup>5</sup>

Ndeha isika hanampy ny zanatsika mba hahatakatra fa tsy hanao na inona na inona izay mety hanakana azy ireo tsy hahazo "ilay fanomezana tsy hay lazaina ny Fanahy Masina" (F&F 121:26). Ampio izy ireo mba hahafantatra fa misy fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy sarobidy sy maha-ery vaika miaraka amin'io finamanana masina aminy io. Nampanantena Andriamanitra hoe: "Hanomezako amin'ny



Fanahiko ianao, izay hanazava ny sainao, izay hameno fifaliana ny fanahiniao; . . . Amin'ny alalan'izany no hahafantaranao ny zavatra rehetra irianao Amiko, izay mikasika ny zavatry ny fahamarinana, amin'ny finoana rehefa mino Ahy fa handray izany" (F&F 11:13–14). Fahalalana, fahendrena, fijoroana ho vavolombelona, fifaliana, fiadanana ary fahasambarana—ireo ny sasany amin'ireo fitahiana lehibe izay azontsika ampanantenaina ny zanatsika rehefa manasa azy ireo hiaina amim-pahamaotinana sy ho mendrika ny banana ny Fanahy Masina isika.

Ny iray amin'ireo fanamby amin'ny fanaovana fitafiana maotina dia ny fiovaovana tsy tapaka eo amin'ny lamaody sy ny fitondrantena eken'ny fiaraha-monina. Ireo fitsipiky ny Tompo anefa dia tsy miova velively. Ampianaro ny zatovolahy sy zatovovavy mba hahay hihaino ny Fanahy rehefa manao safidy mikasika ny zavatra hanaovana sy holazaina ary hatao izy ireo. Rehefa miaina akaikin'ny Fanahy izy ireo dia tsy mila mitovy amin'izao tontolo izao.

Efa nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina ny zanatsika ary mandeha eny amin'ny lalan'ny fanekempihavanana izy ireo izay mitondra mankany amin'ny tempoly ary hiverina eo anatrehan'Andriamanitra. Ilain'izy ireo isika mba hanome toky azy ireo sy hampiseho azy ireo amin'ny alalan'ny ohatra fa hahazo fitarihana, fiarovana sy fampaherezana ary ho voadio izy ireo rehefa manana fainana mendrika ny hananana ny Fanahy Masina.

**2.** Afaka mampianatra ireo zanakalahintsika sy zanakavavintsika isika fa ny bika sy fitondrantena maotina dia manampy antsika ho voaro amin'ireo fitarihan-dratsy eto amin'izao tontolo izao. Ny iray amin'ireo fomba mifono fitaka ampiasaina amintsika rehetra dia ilay toe-tsaina eken'ny fiaraha-monina hoe, efa nilaozan'ny toetrandro ny fahadiovam-pitondrantena. Ny fahamaotinana no



*Ampianaro ny zatovolahy sy zatovovavy mba hahay hihaino ny Fanahy rehefa manao safidy mikasika ny zavatra hananova sy holazaina ary hatao izy ireo. Rehefa miaina akaikin'ny Fanahy izy ireo dia tsy mila mitovy amin'izao tontolo izao.*

fitaovana enti-miaro amin'ny fitarihan-dratsy toy izany ary fiarovana ny fahadiovam-pitondrantena sy ny hatsarantoetra. Henoy ireto teny ireto izay ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora Mahereza): "Aza manao zavatra mety hamoha ireo faniriana any anaty hanao firaисana ara-nofo alohan'ny fanambadiana."<sup>6</sup> Ny bika sy ny fitondrantena tsy maotina dia hamoha matetika ireo faniriana any anaty hanao firaисana ara-nofo ka handrava ireo sakana sy hampitombo ny fakam-panahy handika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena.

Nampianatra ny Loholona Hales hoe: "Ny fahamaotinana no ivon'ny fahadiovana na eo amin'ny eritreritra izany na eo amin'ny asa. Noho izany mitantana antsika sy manoro izay tokony ho eritreritsika sy ho fitondrantenantsika ary ho fanapahan-kevitsika, dia fototry ny toetrantsika ny fahamaotinana."<sup>7</sup> Ampianaro sy asehoy amin'ny alalan'ny ohatra ny fahamaotinana mba hanampiana ny zatovolahintsika sy ny zatovovavintsika hiomana ny hiaro ireo hery ahafahana mahazo taranaka ao anatin'izy ireo. Ampio izy ireo mba hihazona ho masina sy hitahiry ny fifanehoana fitiavana eo amin'ny mpivady mandra-pahatonga ny fanambadiana.

**3.** Ny fahamaotinana dia manome fahafahana antsika mba "hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra" (Môsià 18:9). Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Aingao ambony ny fahazavanareo mba hamirapiratra eo amin'izao tontolo izao. Izaho no fahazavana izay haingainareo ambony" (3 Nefia 18:24). Nahazo didy avy an-danitra isika mba ho loharanom-pitarihana ho an'izao tontolo izao sy ny fifaliana avy amin'ny fainana ny filazantsara ary hampianatra amim-pahamarinana sy hanorina ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany. Hita taratra eny amintsika tsirairay avy ny Fahazavan'i Kristy rehefa maotina sy madio isika ary mitandrina ny didy. Ny fahamaotinana dia vavolombelona irain'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Mpamonjy sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Tena mitafy hatsarana sy voatahy ireo izay tarihin'ny Fanahy Masina sy ireo izay miaro ny tenany amin'ireo zava-dratsin'izao tontolo izao sy mijoro ho vavolombelon'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao. Ary voatahy ireo izay mijoro ho ohatra sy mampianatra ny fotopampianaran'ny fahamaotinana amin'ny zatovolahy sy zatovovavin'ny Ziona rehetra.

Noho isika nanao fanekempihavanana hanaraka ny Mpamonjy sy maniry ny hahazo ny fahafenoan'ny fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany eo amin'ny fainantsika dia fitafiana iray ihany no manan-danja. Nanoratra i Môrônîa hoe: "Mifohaza, dia mitsangana eo amin'ny vovoka, . . . eny ary anaovy ny fitafianao tsara tarehy, Ry zanakavavin'i Ziona; . . . mba hahazoana manatanteraka ny fanekempihavanany Ray Mandrakizay" (Môrônîa 10:31; nampiana fanamasifana).

Ireo fitafiana tsara tarehy ireo dia ny akanjon'ny fahamarinan-toetra izay anaovan'ireo nitandrina ny fane-kempihavanany. Moa ve isika manomana ny zanatsika mba hanao ireo fitafiana tsara tarehy ireo?

Mijoro ho vavolombelona aho fa ao amin'i Kristy ny famonjena ary ireo izay nitandrina ny fanekempihavanany dia "banana fahalalana tomombana ny amin'ny firavoravoany sy ny fahamarinany, fa tafiana fahadiovana izy, eny, dia ny lamban'ny fahamarinana izany" (2 Nefia 9:14). ■  
*Avy amin'ny lahateny iray natao tamin'ny 02 Mey 2013, tao Brigham Young University nandritra ny Fihalonamben'ny Vehivavy.*

#### FANAMARIHANA

1. *Ancrés dans la Foi (Miorim-paka ao amin'ny Finoana): Manuel de Référence sur l'Évangile* (2004), 106.
2. Jeffrey R. Holland, "Israel, Israel, God Is Calling" Fampaherezampanahy tao amin'ny Departemantan'ny Fampianaranana an'ny Fiango-nana, 09 Sept. 2012, cesdevotionals.lds.org.
3. David A. Bednar, "Mino Isika fa Tokony Hadio fitondrantena," *Liahona*, Mey 2013, 43.
4. Robert D. Hales, "The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom," *Liahona*, Jan. 2001, 8.
5. Robert D. Hales, "Modesty: Reverence for the Lord," *Liahona*, Aug. 2008, 18.
6. *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora, Mahereza) (2011), 36.
7. Robert D. Hales, *Liahona*, Aug. 2008, 19.

# ILAY VAVAKA NATAOKO TANY AMIN'NY RANOMASINA AVARATRA

Fony aho 17 taona dia nipetraka tany amin'ny nosy iray tany amin'ny faritra atsimon'i Norvège izahay izay nantsoina hoe Andabeløy. Niditra ho mpikamban'ny Fiagonana tany Andabeløy ny raiko ary natao batisa tao amin'ilay ranomasimbe tany aho.

Mpanjono aho tamin'izany fo-toana izany ary nanana traikera teo amin'ny fitondrana sambo. Nampian-draiketin'ny raiko ahy ny fitadiavam-bolanay amin'ny alalan'ny fitaterana an-dransomasina ireo mponina teo amin'ny faritra.

Indray andro tamin'ny 1941 dia naharay antso avy tamin'ilay dokotera tany Flekkefjord, tany avaratra izahay. Nisy vehivavy iray nila fitsaboana haingana nipetraka tany amin'ny toerana iray izay adiny roa raha mandeha sambo. Nangatahan'i

Dokotera Hoffman aho mba hitondra azy hankany amin'ilay vehivavy, saingy niahiahy ny ray aman-dreniko noho ny oram-baratra mahery vaika tany amin'ny Ranomasina Avaratra. Nanapa-kevitra ny hivavaka izahay, ka hanontany ny Ray any an-danitra mikasika ny tokony hatao. Nahazo valiny izahay hoe tokony handeha aho.

Rehefa nampidiniko an-dransomasina i *Tryg*, ilay samboko fitondra manjono izay mirefy 10 m dia ratsy ny toetrandro ary goavana ny onja. Rehefa avy naka ilay dokotera aho dia nanomboka nanivatsiva ilay lalan-drano teo anelanelan'ny han-tsambato nitondra nankany amin'ny ranomasina. Handeha ho any amin'ny tanàna iray izay any avaratr'i Lista mi-hitsy izahay, toerana iray any amin'ny morontsiraka atsimon'i Norvège izay

vatoana—malaza amin'ny fision'ny oram-baratra sy sambo rendrika matetika.

Namily ilay sambo tao ana-tin'ny oram-baratra aho mandra-pahatonganay teo amin'ny lalan-drano kely vatoana teo amin'ny 12 m teo ny sakany izay nitondra tany amin'ny toeran-kalehanay. Ireo onja, izay tena avo ka tsy nafahako nifehy tsara ilay sambo mba hiditra amin'ilay lalan-drano kely, dia nidoboka tao ana-tin'ilay lalan-drano kely ary nidona tamin'ireo vato.

"Inona no tokony hataontsika?" hoy ny fanontanian'ilay dokotera tao anatin'ilay rivotra mahery vaika.

Namaly aho hoe, "Mila mivavaka momba izany isika."

Niato kely aho dia nivavaka ka nangataka fitarihana tany amin'ny Ray



any an-danitra. Raha vao voateniko ny hoe amena, dia nisy valiny mazava tonga tao an-tsaiko. Tsaroako tampoka ny tantara notantarain'ny mpanjona efa lehibe iray tamiko. Nanjono tao amin'io faritra io mihitsy izy nandritra ny oram-baratra masiaka iray ary tsy afaka namonjy ny moron-drano. Raha teo am-piandrasana ny fitsaharan'ilay oram-baratra izy dia nahita onja miseho amin'ny endrika hafa nanatona. Rehefa avy nifafy ny onja telo lehibe, dia fo-toana fohy nisy fitoniana no nandimby izany—izay ampy ho azy mba hidirany tao anatin'ilay lalan-drano kely.

Efa imbetsaka aho no nanjono teo amin'io faritra io saingy tsy mbola nahatsikaritra onja miseho amin'ny endrika hafa velively aho. Na dia izany aza dia nentiko teo anoloan'ilay lalan-drano kely ny sambo, dia teo

Tena avo ireo onja  
ka tsy afaka nifehy  
tsara ilay sambo mba  
hiditra amin'ilay lalan-  
drano kely aho.

izahay no niandry sy njery ka iny to-ko fa nisy onja telo lehibe tonga. Dia tena nisy fitoniana tokoa taorian'izany. Nasosako teo amin'ilay rano milami-n'ilay helo-dranomasina ny sambo ary afaka nitondra soa aman-tsara an'i Dokotera teny amoron-drano aho. Nande-ha haingana tany amin'ilay vehivavy narary izy ary niandry tao anatin'ny sambo kosa aho sady feno fisaorana fa novalin'ny Ray any an-danitra ny vavaka nataoko.

Rehefa niverina ilay dokotera adiny iray taty ariana dia nanambara izy hoe: "Voavonjintsika ny ainy!"

Rehefa nilamina ny saina noho ilay vaovao sy ny toetrandro nihatsara dia namily ny sambo nitodi-doha nody tao anatin'ny filaminana aho.

Mijoro ho vavolombelona aho fa re-hefa mila fanampiana isika dia tokony hivavaka. Fantatro fa hamaly ny Ray any an-danitra.

Olaf Thorlief Jensen, Utah, Etazonia

io mba hahafantarany ny eritrerity ny Tompo momba azy. Nanao fahotana namohehatra izy tany aloha tany ary na dia efa nibebaka aza izy dia mbola tsy mety mandry saina ihany momba azy ary mbola tsy mety mahazo aina na dia hihira ao amin'ny amboaram-peo aza.

Nibanjina ny Filoha Faust aho ary nahatsapa fa amin'ny maha-solontenan'ny Tompo azy ao amin'ny fiadidiana voalohany dia tokony ho afaka hanao zavatra izy. Saingy ahoana moa no ahafahako miteny izany aminy ary ahoana moa no ahafahany manao izay tokony hatao? Rehefa vita ny favoriana dia hivoaka ny efitrano toy ny nidirany izy, ka tsy hisy ny fifankafantarana sy fandraisantanana ary ny resaka ifanaovana.

Azoko tsara fa be atao izy ary efa nana lamina arahina momba ny diany, kanefa nivavaka ihany aho.

Raha tao anatin'ny fisainana la-lina ny Filoha Faust, dia nanopry ny masonry vetivety teny amiko izy—nikentro-kandrina izy. Rehefa tapitra ilay favoriana dia nisy fifaliana niseho teny amin'ilay endrinhy feno hazavana.

Nijery ahy indray izy dia nitsangana tampoka ary nihodina sy naninjitra ny tanany faran'izay lavitra indrindra. Nanondro tany amin'ilay namako izy. Dia nilaza tamin'ny feo hentitra sy mafy hoe: "Tia anao ny Tompo!"

Kely sy tsotra ilay fihetsika nase-hon'ny Filoha Faust kanefa nahery vaika ary izany dia tsy tanteraka raha tsy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ihany izay nampahafantatra azy ny zavatra izay tsy afaka nampahafanta-riko azy. Nitahy ny namako ireo teny ireo ary mbola manohy manohana ny finoako fa mahafantatra ny antis-pirian'ny fainantsika ny Tompo ary "amin'ny alalan'ny zavatra madinika sy tsotra no anatanterahana ny zavatra lehibe" (Alma 37:6). ■

Alice Victoria Weston-Sherwood,  
Arkansas, Etazonia

## TIANY IANAO

Nipetraka teny an-joron'ny efitrano selestialy teo akaikin'ny ôrga aho nandritra ny fitokanana ny Tempolin'i Memphis Tennessee. Tonga nito-kana ny tempoly ny Filoha James E. Faust (1920–2007), izay mpikambana tao amin'ny Fiadidiana Voalohany nanomboka tamin'ny 1995 ka hatramin'ny 2007. Nipetraka tao ambadiky ny mikrôfonina izy sy ireo mpitarika hafa. Niditra ny amboarampeon'ny Fiagonana teo an-toerana ary nijoro tao aorian'izy ireo.

Mpikambana tao anatin'izany amboarampeo izany ny tovovavy iray izay izaho no mpamangy azy isantokantrano. Nandritra ilay favoriana aho dia nivavaka mba hahazoany ny zavatra nahatongavany teo. Nilaza tamiko izy fa nande-ha nanatrika ny fitokanana ny tempoly tamin'io andro



# HENOKO IREO ANKIZY

Zavatra tsy niriako velively hiai-nako indray ny harerahan-tsaina. Saingy niverina indray izany rehefa tsy tratran'izany intsony aho nandritra ny 12 taona.

Natahotra sy nivadi-po aho. Naneho ny ahiahiko tamin'ny Ray any an-danitra aho ary nivavaka mba hahazo hery hiatrehako izany fitsapana nianjady tamiko izany. Nitlaho tamin'ny Ray koa aho mba tsy haharitra mandritra ny dimy taona toy ny faharetan'ilay farany teo ny harerahan-tsaiko.

Manan-janaka telo izaho sy ny vadiko. Roa lahy ary vavy iray izay nanome anay zafikely miisa 13. Noho ny fahafantarana fa tratran'ny harerahan-tsaina aho dia nangataka ny fianakaviana ny zanako vavy mba hanokana andro iray hifadiana hanina sy hivavahana. Naniry ny hivavaka ho an'i Bebe daholo ny zafikely rehetra 1 taona ka hatramin'ny 10 taona ary naniry ny hifady hanina ny anankitelo izay vao vita batisa. Tena nampahery tokoa ny fahafantarana fa hifady hanina sy hivavaka ho ahy ny vadiko sy ny zanako ary ny zafikeliko.

Naniry ny hivavaka ho an'i Bebe daholo ny zafikely rehetra 1 taona ka hatramin'ny 10 taona ary naniry ny hifady hanina ny anankitelo izay vao vita batisa.

Ny ampitson'izany, rehefa nifoha avy natory atoandro aho dia tsapako ho toy ny tsy dia nahery vaika loatra ilay harerahan-tsaiko. Mbola nihena ihany izany ny andro nanaraka. Rehefa tonga ny andro fahadimy dia tena nanjavona tanteraka ilay harerahan-tsaiko. Rehefa nieritreritra ny fomba nitrangan'izany fahagagana izany aho ny harivan'iny dia nisy feo niantefa tamin'ny fanahiko ary nilaza tamiko hoe, "Henoko ireo ankizy." Henon'ny Ray any an-danitra tao anatin'ny tsy fananan-tsininy izy ireo ary novaliny ny vavaka nataon'izy ireo izay feno fanetrentena sy finoana ary ftiavana.

Nampianatra ny Mpamony hoe:

"Raha tsy miova hianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihtsy hianareo.

"Koa na zovy na zovy no haneltry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra" (Matio 18:3-4).

Nanoratra tamin'ireo zafikeliko aho ary nisaotra azy ireo noho ny fanaovana fifadian-kanina sy vavaka ho ahy. Nolazaiko azy ireo fa tena tiako izy ireo. Nolazaiko azy ireo fa henon'ny Ray any an-danitra izy ireo ary novaliny ny vavaka nataon'izy ireo.

Rehefa mitombo ao anatin'ny filazantsara ireo zafikeliko dia manantena aho fa hotsaroan'izy ireo ilay fotoana nilazan'ny Ray any an-danitra tamin'ny renibeny hoe, "Henoko ireo ankizy." Ary manantena aho fa io zavatra niseho io dia hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona anan'izy ireo sy hanampy azy ireo ho mafy orina hatrany ao amin'ny filazantsara. ■

Joy Cromar, Californie, Etazonia



# POIZINA TENA MAHASARIKA

Raha nivoaka ny varavarana fidirana Raho mba haka gazety dia nahita zavatra tsy dia tsara jerena loatra. Nisy angongona vitsika mpandoro niloko mena niforona efa hatramin'ny alina izay nivoaka avy tao anatin'ilay faritra tresaka teo anelanelan'ny bozaka sy ny sisin-dalana.

Na dia tsy nipetraka ela tany Texas, Etazonia aza izaho sy ny vadiko dia fantatro tamin'ny alalan'ny zavatra ni-seho izay naharary ahy fa ny kaikitr'ireo vitsika ireo fa tsy ny lokony akory no nahazoan'izy ireo ilay anarambosotra nomena azy ireo. Nandeha nankany amin'ny garazy aho izay toerana nametrahany ny pesticide. Dia novakiko tsara ny toromarika nipetraka teo amin'izany.

Nisoratra teo amin'izany hoe "Tena mahasarika ny vitsika mpandoro [ity pesticide] ity." "Hoentin'izy ireo eo amin'ilay angongona vitsika izany ary hampihinanany izany ilay mpanjakavaviny dia ho faty ilay andiam-bitsika." Nanome torolalana ahy ilay soratra teo amin'izany mba hamafy voa bitika vitsivitsy eo ambonin'ilay angongo sy manodidina izany. Dia ny vitsika no hanao ny ambiny.

Niroahan-tsaina aho. Toa fetsifetsy ny fahitako ireo vitsika mpandoro ka afaka ny manorina angongo avo ao anatin'ny iray alina monja izy ireo. Tsy natoky aho hoe ho sodokan'ny poizina miafina izy ireo kanefa nafafiko ihany anefa izany.

Fotoana fohy taty aoriania dia hitako fa somokotra niasa ilay angongo. Nanalavitra izany aho saingy niondrika njery ny zava-niseho. Tena ravoravo izy ireo toy ireny hoe nisy

mana nirotsaka avy any an-danitra ireny. Nentin'izy ireo tamin'ireo tanana keliny ireo voa fotsy madinika ary ni-fandondona izy ireo noho ny fahamazana hitondra ilay poizina eo amin'ilay angongony.

Nihoron-koditra aho njery izany. Vonona nitondra poizina nankany antranony izy ireo. Raha ny marina dia tsy diso tafahoatra mihitsy akory ilay teny hoe "tena mahasarika." Vitan'ilay orinasa mpanao pesticide tamin'ny fomba tsy hay loatra ny nanamboatra zavatra ratsy iray—izay mahafaty mihitsy aza—banana endrika faran'izay tsara.

Tsy nahita velively ohatra tena nanaitra bebe kokoa izay ahafahana manome endrika tsara ny zavatra ratsy noho izany aho. Nahatonga ahy hie-ritreritra ny fanaovan'i Satana zavatra mitovy amin'izany aho. Nahazo fampa-herezana aho rehefa nahatsapa fa na dia afaka mamafy ny poizina miafiny manodidina ny tranoko aza izy dia tsy afaka mampiditra izany ao anatiny—raha tsy hoe avelako izy hanao izany. Ahoana ary no ahafahako manao izay hijanonan'izany any ivelany?

Tonga tao an-tsaiko ny iray tamin'ireo soratra masina tiako indrindra: "Fa indro, omena ny olona tsirairay ny Fanahin'i Kristy mba hahazoany manavaka ny tsara amin'ny ratsy." Nanazava i Môrmôna fa amin'ny alalan'io Fanahy io dia "azontsika fantarina amin'ny fahalalana tanteraka" na avy amin'Andriamanitra na avy amin'i Satana ny zavatra iray (Môrônîa 7:16).

Ny fahafahana njery ireo vitsika izay ho faty ireo dia nahafeno fankasistrhana ahy noho izaho sy ny vadiko afaka mandanjalanja sy mahafantatra

tsara raha tokony havela hiditra ao an-tokantranonay ny zavatra iray. Ny asanay dia ny mampianatra ny zanakay mba hanaraka ny Fanahin'i Kristy mba hahafahan'izy ireo mahafantatra koa ny poizina rehefa hitan'izy ireo izany.

Rehefa niondrika njery ireo bibilekely nitatitra ny voa madinika farany rehetra teny amin'ilay angongony aho dia nianiana fa hanao izay azoko atao mba tsy hidiran'ny poizina ny tokantranoko. ■

Alison L. Randall, Utah, Etazonia

Nanome torolalana ahy ilay soratra teo ambin'izany mba hamafy voa bitika vitsivitsy eo ambonin'ilay angongo sy manodidina izany. Dia ny vitsika no hanao ny ambiny.



# Mijoro AMIN'NY ZAVATRA Inoantsika

**Isika dia miaina ao anatin'ny ton-tolo iray izay misy olona maro mahita ny ratsy ho tsara ary mahita ny tsara ho ratsy. Ireto manaraka ireto dia fijoroana ho vavolombelona nataon'ny tanora tokan-tena sy manambady eo amin'ny 18 ka hatramin'ny 30 taona izay nijoro tamin'ny zavatra ninoany. Tsy nifanditra na naneho hatezerana na haratsiam-panahy izy ireo. Nampiseho "herimpô sy fana-jana"<sup>1</sup> izy ireo ary nampatanjaka ny hafa vokatr'izany (jereo ny 3 Nefia 12:44–45).**





## NANDA TSY HISOTRO CHAMPAGNE NY RAHALAHIKO

Any France dia zavatra tsy maintsy atao ny fanaovana fanompoam-pirenenena. Nanapa-kevitra ny hiditra tao amin'ny sekolin'ny miaramila am-paneva mena mba ho Lietna i Loïc rahalahiko izay 20 taona. Rehefa vita ny fianarany dia nisy ny fotoan-dehibe fanaovana fianianana ho an'ireo miaramila vaovao. Mifandimby mitanisa ny tarigetran'ny rezimanta ny tsirairay. Dia tsy maintsy misotro champagne iray vera misy raozy iray izy—ka samy ateliny daholo izany. Nanomboka tamin'i Napoléon Bona-partie izany fomba fanao izany ary tsy nisy miaramila izay tsy nandray anjara tamin'izany hatramin'izay.

Nolazain'i Loïc tamin'ilay kolonely fa tsy mamela azy hisotro zava-pisotro misy alikaola ireo fitsipiky ny fivavahany. Fahanginana hafahafa no nitranga taorian'ilay fangatahan'i Loïc mba tsy hanao izany. Raha tokony hanery azy mba hisotro ilay champagne izy dia niarahaba azy kosa noho ny fanajany ireo fitsipika iainany na dia eo aza ny faneriterena, ka dia nilaza izy fa voninahitra ho azy ny mandray izany lehilahy mijoro amin'ny fahamarinana izany ho ao amin'ny rezimantany. Nosolooin'izy ireo zavatra hafa ilay champagne, ary nandray anjara tamin'ny fotoana fanaovana fianianana i Loïc.

Pierre Anthian, France

## VOASA TANY AMIN'NY FETY IRAY FENO HADALANA AHO


Rehefa nahavita ny fianarana tany amin'ny oniversite izaho sy i Grace rahavako dia niasa tao amin'ny orinasa iray niaraka tamin'ny Olomasin'ny Andro Farany maro hafa. Tsy mpikamban'ny Fiangonana ireo mpampiasa anay. Rehefa nahazo fofombady ny rahavaviko dia nanomana fety ilay mpampiasa anay izay tsy nampahafantarina azy mba hanolorana fano-mezana ho azy noho ny fikasany hanambady. Nanantena aho fa hanaja ny fitsipika iainanay izy, saingy nanafatra zava-pisotro misy alikaola izy sy lehilahy mpandihy ary horonan-tsary mamaoa fady.

Talohan'ilay fety fanolorana fanomezana noho ny fikasana hanambady, dia nahatsapa ny bitsiky ny Fanahy Masina masina aho izay namporisika ahy mba hampahatsiahny ilay lehibeko ireo fitsipika iainanay. Nofeheziko mafy ilay medaly an'ny Zatovovavy nomena ahy ary nieritreritra ireo ezaka sy fahafoizantena nataoko fony Zatovovavy aho mba hamitana ny tao anatin'ny Mon Progrès Personnel. Nivavaka aho mba ho voatarika hiaro ny zavatra inoako tamin'izay fotoana izay. Nalefako tamin'ny alalan'ny hafatra an-toratra tany amin'ilay mpampiasa ahy ny ahiahiko sady nieritreritra ihany aho hoe mety ho tafintohina izy. Na dia izany aza dia ny hanao izay hahafaly ny Ray any an-danitra no faniriako lehibe.

Rehefa nanomboka ilay fety dia sady tsy niresaka tamiko na nitsiky tamiko akory ilay lehibeko. Nefa efa najanony ny fanafarana ilay mpandihy sy ilay horonan-tsary.

Ny andro taorian'ilay fety dia tsy niresaka tamiko na nihomehy niaraka tamiko toy ny fanaony talohan'ny fety ilay lehibeko. Saingy nahatsapa ho nahazo aina aho satria fantattro fa faly tamin'ny zavatra nataoko Andriamanitra. Herinandro taty aoriana dia lasa niverina toy ny mahazatra ny fifandraisako tamin'ilay lehibeko. Fantattro fa nalefahan'Andriamanitra ny fony ary nampian'Andriamanitra izy mba hahatsapa fa niaina ny zavatra ninoako aho.

Lemy Labitag, Cagayan Valley, Philippines



## NAHENO TENY RATSY AHO TANY AM-PIANARANA

Nanatrika kilasy fianarana manjaitra aho fony 18 taona. Indray andro nisy ankizivavy anankitelo lavidavitra kely ahy nanomboka nampiasa teny ratsy. Tsy fantattro hoe tokony tsy hiraharaha azy ireo ve aho mba tsy hisian'ny fifandirana sa tokony hijoro amin'ny fitsipika inoako ary han-gataka azy ireo mba hanajanona izany. Farany dia nilaza tamin'izy ireo tamin'ny fomba feno hatsaram-panahy faran'izay azo natao aho hoe: "Azafady indrindra! Mba azonareo ajanona ve ny teny ratsy?"

Nivandravandra ahy ilay ankizivavy lehibe indrindra ary nilaza hoe: "Izay teny tianay no ampiasainay e!"

Hoy aho hoe: "Fa tsy maintsy miteny ratsy ve ianareo? Tena manafin-tohina ahy ilay izy."

Hoy izy hoe: "Dia aza mihaino fotsiny e!"

Nanomboka tezitra aho ary nilaza hoe: "Sarotra be ny hoe tsy hihaino satria miteny mafy ianareo."

Hoy izy hoe: "Dia iareto eo izany."

Tsy tantiko intsony ilay izy. Tezitra tamin'ireo ankizivavy ireo ahy ary tezitra kokoa tamin'ny tenako. Tsy nampoiziko hoe lasa nitondra ahy tany amin'ny ady ny fomba firesako. Mbola nanohy niteny ratsy ihany ireo ankizivavy ireo ary lasa samy tezitra daholo izahay tamin'izay.

Rehefa nitony aho dia hitako fa nanana olana tamin'ny milina fan-jairany ireo ankizivavy ireo. Fantattro hoe inona no tsy mety satria efa tratran'izany olana izany aho tany aloha. Dia natoroko azy ireo ny fomba fanamboarana azy. Hitako fa niova ny endrik'ilay ankizivavy lehibe indrindra. "E!" hoy izy, "manao azafady izahay." Tsy nino mihtisy aho hoe—nanao azafady izy. "Manao azafady koa aho," hoy aho taminy. "Tsy tokony ho tezitra toy ireny aho."

Niverina teny amin'ny milina fanjairako aho ary tsy nahare teny ratsy hafa intsony. Nampianatra ahy izany zavatra niainako izany fa ny teny lazantsika dia mety tsy hanova ny toetran'ny hafa saingy afaka manova izany kosa ny hatsaram-panahy sy ny asa fanompoana.

Katie Pike, Utah, Etazonia



## NIARO NY TOKONY HANAOVANA ASA FITORIANA AHO

Niditra ho mpikamban'ny Fiagonana aho fony 19 taona. Faharoa aho aminay telo mirahalahy ary izaho irey no Olomasin'ny Andro Farany ao amin'ny fianakaviako. Fotoana fohy taorian'ny nanaovana batisa ahy dia nanomboka nanana faniriana ny hanao asa fitoriana aho. Herintaona taorian'izany dia niteny tamiko ny Fanahy fa tokony handeha aho. Niresaka tamin'ny reniko aho izay nahatsapa fa tsy tokony handeha aho. Nanemotra izany herintaona aho saingy tsy nandao ahy velively ilay faniriako hanao asa fitoriana. Nandritra io taona io dia nandalina ny soratra masina aho sy nanangom-bola ary nanomana ny taratasiko sy nanao ireo fizahana ara-pahasalamana rehetra ary—rehefa vita ny zavatra rehetra—dia niandry ny Tompo aho. Fotoana fohy taorian'izany dia voantso mba hanompo tany amin'ny Misionan'i Campinas Brésil aho.

Mbola nanakana izany ihany ny ray aman-dreniko. Nifady hanina aho ary nivavaka tamin-kitsimpo nilaza tamin'ny Ray any an-danitra ireo tahotro rehetra. Nangataka Azy aho mba hanova ny ao am-pon'ilay raiko eto an-tany. Dia nataony izany. Taitra aho fa tonga nanatrika ilay fety fanaovam-belona izay nomanin'ireo namako ho ahy ny raiko ny Sabotsy alohan'ny han-dehanako. Ary naterin'ny raiko tany amin'hy seraham-plaramanidina aho ny Alatsinainy.

Nahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra aho rehefa nitory ny filazantsara nandritra ny asa fitoriana nataoko. Tsy nitsahatra naneho ny maha-reny azy ny reniko ary rehefa nody aho dia izy no olona voalohany namihina ahy.

Nianatra aho fa mihoatra noho ny hoe andraikitra fotsiny ny fanaovana asa fitoriana ary tombontsoa iray sy fotoana tena tsara mba hivoarana sy hianarana izany.

Cleison Wellington Amorim Brito,  
Paraíba, Brésil



## NIJORO HO VAVOLOMBELONA MOMBA AN'ANDRIAMANITRA AHO

Noho izaho mpianatra tao amin'ny taona voalohany tao amin'ilay oniversite tsara indrindra tao amin'ny firenenay dia nahatsapa ho voatery tsy maintsy manao izay tsara indrindra avy amiko aho. Tonga ny fanenjehana ary nanomboka niahayah mikasika ny finoako ny filazantsara aho satria maro tamin'ireo prôfesorako no nanazava fa "tena marina" ny zavatra nambaran'izy ireo. Nisy fiantraikany teo amin'ny mpiara-mianatra tamiko maro izany. Nanahirana ny niaina araka ireo soatoavina Kristianina tao anatin'izany tontolo izany. Nieritreritra ny hiala aho saingy nanapa-kevitra fa tsara kokoa ny mijanona. Nieritreritra aho hoe raha toa ka vitsy monja no mendrika ny hiditra ato amin'ity oniversite ity ary Olomasin'ny Andro farany vitsy monja no ao anatin'ireo olona vitsy tafiditra ireo dia tokony hijanona aho izany ary hijoro amin'ny fahamarinana.

Ilay prôfesorako mampianatra haiaina, izay mitono-tena ho tsy mino an'Andriamanitra dia mampianatra ny siansa izay tsy ahitana finoana mihitsy an'ilay Mpahary Lehibe. Kanefa rehefa naheno zavatra bebe kokoa aho dia vao mainka nanamafy bebe kokoa ahy izany fa misy ilay Mpahary Lehibe—Andriamanitra Raintsika—izay nahary ny zavatra rehetra. Nana-porofo ny sasany fa tsy mitombina izany hevitra izany. Lasa namaivay ilay fifanakalozan-kevitra nataonay. Naniry mafy ny hanangana ny tanako aho ary hanazava fa mino an'Andriamanitra ho toy ny Mpahary.

Tonga ny fotoana hizarana hevitra. Tsy maninona mihitsy ao amin'io sekoly nianarako io ny mitehaka na mivazavaza na misiotsioka an'ireo izay maneho ny heviny. Nijoro tamim-pahasahiana aho ary nilaza tamin'ny fomba tsotra tamin'ireo izay nanohitra hoe: "Mety tsy mitombina izany hoe mino an'Andriamanitra izany amin'izao fotoana izao ho anareo, saingy ho avy ny andro hampazava izany rehetra izany aminareo toy ny mampazava izany amiko amin'izao fotoana izao."

Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia tsy nahazo siotsioka intsony aho rehefa miaro ny finoako. Nanomboka tamin'izay ka hatramin'izao dia niaina fivoarana ara-pahalalana sy ara-tsôsialy ary ara-panahy aho. Nanomboka navitrika nandray anjara tamin'ireo fiaraha-mientana nataon'ny mpianatra aho ary voafidy handray andraikitra maro tao amin'ny sekoly.

Nianatra aho fa ny fijoroana amin'ny fahamarinana na dia indray mandeha monja aza dia misy fiantraikany lehibe amin'ireo fanapahan-kevitra horaisintsika any aoriana.

Vince A. Molejan Jr., Mindanao, Philippines

### FANAMARIHANA

1. Jereo Jeffrey R. Holland, "Ny Sarany Efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny Maha-mpianatr'i Kristy," *Liahona*, Mey 2014, 6.

# Ilay FIJOROAKO HO VAVOLOMBELONA

## Mifamatotra

### Nosoratan'i Ivy Noche

**N**ampianarin'ireo misiônera ny filazantsara tao antokantranonay tao Singapour ny fianakaviako. Tsy niditra ho mpikamban'ny Fiagonana ny raiko fa ny reniko kosa dia niditra. Nampianatra anay mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany izy. Na tamin'ny fahazazako aza dia nilaza tamim-pireharehana tamîn'ireo namako aho fa Olomasin'ny Andro Farany ny tenako.

Natoky mandrakariva ny fampianaran'ny reniko aho. Kanefa rehefa lasa tanora mpitovo aho dia nanontany ahy ny misiônera iray hoe impiry aho izay no namaky ny Bokin'i Môrmôna. Efa napetraka tamiko io fanontaniana io teo aloha, saingy tamin'io fotoana io dia fantatro fa tsy haiko na marina ny Bokin'i Môrmôna na tsia satria tsy namaky izany aho.

### Zavatra Iray Tsy Azo Nolavina

Tsy azoko nialana intsony ny zavatra iray tsy azo nolavina: mifamatotra

**Ho ahy dia mifamatotra ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna. Raha marina ny filazantsara dia marina ny Bokin'i Môrmôna.**

fanontaniana hoe: "Marina ve ny Bokin'i Môrmôna?"

Nitarika ahy hanana faniriana hahalala ny marina ihany koa ny fifandraisako tamin'i Jesoa Kristy Mpamonjy izay nitombo hatrany. Ilay andro nahafantarako fa tsy ho ampy mihitsy ny fahalalako mikasika an'i Jesoa Kristy raha tsy mamaky amim-pahamatorana ny Bokin'i Môrmôna aho no ilay andro nananako faniriana lalina tokoa mba hahafantatra raha marina izany.

### Voantso ho Mpampianatra

Nivavaka aho mba hahazo fitarihana. Nandritra izany fotoana izany dia niantso ahy hampianatra mikasika ny Bokin'i Môrmôna tao amin'ny kilasin'ny Fotopampianaran'ny Filazantsara ny filohan'ny sampana nisy ahy. Nekeko ilay antso satria tsapako fa mety izay no valintenin'ny Tompo mba hanampiana ahy hahalala ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna sy hanatona bebe kokoa ny Mpamonjy.

Sarotra ny nampianatra. Taoria-n'ireo Alahady vitsy voalohany dia fantattro fa tsy hahomby mihitsy aho mandra-pinoako ny Bokin'i Môrmôna.

### Ireo Tantara Nanjary Fantatra Isaky ny Toko

Nanomboka nandalina ny Bokin'i Môrmôna aho isan-kerinandro ary fotoana fohy taorian'izay dia nahita fifaliana tamin'ny famakiako izany. Nanjary fantattro isaky ny toko ireo tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ka nahatonga ahy ho akaiky kokoa an'i Jesoa Kristy.

Namaky mikasika ny fahaterahan'i Kristy aho, izay hitan'i Nefia tao anatin'ny fahitana:

"Ary nahatazana ny tanànan' i Nazareta aho; ary tao an-tanànan' i Nazareta aho dia nahatazana virijiny iray, ary tsara tarehy fatratra tokoa izy sady fotsy. . . .

"Ary hoy [ilay anjely] tamiko: Indro, ny virijiny izay hitanao no renin' ny Zanak' Andriamanitra, araka ny fomban' ny nofo" (1 Nefia 11:13, 18).

Namaky mikasika ny drafity ny fahasambarana aho ary nianatra fa ilaina amin'ny famonjena antsika ny finoana an'i Jesoa Kristy. Nampianatra i Amioleka hoe:

"Fantrattro fa ho tonga eo anivon' ny zanak' olombelona i Kristy mba handray eo Aminy ny fandikan-dalân' ny olony, ary hanonitra ny fahotan'

izao tontolo izao; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany.

" . . . Fa araka ny drafitra lehiben' Ilay Andriamanitra Mandrakizay dia tsy maintsy misy sorompanavotana atao, fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy hahafaty ny olombelona rehetra" (Almà 34:8–9).

Namaky mikasika ny fanompoan'i Jesoa Kristy teo anivon'ireo ondriny hafa tao Amerika fahiny aho, ary fantattro fa Izy no ilay Andriamaniry ny firenena rehetra. Hoy Izy tamin'ny Nefita hoe: "Ianareo no ireo izay efa nolazaiko hoe: Manana ondry hafa izay tsy avy amin' ity vala ity Aho; ireny koa dia tsy maintsy entiko, ary handre ny feoko ireny ary hisy vala iray sy mpiandry iray" (3 Nefia 15:21).

### Tonga Tsikelikely ny Fijoroako ho Vavolombelona

Rehefa namaky ny Bokin'i Môrmôna aho dia nihanatanjaka ny fi-noako an'i Jesoa Kristy ary nitombo ny fahatakarako ny drafiny (jereo ny Almà 32:28).

Mijoro ho vavolombelona aho fa vato ifaharan'ny fivavahantsika ny Bokin'i Môrmôna. Nampah-fantarin'ny Fanahy Masina ahy fa mpaminany marina i Joseph Smith, izay namerina tamin'ny laoniny ny Fianganan'Andriamanitra teto ambonin'ny tany sy nandika ny Bokin'i Môrmôna avy amin'ireo takelaka

volamena. Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna ary miara-miasa amin'ny Baiboly. Izy roa miaraka dia mijoro ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy marina no ilay Zanak'Andriamanitra ary Izy ilay Andriamaniry ny firenena rehetra fa tsy iray fotsiny. ■

*Mipetraka any Singapour ny mpanoratra.*



### VATO IFAHA-RAN'NY FIVAVAHANTSIIKA

"Toy ny firodanan'ny andohalambo rehefa esorina ny vato ifaharana dia ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa no mampijoro na maharava ny Fianganana. . . . Raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna—ary an-tapitrisany ireo efa njoro ho vavolombelona fa nahatsapa ny tenivavolabelon'ny Fanahy fa tena marina tokoa izany—dia tokony hanaiky ny fanambarana mahakasika ny Famerenana amin'ny laoniny sy ireo zavatra rehetra miaraka amin'izany ny olona."

*Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994), ao amin'ny Torio ny Filazantsaroko: Torolalana Ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera (2004), 104.*

# FAHAFAHANA MISAFIDY MALALAKA SA SAFIDIM-PITONDRANTENA?

Ny fampiasana amimpahendrena ny fahafahana misafidy dia mahatonga ny safidintsika hivelatra hatrany ary manatsara ny fahafahantsika hisafidy araka ny tokony ho izy.

**Nataon'i Michael R. Morris**

Gazetibokin'ny Fiagonana

**M**bola tadidiko ny tebitety tsapako rehefa niomana ny hihaona tamin'ny ekekako aho mba hiresaka mikasika ny fanaovana asa fitioriana. Nanontany tena aho raha toa ka mendrika tsara hanao izany. Tahaka ny Mpaminany Joseph Smith dia tsy "meloka [t]amin'ny fahotana lehibe na mamohetra" aho (Joseph Smith—Tantara 1:28), kanefa dia mbola natahotra ihany aho.

Natahotra aho satria tsy afaka ny tsy hieritreritra an'i Danny namako (anarana izay novainy). Niresaka mikasika ny naha tsindrin-daona fatratra azy hanao asa fitioriana i Danny nandritra ny volana maro. Kanefa dia niova izany rehefa avy nihaona tamin'ny eveka izy.

Noho i Danny nandray anjara tamin'ny fitondrantena tsy mendrika niaraka tamin'ny tovovavy maro dia nolazainy tamiko taty aoriana fa izy ihany no nahaonga ny tenany ho tsy mendrika ny hanao asa fitioriana amin'ny fotoana feno. Tsy afaka nisafidy ny hanao asa fitioriana intsony izy.

Araka ny tenin'ny Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo,



i Danny dia lavo tamin'ny fakampanahin'i Satana mba "tsy [hampiasal] araka ny tokony ho izy ny safidim-pitondrantena[ny]."<sup>1</sup>

Ny fahafahana marina, araka ny ampiarin'ny *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora, Mahereza) dia tonga rehefa mampiasa ny fahafahantsika misafidy mba hisafidy ny fankatoavana isika. Ny fahaverezan'ny fahafahana, araka izay nianaran'i Danny, dia tonga avy amin'ny fisafidianana ny tsy fankatoavana.

"Na dia afaka misafidy ny lalana tianao haleha aza ianao dia tsy afaka misafidy kosa ny vokany. Na tsara ireo vokatra ireo na ratsy dia manaraka toy ny vokatra tonga ho azy avy amin'ny safidy nataonao izy ireo."<sup>2</sup>

### Afaka Manao Araka Izay Safidintsika

Koa satria ny soratra masina dia mampianatra fa isika dia "afaka ny . . . hifidy," "afaka manao," ary afaka manao zavatra maro "amin'ny nahimpo[ntsika]" (2 Nefia 2:27; 10:23; F&F 58:27; Helamāna 14:30), dia matetika isika no mampiasa ny fomba fiteny hoe "fahafahana misafidy malalaka."

Saingy fantatrao ve fa ny andianteny hoe "fahafahana misafidy malalaka" dia tsy hita ao amin'ny soratra masina? Ny soratra masina kosa dia mampianatra hoe "hahazoan'ny olona tsirairay miasa araka ny fotopampiana-rana sy fitsipika . . . araka ny *safidim-pitondrantena* izay efa nomeko azy, ka ny olona tsirairay dia ho azo ampmoahina ny amin'ny fahotany" (F&F 101:78; nampiana fanamafisana).

Nampianatra ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ny teny hoe *fahafahana misafidy* dia miseho [ao amin'ny soratra masina] na mandeha irery na miaraka amin'ilay impanova anarana hoe *fitondrantena*. . . Rehefa mampiasa ilay teny hoe *safidim-pitondrantena* isika dia antitranterintsika araka ny tokony ho izy ny maha-tompon'andraikitra, izay

ampahany manan-danja amin'ilay fahafahana misafidy izay fanomezana avy amin'Andriamanitra. Olona mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy isika ary afaka manao araka izay safidintsika, afaka misafidy kanefa tompon'andraikitra amin'ireo safidintsika ihany koa."<sup>3</sup>

Nampian'ny Filoha Packer hoe: "Ny fahafahana misafidy dia fari-tan'ny soratra masina hoe 'safidim-pitondrantena,' izay midika hoe afaka misafidy ny tsara na ny ratsy isika."<sup>4</sup> Ity fanomezana avy amin'Andriamanitra ity dia midika fa isika dia "afaka . . . na hifidy ny fahafahana sy ny fainana mandrakizay amin' ny alalan' Ilay Mpanalalana lehiben' ny olondrehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fambaboana sy ny fahefan' ny devoly" (2 Nefia 2:27)

### Ady Ataon'i Satana Amin'ny Fahafahana Misafidy

Koa satria ny safidim-pitondrantena dia mitana anjara asa lehibe ao amin'ny drafity ny famonjena dia nikatsaka ny hanimba izany i Satana tany amin'ny tontolo talohan'ny nahaterahana. Noroahina noho ny fikomiany izy ary ankehitriny dia mikatsaka ny "hamitaka sy hanajamba ny olona, mba hitarika azy ho babo araka ny sitrapony" (Mosesy 4:3–4).

Tian'i Satana hanao safidy izay ma-metra ny fahalalahantsika sy hitarika antsika amin'ny fahazaran-dratsy sy ny fiankinan-doha ary hampihena ny fahafahantsika manohitra ny fakampanahiny isika. Ny mahakanto ny filazantsara dia ny fampahafantarany antsika ny safidy ataontsika sy ny vokatr'ireo safidy ireo. Ny fampiasana amim-pahendrena ny fahafahana misafidy dia mahatonga ny safidintsika hivelatra hatrany ary manatsara

ny fahafahantsika hisafidy araka ny tokony ho izy.

### Ny Ohatry ny Mpamony

Rehefa naroso nandritra ilay Filanke-vitra Lehibe tany An-danitra ny drafity ny famonjena dia nasehon'ny Mpamony antsika ny fomba hampiasana araka ny tokony ho izy ny safidim-pitondrantenantsika. Hoy Izy hoe: "Ray ô, hatao anie ny sitraponao ary ho Anao ny voninahitra mandrakizay" (Mosesy 4:2). Noho Izy vonona ny hanao ny sitrapon'ny Ray tamin'izany fotoana izany sy taty aorianao tao amin'ny Sahan'i Getsemane sy teo amin'ny Hazofijaliana (jereo ny Matio 26:39; Lioka 22:42), dia nijaly noho ireo safidy ratsy nataontsika i Jesoa ary nanome lalana ho antsika mba ho voavela heloka amin'ny alalan'ny fibebahana.

Raha manaraka ny ohatry ny Mpamony isika fa tsy miteny hoe "Izay tiako no ataoko," dia hanambara isika hoe "Izay tian'ny Ray no ataoko."<sup>5</sup> Ny fampiasantsika ny safidim-pitondrantenantsika araka izany fomba izany dia hitondra fahalahana sy fahasambarana ho antsika.

Rehefa nandeha nihaona tamin'ny evekako aho mba hanao ny dinidinika voalohany mikasika ny asa fitoriana dia feno fankasitrahana satria nanao safidy tsara. Volana vitsy taty aorianao dia nanompo ny Tompo tao Guatema-la aho—nampianatra ny hafa ny drafity ny famonjena sy ny anjara asa lehibe tanan'ny safidim-pitondrantena ao anatin'izany drafitra izany. ■

### FANAMARIHANA

1. Boyd K. Packer, "Fantattro Ireo Zavatra Ireo," *Liahona*, Mey 2013, 8.
2. *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora, Mahereza) (2011), 2.
3. D. Todd Christofferson, "Moral Agency," *Ensign*, Jona 2009, 47.
4. Boyd K. Packer, "Fantattro Ireo Zavatra Ireo," 8.
5. Jereo ny Wolfgang H. Paul, "The Gift of Agency," *Liahona*, Mey 2006, 35.



## “Miezaka mifehy ny eritreritro aho saingy marobe ireo fakam-panahy. Amin’ny fomba ahoana no ahafa- hako manana saina madio kokoa?”

**S**aroatra ny hifehezanao ny eritreritro, kanefa azo atao izany ary mitondra fitahiana: “Rehefa mianatra mifehy ny eritreritro aho ianareo dia afaka mandresy ireo fahazarana, eny sa hatramin’ireo fahazaran’ny tena manokana izay manimba azo. Afaka mahazo risi-po sy mandresy ny tahotra ianareo ary manana fainana sambatra.”<sup>1</sup>

Eritrereto koa ireto fitahiana ireo:

- Ny eritreritra madio dia hanampy “[hampahery] ny fahatokian-tenanao eo anatrehan’Andriamanitra” ary “ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava” (F&F 121:45–46).
- Ny eritreritra madio dia hanampy anao hahatsapa fitaomam-panahy satria miresaka ao am-ponao sy ao an-tsainao ny Fanahy Masina (jereo ny F&F 8:2–3).
- Ny eritreritra madio dia hanampy anao hankatò ilay didy lehibe voalohany: ny hitia an’Andriamanitra amin’ny fonao rehetra, ny fanahinao rehetra ary ny *sainao* rehetra (jereo ny Matio 22:37).

Misy zavatra maro azonao atao mba hananana eritreritra madio araka izay ho hitanao avy amin’ireo hevitra eto amin’ireto pejy ireto. Fa ny iray amin’ireo zavatra manan-danja azonao atao—ary dingana mandeha tsikelikely izany—dia ny mandresy ny “olona araka ny nofo.” Tia eritreritra maloto ny lehilahy na ny vehivavy araka ny nofo. Inty ny fomba handresena izany: “Ny olona araka ny nofo dia fahavalon’Andriamanitra . . . ary mbola ho toy izany mandrakizay mandrakizay raha tsy manaiky ny fitaoman’ny Fanahy Masina izy ary manaisotra ny maha olona araka ny nofo azy sy tonga olomasina amin’ny alalan’ny sorompanavotan’i Kristy Tompo, ary tonga tahaka ny ankizy, mankatò, malemy paika, manetra tena, miaritra, feno fitiavana” (Môsià 3:19).

Inona no zavatra iray azonao atao androany mba hanasana ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy hitondra io fiovana io eo amin’ny fainanao?

### FANAMARIHANA

1. Boyd K. Packer, “Worthy Music, Worthy Thoughts,” *Liahona*, Apr. 2008, 31.



Haino Aman-jery sy Ireo Namana

Zavatra tsara hanombohana ny misafidy horonan-tsary sy hira ary asa soratra mampahery ny fanahy. Mifidiana namana izay azonao anaovana resaka mendrika sy ahafahana manao zavatra mahasoa rehefa miaraka amin’izy ireo. Rehefa betsaka kokoa ny zavatra tsara eritre-retinao dia ho hitanao tsikelikely fmora kokoa ny manaisotra ireo eritreritra ratsy ary ho mahalana kokoa ny fahatongavan’izy ireo.

*Amber S., 18 taona, Colombie Britannique, Canada*

### Vavaka

Ny vavaka dia mitondra ahy akaiky kokoa ny Raitsika any an-danitra ary manampy ahy hifantoka amin’ny eritreritra tsara. Ny famakiana soratra masina isan’andro dia mampatanjaka ny fahatokian-tenako amin’ny fandresena ireo fakam-panahy; afaka mahita ohatra mikasika ireo mpianatra mahatokin’i Kristy aho ao amin’ny soratra masina. Ny fijoroako ho vavolombelona ihany koa dia manampy ahy hitandrina ny eritreritra ho madio hatrany.

*Dasha M., 17 taona, ao Kiev, Ukraine*



Soratra Masina

Ny famakiana soratra masina isa-maraina alohan’ny handehanana mianatra dia manampy. Raha vantany vao tonga ao amiko ny eritreritra ratsy dia sololoko zavatra tsara kokoa avy hatrany izany. Ho solon’ny fitenenana fotsiny hoe “Tsia, aza mieritreritra izany” (izay zavatra tsara tokony hatao), dia ovao eritreritra tsara izany. Tsarovy fa ianao no mifehy ny eritreritra fa tsy i Satana. Zanakalahy sy zanakavavy mahery fo an’ny Ray any an-danitra

isika ary miezaka hatrany ny hampivoatra ny tenantsika.

*Nick C., 16 taona, Arkansas, Etazonia*



### Tsara sa Mety?

Tsy afaka mifehy izany foana ianao rehefa misy eritreritra tonga, kanefa azonao fehezina izany raha toa ka mitoatra.

Afaka manontany ianao hoe: Mety hitondra soa ho ahy ve ity eritreritra ity? Hanampy ahy ho any amin'ny lalana marina ve izany? Rehefa tonga ao an-tsainao tampoka ny eritreritra maka fanahy dia mihirà hira tsara, mieritrereta fahatsiarovana mamy, na mivavaha. Fanoloana ireo eritreritra ratsy amin'ny zavatra tsara izany.

*Lisa P., 17 taona, Danemark*



### Ohatr'i Lehia

Nilaza tamin'ireo mpiray tampo aminy i Nefia ao amin'ny 1 Nefia 15:27 fa ny rain'izy ireo, tao anatin'ny fahitany ny hazon'aina, dia nohodidinin'ny fahalotoana. Saingy tsy nahatsikaritra ilay fahalotoana i Lehia satria "revonjavatra hafa be loatra ny sainy." Marina izany ho antsika amin'izao fotoana izao. Raha maniry ny ho feno fahamarinana isika, mangataka izany amin'ny vavaka, ary mifantoka amin'ireo zavatra marina dia ho feno fahamarinana sy hatsaran-toetra tokoa ny saintsika ka tsy banana hery hijanonana ireo eritreritra ratsy.

*Hattie W., 16 taona, Arizona, Etazonia*

### Fihirana

Ireo hira ao amin'ny fihirana dia afaka manampy antsika banana eritreritra madio kokoa. Manandratra ny fanahy ny hira tsara. Rehefa afaka mihaino ireo hira ao amin'ny fihirana aho dia mitondra ahy avo ho ao amin'ny tontolo tony kokoa sy selestialy izany.

Manampy ahy hahatsiaro ny fitiavan'ny Ray any an-danitra antsika tsirairay izy ireo ka manjary mora kokoa ny miala amin'ny fakam-panahy.

*Amanda A., 18 taona, Amazonas, Brésil*

### Fandalinan'ny mpianakavy ny Soratra Masina

Rehefa tonga ao an-tsaiko ny eritreritra maloto dia miezaka mitadidy ireo soratra masina izay novakiko niaraka tamin'ny fianakaviako isa-maraina aho. Isaky ny maraina amin'ny 6:00 dia miara-mamaky soratra masina ny fianakaviako. Maraim-be izany kanefa fitahiana ilay izy ary mahatonga ahy hahatsapa ho matanjaka mandritra ny andro.

*Elena W., 16 taona, Suisse*



### Fanasan'ny Tompo

Ny vavaky ny fanasan'ny Tompo dia milaza fa raha mitondra eo amintsika ny anaran'i Kristy isika, mitandrina ny didiny, ary mahatsiaro Azy mandrakariva dia banana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika. Amin'ny alalan'ny fahatsiarovantsika Azy dia manao ezaka isika mba



### HEVERO IZANY

"Mandritra ity dia eto amin'ny fainana an-tany ity, izay mampiahahy indraindray, dia enga aniesika hanaraka koa ny torohevitraavy amin'i Paoly Apôstôly izay hanampy antsika mba ho voaro sy tsy hiala an-daharana manao hoe: 'Na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha te-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany' [Filipiana 4:8]."

*Filoha Thomas S. Monson, "Mitodika amin'ny Lasa ary Mandroso," Liahona, Mey 2008, 90.*

hanaisotra ireo eritreritr'izao tontolo izao ka mifantoka amin'ireo eritreritra mandrakizay. Rehefa mahatsiaro Azy mandrakariva isika dia hiova ho tsara kokoa ny eritreritsika sy ny fanirantsika ary ny asantsika.

*McKay M., 18 taona, Utah, Etazonia*

## FANONTIANANA HO AVY

**"Rehefa narary ny reniko dia nifady hanina sy nivavaka ho azy iza-hay, saingy maty ihany izy. Ahoana no hahafahako manaiky izany?"**

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 Nôvambra 2014 ao amin'ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit Your Work"), amin'ny alalan'ny email ao amin'ny liahona@ldschurch.org, na amin'ny alalan'ny taratasy (jereo ny adiresy ao amin'ny pejy 3).

Tsy maintsy hita ao amin'ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatôka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsortra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.



# Ahoana no Hametrahana Fanontaniana Manan-danja

Ny fametrahana fanontaniana tsara dia afaka manampy mba hampisokatra ny fon'ny olona hahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinana.

Nosoratan' i David A. Edwards

Gazetibokin'ny Fiagonana

**M**anana fahafahana maro hampianatra ny olona rehetra manodidina anao ianao na mandritra ny fifampiresahana ao anatin'ny minitra maro any anaty fiara fitateram-bahoaka, na ao anatin'ny lesona any ampiangonana, na ao anatin'ireo fanamarihana atao en ligne, na mandritra ny fifampiresahana lalina hifanatrehana amin'ny namana iray.

Ka indro ary misy torohevitra mba hampianarana amin'ny fomba mahomby amin'ny toe-javatra miseho rehetra: mametraha fanontaniana.

## Mametraha Fanontaniana Manan-danja

Ny fanontaniana manan-danja dia ireo izay mahatonga anao hieritreritra tsara sy banana fahatsapana lalina, ireo izay mitarika anao any amin'ny fahamarinana, any amin'ny fijoroana ho vavolombelona ary any amin'ny fiovana. Mety mahakasika zavatra maro izy ireo saingy manana zavatra vitsy iraisana ireo fanontaniana ireo ma-zàna: (1) tsy mikatsaka zavatra maivan-danja izy ireo na miresaka ny zava-miseho fotsiny ihany (na dia mety ho fanontaniana hampivelarana ny valin'ireo fanontaniana momba ny zava-miseho aza izany), (2) misy ifandraisany amin'ny fainantsika isan'andro izy ireo, ary (3) izy ireo dia manome fanamby antsika mba hanome valinteny mihoatra ny valinteny tsy mila fieritreretana firy.

## Tsarovy ny Antony Hametrahantsika Fanontaniana

Ny fanontaniana dia mahatonga antsika hameno banga iray izay tian'ny saintsika hofenoina amin'izay fotoana izay. Ny fametrahana fanontaniana izay manaitra ny fieritreretan'ny tena manokana indrindra indrindra dia afaka mamela ity dingana manaraka ity hiseho:

1. Lasa liana amin'ny zavatra resahanao ny olona.
2. Mampiasa ny fahafahany misafidy izy ireo mba hieritreritra sy hanome valinteny.
3. Io fampiasana ny fahafahana misafidy io dia mamela ny Fanahy Masina hijoro ho vavolombelona amin'izy ireo mikasika ny fahamarinana.<sup>1</sup>

Rehefa eritreretinao io dingana io dia ho tsapanao ny karazam-panontaniana tokony hapetrakao ary inona no tokony tsy hapetraka.

**Ohatra:** Azonao atao ny manontany hoe "Tamin'ny fomba ahoana no nanovan'ny fandalinana soratra masina ny faina-nao?" toy izay manontany fotsiny hoe "Nahoana no manan-danja ny famakiana soratra masina?"

## Tadidio fa Mampianatra Olona Ianao fa tsy Lesona Fotsiny Ihany

Raha fantatrao ireo olona ampiarinao ary mieritreritra ny zavatra ilain'izy ireo ianao dia hifidy fanontaniana natao mba hanampiana azy ireo ianao fa tsy fanontaniana hahazoana hevitra mikasika ilay zavatra fotsiny ihany.

**Ohatra:** Azonao atao ny manontany hoe "Ahoana no hanitsianao ny zavatra ataonao rehefa fantatrao fa nanao zavatra tsy nety ianao?" toy izay manontany fotsiny hoe "Inona avy ireo dingana ao anatin'ny dingan'ny fibebahana?"

## Mandalina sy Mieritrereta Lalina

Mba hiomanana hampianatra ny filazantsara dia halalino ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany maoderina sy ireo apôstôly, dia mivavaha mba hahafahan'ny Fanahy Masina hijaraka aminao sy ireo izay ampianarinao (jereo ny F&F 42:14; 50:21-22).

Raha te hametraka fanontaniana amin'ny olona koa ianao, izay mahatonga azy ireo hieritreritra, dia mila misaintsaina toy izany koa ny tenanao. Saintsaino ny zavatra ianaranao. Ho hitanao fa ireo fanontaniana izay apetrakao amin'ny tenanao eo amin'ny fainananao no ilay zavatra izay mahatonga anao hisaintsaina lalina.

Mifantoha amin'ireo karazam-panontaniana izay mahatonga anao hieritreritra marina. Ireo no ireo fanontaniana izay hitarika amin'ny fahazoana hevi-baovao sy fijoroana ho vavolombelona lehibe kokoa, dia ireo karazam-panontaniana azonao apetraka rehefa manampy ny hafa hianatra mikasika ny filazantsara ianao.

**Ohatra:** Azonao atao ny manontany hoe "Inona araka ny eritreritao no hevitra tian'ny Môrônia 7:48 holazaina rehefa milaza izany fa tokony hivavaka 'amin'ny herin'ny fo manontolo' mba hanana fiantrana?", toy izay manontany fotsiny hoe "Amin'ny fomba ahoana no hananantsika fiantrana?"



## Ataovy Mihasarotra Tsikelikely ny Fanontaniana

Indraindray dia tena tsara ny mampivoatra tsikelikely ny fanontaniana ho lasa fanontaniana mitaky fieritreretana sy fandinhan'ny tena manokana bebe kokoa, ka noho izany dia azonao atao ny mametraka fanontaniana fampidirana izay mora valiana ary avy eo dia dimbiasana amin'ny fanontaniana iray izany na maromaro izay mitondra valinteny nosainina bebe kokoa. Misy ohatra tsotra vitsivitsy ireto:

Fanontaniana Fampidirana	Fanontaniana Hampivelarana ny Fahatakarana
Firy taona i Joseph Smith rehefa nandeha tao amin'ilay Ala kely Masina?	Oviana ianao no nivavaka tamin'ny Ray any an-danitra niaraka tamin'ny faniriana marina tahaka izay nananan'i Joseph?
Mino an'Andriamanitra ve ianao?	Inona no anjara asa sahanin'Andriamanitra eo amin'ny fainanao?
Inona no nataonao vao haingana mba hanompoana ny hafa?	Ahoana no hanovan'ny fahafantarana fa zanak'Andriamanitra avokoa isika rehetra ny fomba fieritreretanao ny asa fanompoana?

Raha mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo am-pametrahanao fanontaniana ianao dia ho mora kokoa aminao ny hametraka ny fanontaniana tokony hapetraka amin'ny fotoana mety amin'izany. Iza no mahalala. Mety hanova fainan'olona izany. ■

### FANAMARIHANA

1. "Tsy maintsy mampiasa ny fahafahanao misafidy mba hamela ny Fanahy hampianatra anao ianao" (Richard G. Scott, "Mahazo Fitarihana Ara-panahy," *Liahona*, Nôv. 2009, 8).

## TOROHEVITRA MIKASIKA NY FAMETRAHANA FANONTANIANA

- Andraso ireo valinteny.
- Mampiasà fanontaniana hampivelarana ny fahatakarana mba hamporisihana ny fisainana lalina kokoa.
- Sorohy ireo fanontaniana izay miteraka fifandirana na mampisy adihevitra.
- Mametraha indraindray fanontaniana izay mitaona amin'ny fisaintsainana mangina.

Mba hahazoana torohevitra fanampiny dia jereo ny *L'Enseignement, pas de plus grand appel: Guide pour l'enseignement de l'Evangile* (1999), 69–70.

## MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA

### Ireo Zavatra ho Saintsainina ho an'ny Alahady

- Efa nisy olona nametraka fanontaniana taminao ve, izay nahatonga anao naniry hahafantatra bebe kokoa mikasika ny filazantsara na hoe hanova ny fainanao?
- Ahoana no fomba nampiasan'ny Mpamony fanontaniana rehefa nampianatra Izzy?

### Ireo Zavatra Azonao Atao

- Rehefa mandalina soratra masina ianao amin'ity herinandro ity dia ataovy lisitra an-tsoratra ireo fanontaniana eritreretinao.
- Mametraha fanontaniana mandritra ny fifanakalozan-kevitra ao an-dakilasy any am-piagonana.



Nataon'ny Loholona  
Jeffrey R. Holland  
Ao amin'ny Kôlejin'ny  
Apôstôly Roambinifolo

# AHOANA NO HAHAZOANA TANJAKA SY FAHOM- BIAZANA

**N**y sasany aminareo dia mahafantatra izay tianareo hahatongavana sy ny tianareo hatao mandritra ny fainanareo, ary ny sasany aminareo dia tsy mahafantatra izany. Ny sasany aminareo dia toa manana fitahiana marobe sy safidy tena tsara marobe manoloana anareo. Ny sasany aminareo dia mahatsapa, ao anatin'ny fotoana fohy sy noho ny antony na inona izany na inona, ho niangaran'ny vintana ary vitsy kokoa ny lalana mahasarika izay mitomandava avy hatrany eo anoloanareo.

Kanefa na iza ianareo na iza ary na aiza na aiza no misy anareo eo am-pikatsahanareo ny lalanareo eo amin'ny fainana dia manolotra ho anareo ny "lalana sy fahamarinana ary fainana" aho (Jaona 14:6). Na aiza na aiza ny toerana heverinareo fa han-dehananareo dia mangataka anareo aho mba ny "**hankany Aminy**" (jereo ny Matio 11:28-30) no ho ilay dingana voalohany tsy maintsy atao

hahatongavana any, amin'ny fitadihana ny fahasambaranareo sy ny tanjakareo ary ny fahombiazan'ny tenanareo manokana.

Tamin'ny fotoana nandrenesan'i Andrea sy i Filipo an'i Kristy niteny voalohany dia nihetsi-po tokoa izy ireo, talanjona tsy nisy toy izany ka dia **nanaraka Azy** izy ireo rehefa nandao ny vahoaka Izy. Rehefa na-hatsapa i Kristy fa nisy nanaraka dia nitodika Izy ary nanontany ireo lehilahy roa nanao hoe "Inona no tadiavinareo?" (Jaona 1:38).

Namaly izy ireo hoe "Aiza Hianao no mitoetra?" na "Aiza Hianao no mipetraka?"

Dia hoy i Kristy hoe "**Avia fa ho hitanareo.**" Fotoana fohy monja taorian'izay Izy dia niantso tamin'ny fomba ôfisialy an'i Petera sy ny sasany tamin'ireo Apôstôly vaovao hafa tamin'ny fanasana mitovy manao hoe "**Andeha hanaraka Ahy**" (jereo ny Matio 4:19).

Amiko dia toy ny hoe afaka ny ho hita ao amin'ireo zavatra roa fohy ao anatin'ireo trangan-javatra fanombohana ny asa fanompoan'ny Mpamony teto an-tany ireo ny lanja fototry ny fainantsika. Ny zavatra iray dia ilay fanontaniana ho antsika tsirairay avy hoe "Inona no tadiavinareo?" Ny faharoa dia ny valinteniny mahakasika ny fomba hahazoana izany. Na iza isika na iza, ary na inona na inona ireo olantsika dia mitovy hatrany ny valinteniny mandrakizay: "**An-deha hanaraka Ahy.**" Andao jereo ny zavatra ataoko sy ny fomba handaniako ny fotoako. **Mianara Amiko**, araho Aho, ary ao anatin'izany dingana izany dia hovaliako ny vavakareo ary omeko fitsaharana ny fanahinareo.

Ry namana sy zandry malalako, tsy mahafantatra lalana hafa aho izay hahombiazanareo na hahasambatra anareo na hiarovana anareo amin'ny loza. Tsy mahafantatra lalana hafa aho izay hahafahanareo mitondra ny enta-mavesatrareo na hahitana ilay

nantsoin'i Jakôba hoe "fahasambarana izay efa voaomana ho an'ny olomasina" (2 Nefia 9:43). Izay no antony **hanaovantsika fanekempi-havanana matotra** mifototra amin'ny sorompanavotan'i Kristy, ary izay no antony **hitondrantsika ny Anarany eo amintsika.**

I Jesoa no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra Velona. Ity no Fiagonany marina sy velona. Maniry antsika ho any Aminy Izy, hanaraka Azy mba **hampiononiny.** Dia maniry antsika **hampionona ny hafa** Izy avy eo. Enga anie isika ka hanana finoana ampy mba **hanaiky ny hatsaran'Andriamanitra** sy ny famindram-pon'ny Zanany Lahitokana. Enga anie isika ka hanatona Azy sy ny Filazantsarany dia ho sitrana. ■  
*Notsongaina tao amin'ny takariva amorom-patana tao Brigham Young University izay natao tamin'ny 2 Martsa 1997.*

## AHOANA NO FOMBA NAMPIHARANAO AN'IZANY?

"Tian'i Jesoa Kristy hanaraka Azy isika. Mila manampy ny hafa isika ary tsy manadino fa tsy hanadino antsika na oviana na oviana Izy."

**Cecilia E., Philippines**

.....

"Mba hanatonana ny Mpamony dia tsy maintsy miaina araka ny ohatra nasehony araka izay tsara indrindra azontsika atao isika ary mamela Azy hiaraka amintsika tsy tapaka amin'ny fotoana rehetra mandritra ny andro."

**Allyson L., Arizona, Etazonia**



# -TANTARAM-PIANAKAVIANA-

# MANAO IZANY AHO

Mety ho mora sy mahafinari-tra ny manomboka izany. Manao tantaram-pianakaviana ny zatovo manerana izao ton-tolo izao ary mitondra fiovana.

**A**tomboka aiza izany? Mieritre-tritra angamba ianao hoe efa nataon'ny fianakaviana avokoa ireo asa rehetra tokony hatao. Na mety vaovao aminao ny tantaram-pianakaviana ka toy ny goavam-be izany. Na atombokao amin'ny fanaovana diarin'ny tena manokana izany amin'ny fanomanana anarana hoentina any amin'ny tempoly, na amin'ny fianarana avy amin'ireo havanao dia afaka mandray anjara amin'ny tantaram-pianakaviana *ianao* amin'ny alalan'ny fomba mahafiniratra sy manan-danja.

## Fanaovana Diarin'ny Tena Manokana: Fahatsiarovana ireo Fitahiana Azontsika

Tsy mora ny manao diary. Matetika isika no milaza amin'ny tenantsika fa tsy manam-potoana na reraka na tsy dia mahafiniratra firy ny fainantsika ka tsy mahaliana loatra ny hanoratra izany. Tsapako vao taona vitsy lasa izay fa ny fanaovana diary dia tsy natao mba ho sarotra ary afaka mitombo ny fitiavako izany.

Nanomboka nanoratra zavatra iray isan'andro aho. Tsy nampanionona na lava be izany na nampientantana; nosoratako fotsiny izay tao an-tsaiko na izay zavatra rehetra nitranga tamin'io andro io. Efa hitahy ny fainako sahadys izany.

Indray andro dia nanana olana ny olona iray tao amin'ny fianakaviako ka tsy fantatro izay tokony holazaiko azy, kanefa tamin'izay aho dia notaomim-panahy hamaky taminy ny iray amin'ireo zavatra nosoratako tao amin'ny diariko. Afaka nizara kely tamin'ny zavatra niainako izay nosoratako tao anatin'ilay diary kely mainty aho, ary hitako ny fomba nampiononan'izany ny fony.

Manome antoka aho fa raha manomboka manoratra zavatra iray ao anatin'ny andro iray ianao dia hitahy ny fainanao izany. Tsy maninona na kely izany na lehibe fa ny fanoratana ireo fitahiana eo amin'ny fainanao dia afaka manampy anao hahatsiaro azy ireo.

*Gentry W., Utah, Etazonia*

## Mahita Fifaliana amin'ny Fanaovana Tantaram-pianakaviana: Mikaroka ireo Razambe

**R**ehefa vita batisa aho dia nahare zavatra besaka mikasika ny tantaram-pianakaviana, saingy tsy haiko ny fomba hanaovana izany na raha afaka nanao izany aho. Nanapa-kevitra ny hivavaka mikasika izany aho ka nahatsapa fa tokony hanomboka hanao izany teo no ho eo. Tsapako fa tsindrin-daona ny amin'ny hanombohako izany ireo razambeko ary hanampy ahy hitady ireo fampahalalana ilaina mba hanaovana ireo ôrdônanasy izy ireo.

Nanomboka izany tamin'ny fanarahana lesona mikasika ny tantaram-pianakaviana aho, ary fotoana vitsy taorian'izay dia nantsoina ho tompon'andraikitra tao amin'ny tantaram-pianakaviana aho. Natahotra aho satria tsy nahafantatra zavatra betsaka mikasika izany saingy nekeko ilay antso.

Indray andro aho nitsidika ny rahavavin'ny renibeko, izay nanana antontan-taratasy mikasika ny renin'ny renibeko. Tsy te hizara zavatra maro mikasika ny renin'ny renibeko izy satria fomban-drazan'izy ireo ny tsy miresaka mikasika ireo havana efa maty. Nilaza izy fa ny ampitson'io andro io no tsingerintaona nahafatesan'ny renin'ny renibeko ka handeha hodorany ireo antontan-taratasy. Nangataka aho raha toa ka mba afaka maka fampahalalana avy amin'izy ireo aloha, dia nave-lany aho. Fantatro tamin'izay fa hanampy ahy hanohy ny fikarohana nataoko ny Ray any an-danitra.

Rehefa nanompo tao amin'ny ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana teo akaikin'ny tempoly aho dia nitohy hatrany ny fahalalako zavatra mikasika ny fianakaviako. Fantatro fa mpifindra monina Italiana ny roa tamin'ireo ray aman-dreniben'ny renin'ny renibeko, izay nanana toeram-piompiana sy fambolena tao akaikin'i São Paulo, Brésil. Tsy afaka nifandray tamin'ireo havany tao amin'ilay toeram-pambolena sy fiompiana intsony ny fianakaviako, kanefa nahita zanaky ny dada-toako iray aho izay nanoratra boky mikasika ny tetiaran'ny fianakavianay. Nomeny ahy ilay boky izay nosoratany nandritra ny sivy taona. Nilaza izy fa tsy fantany ny antony tokony nanoratany izany saingy tsapany fa hanampy olona iray izany amin'ny hoavy. Fantatro fa ny fanahin'i Elia no nitaona azy.

Ny zavatra niainako dia nampianatra ahy fa manao asa masina isika. Miandry ny fanampantsika ireo razabentsika ary eo anilantsika izy ireo mba hanampy antsika.

Gabriel D., Brésil



## Fanaovana Asa ao amin'ny Tempoly: Ireo Ordônanasy Masina

**M**ipikambana vaovao aho ary izaho irery no mpikamban'ny Fiagonana ao amin'ny fianakaviako. Nianatra aho fa iray amin'ireo ôrdônanasy masina ny batisa ho an'ny maty. Nandeha nitsidika ny tempoly aho ary raha mbola teo am-pihainoana ny mpampiantrano niresaka mikasika ireo ôrdônanasy aho dia nahatsapa feo tony sy malefaka izay nilaza tamiko mba ho any amin'ny ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana mba hame-traka fangatahana ôrdônanansin'ny tempoly ho an'ny reniko izay maty. Faly tokoa aho rehefa nanamafy tamiko ny compte FamilySearch fa vita ny asa natao ho azy tao amin'ny tempoly. Nanamafy ny fijoroako ho vavolombelona izany ary fantatro fa iray amin'ireo antony hahatongavantsika ety an-tany ny hanampy ireo razabentsika handray ny filazantsara marin'i Jesoa Kristy.

Marvin S., Philippines

## Manaraka ilay Bitsika: Mianatra avy amin'ireo Havana Mbola Velona

**T**aoian'ny nahavitako fianarana tao amin'ny ambaratonga faharoa dia nahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina aho mba hitsidika ireo ray aman-drenibeko mivady avy miisa efatra. Nanana fotoana malalaka aho ary fantatro fa mety tsy hanana ity fahafahana ity intsony. Noho izany dia nandany herinandro niarahana tamin'ireo ray aman-drenibeko mivady tsirairay avy aho.

Nandany ny fotoako nikaroka ny tao anatin'ireo vata efa tonta aho, namaky ireo taratasy nosoratana efa ela,



**MANDRAY  
ANJARA  
AMIN'NY  
ZAVATRA  
MAHARITRA  
MANDRAKIZAY**

"Moa ve efa

nivavaka momba ny asa ho an'ireo razambenao ianao? Avelao ireo zavatra izay tsy dia manan-danja loatra eo amin'ny fainanao. Manapaha hevitra hanao zavatra izay hisy vokany mandrakizay....

"Afaka mitondra anjara biriky ma-fonja ianao na aiza na aiza misy anao eto amin'izao tontolo izao rehefa miaraka amin'ny vavaka, ny finoana, ny fahavononana, ny fahavitrihana, ary ny fahafoizantena. Manomboha dieny izao. Mampanantena anao aho fa hanampy anao hahita lalana ny Tompo. Ary hitondra fahatsapana fifaliana ao aminao izany."

Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny Fifaliana avy amin'ny Fanavotana ny Maty," *Liahona*, Nôv. 2012, 95.

ary njery ireo sary fahiny. Noraisiko an-tsratratra ny tantaram-piainan'ireo ray aman-drenibeko, nandehandeha njery ireo fasana aho, ary nitsidika ireo toerana izay nipetrahana sy niasan'ireo ray aman-drenibeko sy ireo havany. Tena nahafinaritra be! Nianatra zavatra marobe mikasika ireo razambeko sy ireo ray aman-drenibeko sy ireo ray aman-dreniko ary ny tenako aho. Tonga saina aho hoe tsy niaina izao fainana iainako izao aho raha tsy ho an'ireo razambeko izany.

Taorian'ny dia nataoko dia nive-rina niaraka tamin'ny anaran'ireo razambeko tokony ho 1.000 teo ho eo aho ary afaka nanao asa tao amin'ny tempoly ho an'ny maro tamin'izy ireo. Iray amin'ireo fanapahan-kevitra tsara indrindra noraisiko ny fanarahana ny bitsiky ny Fanahy Masina sy ny fitsidi-hana ireo ray aman-drenibeko.

*Shenley P., California, Etazonia*

**Mahatsapa ho Toy ny ao An-trano: Mitondra Anarana any amin'ny Tempoly**

**R**ehefa nangataka ny raiko hanome hevitra mikasika ny tantaram-pianakaviana aho mba hanatanterhana ny Mon Progrès Personnel dia nohazavainy fa nahita anaram-pianakaviana vitsivitsy izy taona maro lasa izay, saingy tsy voaomany samirery hoentina any amin'ny tempoly ireo anarana ireo noho ny tsy fananany fotoana. Mety afaka hamela ny fanatanterhana ny fandrais'an'ireo olona tao amin'ny fianakaviana ireo ny fitahian'ny tempoly ny fanampiako.

Nandritra ireo roa volana manarak'izay dia nandany ny Alahady tolakandro sy ny Alahady harivako rehetra aho mba hampiditra anarana tao amin'ny solosaina ary hianatra tantaram-pianakaviana avy amin'ny dadako. Nanafatra microfiche mihitsy aza izahay mba hitadiavana fampahalalana bebe kokoa. Indraindray rehefa sarotra ny namaky ireo horonan-tsary tonta dia nivavaka mangina aho ary avy eo dia naka taratasy hanoritana ireo sary. Nipoitra avy tao amin'ny haizim-pito ireo anarana.

Taty aoriana dia nahangona anaram-pianakaviana maro aho ary nanampy tamin'ny fanatanterhana ireo batisa ireo zatovo tao amin'ny paroasinay. Ireo ray aman-dreniko sy ireo mpikambana hafa ao amin'ny paroasy tamin'izany dia naka ireo karatra misy anarana mba hanatanteraka ireo ôrdônansy hafa ao amin'ny tempoly.

Toy ny fotoana fohy monja no lasana talohan'ny niomanako ho any amin'ny tempoly hanao ny fanafiana masina ho an'ny tenako. Feno fientanentanana aho kanefa natahotra ihany koa.

Rehefa nandeha tany amin'ny tempoly izahay dia nohazavainy ny raiko tamiko fa hitany ny sasany tamin'ireo karatra nisy ireo anaran'ny fianakaviana izay nomaniko nanaovako ilay fandaharan'asa Mon Progrès Personnel. Very ny sasany tamin'izy ireo ka noho izany dia nentin'ny raiko ireo karatra misy anarana ho an'ny reniko, ny fofombadiko ary farany, dia ny azy. Nozarainy tamiko ny anaran'izy ireo ary tsaroako avy amin'ny fandaharan'asa nataoko izy ireo.

Rehefa nanao fanekepihavanana masina tao amin'ny tempoly aho dia nahatsapa ho voahodidin'ireo olon-tiako tao amin'ny lafiny ilany sy tao ambadiky ny voaly. Nahatsapa fiadanana lalina aho tamin'ny nahafantarako fa afaka ny hiaraka mandrakizay amin'ny fianakaviako. ■

*Holly P., Idaho, Etazonia*



**ZARAO NY ZAVATRA  
NIAINANAO**

Zarao ao amin'ny [lds.org/youth/family-history/experiences](https://lds.org/youth/family-history/experiences) ny zavatra niainanao mikasika ny tantaram-pianakaviana.

# FANTARO IZY IREO, **DIA HO FANTATRAO HOE IZAIANAO**

Efa nanomboka hatrany amin'ny taranaka maro tany aloha ny fainanao.

Fantaro hoe taiza no nanombohan'ny tantaranao.


Tsidiho ny FamilySearch.org.



Taorian'ny dinidinika nataon'ny filohan'ny  
tsatòkako tamiko mikasika ny fanaovana asa fitioriana  
dia hoy izy hoe "Hisy zavatra hafahafa hitranga eo  
amin'ny fainanao izay hiezaka hampiova hevitra anao."

# FANOHERANA

## NY FANDEHANAKO MANAO ASA FITORIANA



### Nataon'i Alcenir de Souza

**N**iditra ho mpikamban'ny Fiagonana aho teo amin'ny faha-15 taonako ary efa-taona taty aoriana dia nanatitra ny taratasy firotsahana ho misiônera. Tamin'ny dinidinika nataoko niaraka tamin'ny filohan'ny tsatòkako dia nidera ahy izy noho ny fanapahako hevitra hanompo ny Tompo amin'ny fanaovana misiônera amin'ny fotoana feno. Dia nilaza zavatra nampisaina ahy lalina izany mpitarika notaomim-panahy izany avy eo nanao hoe: "Ry rahalahy, manomboka izao dia hisy zavatra hafahafa hitranga eo amin'ny fainanao izay hiezaka hampiova hevitra anao mikasika ny fanapanah-kevitrao hanompo ny Tompo."


Teo am-piandrasako ny fiantsoana hanao asa fitioriana dia niasa tamin'ny naha-mpifana arak'asa ahy tao amin'ny Xerox aho. Izany asa izany dia nahafahako nahazo ny sasany tamin'ireo zavatra ilai ko any amin'ny sahan'ny misiona sy hanampiana ny reniko tamin'ny fandaniana tao an-trano.

Nandeha tsara avokoa ny zava-drehetra.

Indrisy anefa fa nitranga tokoa ny "zavatra hafahafa." Voalohany dia nisy namono ny reniko ka saika maty mihtisy noho ny ratrany, saingy niaro ny ainy tamin'ny fomba mahagaga ny Ray any an-danitra malemy fanahy.

Tamin'izany fotoana izany dia nipetraka tao amin'ny tranonofaina izaho sy ny reniko ary ireo zandriko vavy roa. Ny karamako sy ny tombom-barotra kely no raisin'ny reniko no nivelomanay satria maty taona maro talohan'izay ny raiko.

Ny olona sasany, tao anatin'izany ireo mpikamban'ny Fiagonana, dia nanontany hoe "Banana



herim-po handaozana ny reninao amin'izao mahazo azy izao ve ianao ka handeha hanao asa fitoriana?" Nanomboka nampisy ahiahy tao am-poko ny fahenoako foana io fanontaniana io.

Indray andro dia nantsoin'ny filohan'ny tsatoka aho ary nilaza tamiko izy fa tonga ny fiantsoana ahy hanao asa fitoriana ka nangatahany aho mba ho any amin'ny biraony tamin'io hariva io mba hahafahany manome ahy ilay valopy nandrasako mafy avy any amin'ny foiben'ny Fiagononana. Sady natahotra aho no faly noho ilay vaovao.

Tamin'io andro io ihany dia nangataka ny hiresaka tamiko talohan'ny sakafatoandro ny taleko. Rehefa niditra ny biraony aho dia niarahaba ahy toy ny namany izy ka niresaka nandritra ny minitra vitsy mikasika ny fiofanako sy ny zavatra nianarako tao amin'ilay orinasa izahay. Tamin'izay dia nilaza zavatra iray izay

nofinofin'ny ankamaroan'ny olona teo amin'ilay tanàna io lehilahy manana fahefana lehibe tao amin'ilay orinasa io nanao hoe: "Nahavita zavatra tsara ianao tato tamin'ny nahamipofana arak'asa anao ka tianay ho raisina ho mpisia raikitra ianao ary hotazoninay ao anatin'ny ekipa. Inona no hevitrao?"

Iray tamin'ireo fanapanahan-kevitra sarotra indrindra teo amin'ny fiafankao izany. Tsapako ho toy ny tsy ho tapitra mihtsy ireo segondra. Toy ny hoe henoko izany ireo olona manontany ahy raha toa aho ka hamela ny reniko eo ka tsy hanampy azy ara-bola

intsony ary handeha any amin'ny sahan'ny misiona.

Na izany aza dia tsaroako ireo zavatra nianarako avy ao amin'ny soratra masina sy ireo mpitarika ahy ao amin'ny Fiagononana, ary fantattro tamin'ny fomba tena masina tokoa niaraka tamin'ny fahazoana antoka tsy azo hozongozonina fa tian'Andriamanitra hanompo amin'ny mahamisiônera amin'ny fotoana feno ao amin'ny Fiagonany aho. Fantattro fa hikarakara ny fianakaviako Izy ka afaka matoky Azy aho, ary tsy hisy olana ny zavatra rehetra.

Nozazavaiko tamin'ny taleko ny toe-javatra iainako ary mbola manako ato an-tsaiko ny valinteniny hoe: "Nataoko fa tovolahy marani-tsaina ianao kinanjo io ianao fa manary ilay zavadehibe tokony hararaotinao indrindra eo amin'ny fiafankao."

Nisaotra azy tamin'ny foko manontolo aho noho ny tolotra nataony, ary 28 andro taorian'izay dia nandeha tany amin'ny ivontoerana fanofanana ny misiônera tao São Paulo, Brésil aho.

Nandritra ny asa fitoriana nataoko dia nanome izay nilain'ny fianakaviako tamin'ny alalan'ireo namako tao amin'ny Fiagononana tamin'ny fomba mahagaga ny Tompo. Tafaverina tamin'ny laoniny ny fahasalaman'ny reniko ary lasa afaka niasa ireo anabaviko sy ny reniko.

Tena misy "Zavatra hahafaha" mitranga tokoa rehefa manapa-kevitra ny hanompo ny Tompo isika. Kafeva dia ampifanampiako amin'ny fijoroan'ireo anarivony hafa ho valvolombelona izay nirotsaka amin'ny fanompoana an'Andriamanitra ny fijoroako ho valvolombelona fa nisy fiantraikany lalina teo amin'ny fiafankao ny asa fitoriana. ■

*Mipetraka ao Manaus Brésil ny mpanoratra.*




### AZA KIVY

"Mitranga amin'ny ankamaroan'ny toerana rehetra nitrangan'ny zavatra tsara ny fanoherana. Mety hitranga

izany rehefa miezaka ny handranto fianarana ianao. Mety ho tratran'izany ianao rehefa feno iray volana ny nahatongavanao teo amin'ny sahan'ny misiona vaovao....

"Misy fitandremana sy fandinihana tokony hatao amin'ny fanapanahan-kevitra lehibe rehetra, kafeva raha vantany vao misy fahatsapana dia mitandremena amin'ny fakam-panahy hiala amin'ny zavatra tsara. Raha tsara izany tamin'ny fotoana nivavahanao mikasika izany ka natoky sy niaina ho an'izany ianao dia tsara izany amin'izao fotoana izao. Aza kivy rehefa mihamahery ny tsindry."

Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Cast Not Away Therefore Your Confidence," *Liahona*, Jona 2000, 38.





# MIANATRA BEBE KOKOA MIKASIIKA NY ZAVATRA MIANDRY

*Nanokana andro iray ny Zatovo ao Oslo Norvège  
hiomanana amin'izany fiainana rehefa ho misiônera  
amin'ny fotoana feno izany.*

Nosoratan'i Cathrine Apelseth-Aanensen

**H**atramin'ny nilazan'ny Filoha Thomas S. Monson ny fiovan'ny taona hanaovana asa fitoriana dia namaly tamim-pahadodonana ireo zatovo rehetra manerana ny Fiagonana, tsy ilay fanasana hanompo ihany fa ilay fanasana *hiomana* hanompo koa. Ary fomba iray hiomanana ny mianatra bebe kokoa mikasika ny zavatra miandry anao rehefa lasa misiônera amin'ny fotoana feno ianao.

Izany mihitsy no nataon'ny zatovo sasany tao Norvège nandritra ilay iray andro maninjitra niainana "Ny Toe-javatra Atrehana rehefa Misiônera" izay nampiantranoin'ny Paroasin'i Fredrikstad ao amin'ny Tsatôkan'i Oslo Norvège.

## Fidirana tao amin'ny "MTC" (Ivontoerana Fanofanana ny Misiônera)

Nivory tao amin'ny efitrano iray tao amin'ny trano favorian'ny Fiagonana ireo zatovo; efitrano iray izay naneho ny ivontoerana fanofanana ny misiônera. "Nampanaovala asa mba hianatra mikasika ny firenena iray izahay," hoy i Jakob R. ao amin'ny Paroasin'i Moss. "Nanome anay fahatakarana mikasika ny hoe ahoana izany mahazo antso hanao asa fitoriana izany ilay izy ary hahafantatra fa mety ho antsoina any amin'ny toerana iray tsy mitovy amin'ny toerana mahazatra anao ianao."

## Fihaonana amin'ny "Filohan'ny Misiona"

"Avy eo izahay dia nandeha tao amin'ny efitra ilany mba hihaona amin'ny misiônera iray niverina izay nilalao ny toeran'ny filohan'ny misiona," hoy i Simon W. ao amin'ny Paroasin'i Oslo. Niresaka mikasika ny zavatra miandry mandritra ny fanaovana asa fitoriana ilay misiônera niverina sy ireo misiônera hafa niverina. "Araka ny hevitro dia tsara tokoa ny nahafantatra avy amin'ireo misiônera niverina ny zavatra miandry mandritra ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno," hoy i Simon. Nahazo badge nisy anarana ihany koa ireo mpandray anjara, nomena namana iray, ary nomena toromarika mba hijanova miaraka amin'ny namany amin'ny fotoana rehetra.



## Fampitomboana ny Fahaiza-manao

Ireo fampiofanana dia nampianatra ireo zatovo mikasika ny fivoarana ara-panahy kanefa koa mikasika ny fitantanana ireo zavatra ilaina ara-nofo toy ny fanasana lamba, ny fampiasana ny vatsimbola, ary ny fitandremana ny vatana mba ho salama hatrany.

"Ilay fampiofanana momba ny fomba hanombohana fifanakalozankevitra mikasika ny filazantsara no nankafiziko indrindra," hoy i Inger Sofie J. ao amin'ny Paroasin'i Oslo. "Zavatra iray azoko atomboka dieny izao izany."

"Nankafiziko ny niresaka mikasika ny fomba ampiasana ny *Torio ny Filazantsarako*," hoy i Karl Frederik O. ao amin'ny Paroasin'i Fredrikstad. "Nieritreritra foana aho hoe nanana ny lisitry ny soratra masina azy ireo manokana tokony hianaran'izy ireo ny misiônera kanefa nahafantatra aho fa ny zavatra efa atao amin'izao fotoana izao ao amin'ny seminera dia hanampy ahy amin'ny mahamisiônera ahy ary ho toy izany koa ny zavatra izay efa ianarako ao amin'ny *Torio ny Filazantsarako*."

Zatovolahy maro no nilaza fa ny iray tamin'ireo fampiofanana tsy hay hadinoina indrindra dia nahitana ny fampiasana tanana tamin'ny fipasohana lobaka fotsy. "Izany dia nampahatsihay ahy fa maro ireo fahaiza-manao ilaina azoko ianarana mba hahavonona ahy amin'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno," hoy i Jakob.

"Nahafantatra aho fa maro tokoa ny zavatra azoko atao dieny izao mba hiarahana miasa amin'ireo misiônera

amin'ny fotoana feno manompo eto mba hanatratra tanjona iray," hoy i Sarah R. ao amin'ny Paroasin'i Sandvika. "Misiônera koa ny mpikambana."

Ho fampahatsihivana fa manompo manerana izao tontolo izao ny misiônera dia naseho tamin'ny alalan'ny sakafo maivana tsakitsaky sy ny fanalana hetaheta ny fomba fandrahoan-tsakafo any amin'ny firenena samihafa. "Izany dia nampahatsihay tamiko fa tokony hanandrana sakafo vaovao aho amin'izao fotoana izao mba ho zatra amin'ny fanandramana zavatra tsy fihinako isan'andro. Hanampy ahy hizatra haingana kokoa izany raha toa aho ka voantsor any amin'ny toerana izay ihinan'an'ny olona sakafo tsy mahazatra ahy," hoy i Simon.

## Fiomanana

"Tamin'ny fiafaran'ny fotoana, taorian'ny nihainoanay ny fijoroan'ny tanora roa ho vavolombelona sy ny misiônera roa vao tafaverina, dia nihira ny fihirana 'Appelés à servir' iza-hay" hoy i Liss Andrea O. ao amin'ny Paroasin'i Fredrikstad. "Tsapako fa raha mihira io fihirana io foana aho dia hahatsiaro mandrakariva fa manompo ny Ray any an-danitra isika rehefa misiônera ary Izy dia hitahy antsika."

Rehefa nifarana ny fotoana dia nahatakatra ireo tanora tao amin'ny tsatôka fa tsy niomana mba hiaina ny zavatra atrehan'ny misiônera amin'ny fotoana feno fotsiny izy ireo fa afaka miaina ny zavatra atrehan'ny misiônera dieny izao sy mandritra ny faina-n'izy ireo sisa. ■

*Mipetraka any Oslo, Norvège ny mpanoratra.*



## NY FIOMANANA MANANDANJA INDRINDRA

"Ny zavatra tokana manan-danja indrindra azonao atao hiomanana amin'ny antso iray mba hanompo dia ny hahatongavana ho misiônera mialoha lavitra ny fotoana handehananao manao asa fitoriana."

Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Becoming a Missionary," *Liahona*, Nôv. 2005, 45.



## TOY NY AHOANA NY FIAINAN'NY MISIÔNERA?

*Mianara bebe kokoa mikasika ny fiomanana amin'ny fanaovana asa fitoriana amin'ny alalan'ny horonantsary sy ireo loharano hafa ary ny valin'ireo fanontaniana apetra matetika ao amin'ny youth.lds.org (tsindrio ny "Missionary Preparation").*



# MANOMPO Amin'Izao

## Fotoana Izao mba

# HANOMPOANA

## any Aoriana

Nosoratan'i Miche Barbosa

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Manompoa ny [Tompo] amin'ny fonareo rehetra" (1 Samoela 12:20).*

**I**zay iray isika tonga voalohany eny amin'ny fiangonana!" hoy i Mórmon sady nanondro ny ti likambon'ny fiangonana izay tazana nipoitra teo ambonin'ireo hazombaniho. Dia nihazakazaka araka

izay vitany izy mba ho eo alohan'i Morian zandrilahiny hatrany.

Efa nandeha an-tongotra efa ho iray kilometatra mahery avy any an-tranony ireo zazalahy sy ny ray aman-dreniny kanefa mbola



nifaninana nihazakazaka mafy i Mórmon sy i Morian rehefa tonga teo amin'ilay vavahady vy teo ivelan'ny trano fiangonan'ny paroasiny. Nijanona naka aina izy ireo.

Talohan'ny nanapahan'izy ireo hevitra hoe iza no nandresy dia niantso azy ireo ny zazalahy iray hoe: "Te hilalao *baolina* ve ianareo?"

Tia nilalao *baolina* i Mórmon kanefa handeha hanadio ny trano fiangonan'ny paroasiny izy sy ny fianakaviana mba hanomanana izany amin'ny fivoriam-piangonana ny ampitson'io.

Nanifikifika ny lohany i Mórmon. "Tsy izao ka—angamba rehefa avy eo!" hoy izy niantsoantso namaly.

Fotoana fohy taorian'izay dia niasa mafy i Mórmon sy i Morian. Nanisaka sezà sy namafa trano niaraka tamin'ny rainy i Mórmon raha toa kosa ka nanasa trano niaraka tamin'ny reniny i Morian.

Taorian'izay dia niara-nanasa ireo fitaratra tao amin'ny trano fivoahana ireo zazalahy. "Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe ho tiako ny hanadio ny fiangonana kanefa mahafinaritra ilay izy," hoy i Morian. "Ary ialahy mba ahoana ry Mórmon? Izay ve no





antony nandehanan'ialahy aty toy izay hilalao *baolina*!"

Nieritreritra ny dadany i Mórmon. Evekan'ny paroasin'izy ireo izy kanefa mbola nitady fotoana hanam-piana amin'ny fanadiovana ny trano fiangonana.

"Tonga eto aho satria te ho lasa toa an'i Dada," hoy i Mórmon.

Dia nieritreritra ireo misiônera ao amin'ny paroasiny izy. Sahirana mandom-baravarana maro sy mizara ny Bokin'i Môrmôna amin'ny hafa izy ireo. Hanasa olona ho any am-piagonana ao amin'ilay trano no-diovin'ireo zazalahy izy ireo.

"Tonga eto aho satria indray andro any dia te hanao asa fitoriana ihany koa," hoy i Mórmon nieritreritra. "Afaka manampy ny misiônera amin'ny fanomanana ny trano fiangonana aho."

Nieritreritra ny ampitson'io i Mórmon rehefa hifoha amin'ny 6:00 maraina izy sy ny rahalahiny dia handeha ho any am-piagonana miaraka amin'ny lobaka fotsy sy karavato ka hanomana ireo sez ariko sy ireo bokin-kira ao amin'ny efitr-non'ny Kilonga.

"Tonga eto aho satria te hanompo

ao anatin'ny antso iray ato amin'ny Fiangonana," hoy izy nieritreritra.

Nieritreritra mikasika ny fomba hahatongavany ho diakona afaka fotoana fohy i Mórmon. Hizara ny fanasan'ny Tompo izy ary hanao za-vatra maro hafa mba hanompoana.

"Tonga eto aho satria handray ny fisoronana amin'ny herintaona, ary te hanao ny zavatra rehetra azoko atao aho izao mba ho vonona amin'izany."

Efa nanao zavatra mba hiomanana

amin'ny fisoronana i Mórmon: na-hazo ny Récompense de la Foi en Dieu izy. Efa nianatra ny hiaina ny filazantsara sy hanompo ny hafa izy.

Nony farany dia njery ny sarin'ny rahalahiny teo amin'ny fitaratra izy dia nitsiky.

"Tonga eto aho satria tiako ny Tompo," hoy izy, "ary satria hanampy ahy ho vonona hanompo any aoriania ny manompo amin'izao fotoana izao." ■

*Mipetra any Utah, Etazonia ny mpanoratra.*

## FIOMANANA AMIN'NY FISORONANA



Tolo-kevitra avy amin'i David L. Beck, filohan'ny Zatovolahy maneran-tany:

- Asao eo amin'ny fainanao ny Fanahy ary mifidiana namana hanampy anao hifidy ny tsara. Iaino ireo fitsipika ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts* (Ry Tanora, Mahereza).
- Ianaro ireo ho andraikitrao ao amin'ny diakona. Mamakia mikasika ny fisoronana ao amin'ny *Accomplir mon Devoir envers Dieu* sy ny *Ancrés dans la Foi* (Miorim-paka ao amin'ny Finoana). Manatreha Fivoriana Fanomanana amin'ny Fisoronana ao amin'ny paroasy na ny sampana misy anao.

- Miomàna handeha any amin'ny tempoly mba hanao batisa ho an'ny maty.
- Aoka ianao ho liana tokoa amin'ny fiaraha-mientana sy fampaherezam-panahy mahafinaritra miaraka amin'ny zatovo hafa.
- Fantaro fa matoky anao ny Ray any an-danitra ary miantehitra aminaol izy. Fantaro ny zavatra azonao atao miaraka amin'ny fanampiany!



# Miomana ho ao amin'ny Zatovovavy i **MATHILDE**

Nosoratan'i Jenn Wilks, Utah, ETAZONIA

**N**ampientanentana an'i Mathilde ny handeha tsy ho ela ao amin'ny Zatovovavy, saingy tsy mbola fantany tsara ny zavatra miandry azy. Noho izany dia niresaka tamin'ny renibeny izy. Rahavavy Bonnie Oscarson, ilay filohan'ny Zatovovavy maneran-tany no renibeny. Nanana torohevitra tena tsara vitsivitsy mba hozaraina izy!

Anontanio amin'ny reninao na ny renibenao na amin'ny iray amin'ireo vehivavy ao amin'ny paroasinao ny zavatra tsaroan'izy ireo mikasika ny Zatovovavy. Mety hahafantatra zavatra mahafinaritra maro ianao.

## ZAVATRA MAHAFINARITRA

"Mo" no iantsoan'i Mathilde ny renibeny izay fanafohezana ny hoe *moder*, izay teny Suédois hilazana ny hoe neny.

## Tamin'izany fotoana izany . . .



Fony Rahavavy Oscarson tao amin'ny Zatovovavy dia nahazo badge maromaro izy noho ny fahatontosany zavatra isan-karazany. Nozairiny tamin'ny lamba kely

lavalava miavaka izy ireo, niaraka tamin'ny voninkazo izay maneho ny fahatokiana.





### TOLO-KEVITRA AVY AMIN'NY RAHAVAVY OSCARSON MBA HIOMANANA!

- Mikolokoloa fifandraisana amin'ny Rainao any an-danitra amin'ny alalan'ny fivavahana sy ny famakiana soratra masina.
- Fantaro ny Mon Progrès Personnel.
- Vakio ny soratra masina, ny *Ry Tanora, Mahereza*, ary ny *Liahona*.
- Manomboha mianatra ny lohahevity ny Zatovovavy. Hamerimberina izany foana ianao isan-kerinandro miaraka amin'ny zatovovavy rehetra.

SARY SY SORATRA VOAHODIDINA NATAO NY AMILOSLAVASTOCK/THINKSTOCK

## ...ary Ankehitriny



Ity rojo ity dia hampahatsiahy anao ny mba hijanonanao ho fahazavana ho an'ny hafa sy hijoro amin'ny fahamariana sy ny fahitsiana.

Hahazo ruban maromaro ihany koa ianao amin'ny alalan'ny fahavitanao ireo zavatra asaina iainana sy ireo atrik'asa ao amin'ny Mon Progrès Personnel.

Dia hahazo ilay medain'ny Zatovovavy ianao avy eo.



ISIKA DIA ZANAKAVAVIN' ny Raintsika any an-danitra, izay tia antsika, ary tantsika Izy.  
ISIKA DIA "HIJORO ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra ary amin'ny toerana rehetra" eo am-piezahantsika miaina ireo soatoavin'ny Zatovovavy dia ny:

**FINOANA · TOETRA ARAKA  
AN'ANDRIAMANITRA · FAHAMENDREHAN'NY  
TENA MANOKANA · FAHALALANA  
SAFIDY SY NY MAHA-TOMPON'ANDRAIKITRA  
ASA TSARA · FAHAMARINAN-TOETRA  
ARY NY HATSARAN-TOETRA.**

MINO ISIKA fa rehefa manaiky sy manao asa mifanaraka amin'ireo soatoavina ireo dia HO VOAOMANA hanamafy orina ny tokantrano sy ny fianakaviana, hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina, handray ireo ôrdônsin'ny tempoly, ary hahazo ireo fitahian'ny fisandratana faratampony.

(Môsiâ 18:9)



### FISANTARANA

Namonijy atrik'asa manokana antsoina hoe Fisantarana i Mathilde. Nianatra lesona mahafiniritra izy ireo ary nianatra mikasika ny Mon Progrès Personnel.

Miezaka ny hahazo ny Récompense de la Foi en Dieu koa i Mathilde ary manao tsianjery ireo Fanekem-pinoana.

### TSY ANDRIN'I MATHILDE NY . . .

- Fiaraha-mientana isan-kerinandro
- Hahafantatra ireo zazavavy hafa ao amin'ny Zatovovavy.
- Handeha any amin'ny lasin'ny Zatovovavy.

### FAHATSIAROVANA MIAVAKA

Tao amin'ny Ivontoeran'ny Fihonambe i Mathilde sy ny maro tamin'ireo havany tamin'ny 6 Aprily 2013. Kanefa tsy fantatr'izy ireo ny antony nanasan'ny renibeny azy rehetra ho any amin'ny fihonamben'ny Fiagonana maneran-tany. Gaga sy feno fientantanana izy ireo rehefa notohanana ho filohan'ny fikambanan'ny Zatovovavy izy!

# Izao no Anjarantsika

*Amim-pahasahiana*

$\text{♩} = 58-68$

Chorus:

*Ankizivavy*

1. Hi - joro aho ka han - ka - tò, \_\_\_\_\_ 'reo di-din'Ny Tsi - toha, \_\_\_\_\_ Ta -  
2. Ha-nompo aho ka 'ndeha hi - zara, \_\_\_\_\_ i - lay fi - la - zan-tsara. \_\_\_\_\_ I -

*Ankizilahy*

ha - ka ny na-taon'i Es - te - ra ta-loha ha - nompo a - min - ki - tsim - po. \_\_\_\_\_ Hi -  
zay ni - jo-roan' i A - bi - sa ta-loha, no hi - jo - roako iha - ny koa. \_\_\_\_\_ Tsas

joro aho ho fa - nam - piano, \_\_\_\_\_ 'reo mi - la fi - ta - hiana, \_\_\_\_\_ ta -  
roa - ko i Mô - rô - nia, \_\_\_\_\_ 'zay nia - dy mafy e - ry. \_\_\_\_\_ Mba

*Fiverenan-kira*

haka an'i Ne - fia ha - ra - hi - ko koa ny dra - fi - tr'I - lay Tsi - toha. \_\_\_\_\_  
ham - pi - to - e - tra ny ma - rina ha - trany. I - zaho koa ha - nao toy i - zany. \_\_\_\_\_

*Ankizivavy & Ankizilahy*

ja - ran-tsika, hi - tondra ha - za - vana. 'Ndeha ho za - rain-tsika, Tsy ampi-ha-mbaham-bana.

© 2013 an'i Jan Pinborough sy i Janice Kapp Perry. Zo rehetra voatokana.

Ity hira ity dia azo hadika raha ilaina any am-piagonana na ao an-tokantrano, tsy atao itadiavam-bola.

Tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny tahadika tsirairay atao ity fanamarihana ity.



Nosoratan'ny Loholona  
Quentin L. Cook

Ao amin'ny Kôlejin'ny  
Apôstôly Roambinifolo

Vavolombelona  
manokan'i Jesoa Kristy  
ireo mpikambana ao  
amin'ny Kôlejin'ny  
Apôstôly Roambinifolo.

# Ahoana no hahafahako manampy amin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana?

*Nanoro hevitra ny  
hanaovana fivoriana mikasika  
ny Family Tree ny Loholona  
Cook. Toy izao izany!*

Angataho ny  
tsirairay ao amin'ny fiana-  
kaviana mba hitondra tantaram-  
pianakaviana sy tantara ary sary.  
Ento ihany koa ireo fananana niavaka  
nananan'ireo ray aman-drenibenao sy  
ireo ray aman-dreninao.

Mahaliana tokoa ny miana-  
tra mikasika ny fiainan'ireo olona  
ao amin'ny fianakaviana—avy aiza izy  
ireo ary ahoana no fomba niainany.

Fantaro ireo ôrdônansin'ny tem-  
poly tokony mbola hatao ary zarao  
ny andraikitra hanaovana ny asa any  
amin'ny tempoly.

Manampia amin'ny fanao-  
vana scan sy ny fampidirana ireo  
tantara sy sary ireo ao amin'ny Family  
Tree ao amin'ny FamilySearch.org.

*Notsongaina tao amin'ny "Faka sy Sampana,"  
Liahona, Mey 2014, 47.*



“Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’izao Tontolo izao” dia avy amin’Andriamanitra mba Hanampiana ny Fianakaviako

# NY FLANAKAVIANA

## FANAMBARANA HO AN'IZAO TONTOLO IZAO

Ny FIADIDIANA VOALOHANY SY NY FILANKEVITY NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO AO AMIN'NY FANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY

*JAHAY FIADIDIANA VOALOHANY sy ny Filankevity ny Apôstoly Roambinifolo amin'ny Fangonan'i Jesoa Kristy ho ny Olo masin'ny Andro Farany, dia manambana amin-bohinafahita fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny behivavavy iray dia ten-drin'Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafty ny Maro-Andry ho ny anjara mandrakizainy 'na zanany.*

Andriamanitra any na hananahabu  
Andriamanitra any na hananahabu  
Mphary ho an'anjy madrakanziany'zany.  
  
NY OLOMBELONA REHETRA—ny ly sy no wavy—dia nobiaraha  
araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirayat dia fanahy izay zavatra  
kalaby sy zanakavavy malalan ny rano aman-drehy any an-danitra  
araka izany, ny tsirainay dia manana toatra sy anjara ny  
an'Andriamanitra. Ny maha-lahy na wavy—dia toatra fo  
iray manamaria ny maha-izy az y ny olona tsirayat sy ny tanjony  
amin'ny fianaonana ny natarehana, sy amin'izao fia  
an-tany Izao, any amin'ny madrakanzia.  
  
TOLOHANNA NY NATAREHANA, ireo  
fiananana ny natarehana sy ny tanjony

TANY AMINYUN FANAKANA TALOHANNY.  
Izay fanakana ny aminy, satria ny aminy, an-tany izay.  
Tany aminyvuny zanakavaka dia nobatahantara sy namoroka  
an Andriamananjara tahaka ny Rainy mandarakazay ariky.  
drainy izay abihainy dia nobatahantara sy namoroka  
kefa ihy ambonihana ny maha hankehany manakana any ianarany ny farany  
nobatahantara sy nobatahantaranay amin'ny farany ny farany.  
tahakan'Andriamananjara amin'ny maha mpandava ny fainambo  
drakazy azy. Ny drafitra masina ny fahambiarana nobatahantara  
fifandrasana ro amin'ny fankavakana nobatahantara  
antokony ny fasanana. Ireto ördönlösy ny fanekepanehana  
misy any amin'ny tempolys masina no abafahanay ny tsiraya  
rinu aho Andriamananjara sy abafahanay ny fana  
iary mandarakazay.

NY DIDY VOALOHANY izay nomen' hanitra. Eva dia momba izay maha-ray amar-dreny azy manan'i mpanvidy azy. Ambaranay fa ny didin' Andrianamanitra ho an'ny zanamby hitomboka hameno ny tany dia mbola manana-ky. Ambanirihany kosa Andrianamanitra dia nandity fa ny lehilahy sy ny velihavy nivady arat-dandalana ihany no tokony hampiasa ny fabefana masin'ny fampahana.

AMBARANAY FA ny fomba namoromana ny hanan  
drin'Andriamanitra. Hizingizininay ny fahamaisan'ny fiamantsoy  
ny maha-zava-dehibe izany eo amin'ny drafitra mandrakizay an'Ar-  
dramanitra.

NY MPVADIA dia manana andraikitra feno voninahita mba hifan-  
kata sy hifampikarakara ary hanao toy izany koa amin'ny zanany.  
Anjan'ny Filoha Gordon

Fikambanana Ifanampiana izay natao tamin'ny 23 Septembre

Nosoratan'i Erin Sanderson sy i Jean Bingham

**M**anana hery lehibe tokoa ny zanaka—hery hitondrana fiovana ao anatin’ny fianakaviana! Tsy mitovy avokoa ny fianakaviana rehetra kanefa manandanja amin’ny Ray any an-danitra ny fianakaviana tsirairay. Tiani hatanjaka ny fianakavantsika ka dia nomeny antsika ny “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’Izao Tontolo Izao” mba hanampiana antsika. Fantasy ny Ray any an-danitra fa afaka manampy ny fianakavianareo hatanjaka **ianareo**.

**Ianareo** dia ao anatin'ny fianakaviana mandrakizay iray izay mila ny fanampianareo.


**Ianareo** dia afaka mitondra fifaliana, halemepanahy ary fitiavana ho an'ny fianakavianareo.

**Ianareo** dia afaka mifampihaino, miara-miasa sy milalao, mifamela ary mifanampy.

**Ianareo** dia afaka mamaky soratra masina miaraka amin'ny fianakavianareo.

**Ianareo** dia afaka ny ho ohatra tsara ho an'ny fianakavianareo rehefa mivavaka sy mitandrina ny didy. ■

## *Mipetraka any Utah, Etazonia ny mpanoratra*



Soratra Masina

- Jaona 15:11


## Sosokevitra ho an'ny Resadresaky ny Mpianakavy

Tian'ny Ray any an-danitra ho matanjaka sy hiverina any Aminy ny fianakaviana rehetra. Miresaha mikasika ny zavatra azon'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana atao mba hanampiana ny fianakavianoao hatanjaka.



Afaka mampatanjaka ny fianakaviako aho  
amin'ny alalan'ny

## Afaka Manao Izany



### Ianao!

Haingoy amin'ilay marika (eo ankavanana) sy amin'ny sary vitsivitsy ny boaty vy boribory madio sy efa tsy misy na inona na inona. Fenoy amin'ny hevitra mikasika ny fomba azonao hanatanjahana ny fianakavianaio ireo taratasy lavalava kely misy soratra. Hetezo ireo taratasy lavalava misy soratra ary ataovy ao anatin'ilay boaty vy. Isan'andro dia mifidiana taratasy iray misy soratra avy ao amin'ilay boaty ary ataovy ny zavatra voalaza ao. Rehefa miezaka mananteraka ireo hevitrao ianao dia afaka mitondra fiovana ao amin'ny fianakavianaio!

**AFAKA MANAO  
IZANY AHO!**



# Bárbara no Anarako, avy any Chili Aho

Avy amin'ny fanadihadiana  
nataon'i Amie Jane Leavitt

**M**onina ao Chili i Bárbara, Mizay firenena any amin'ny morontsiraka andrefan'i Amerika Atsimo. Lavalava sy kely velarana ary manana endrika lamba kely lavalava izany. Migaingaina sy maina ny faritra sasany (toy ny Tany Foanan'i Atacama), ary mafana be sy mando ny sasany (toy ny Île de Pâques). Mipetraka ao amin'ny renivohitr'i Chili ao Santiago izy. ■

Mipetraka any Utah, Etazonia ny mpianoratra.



Izaho no hany mpikamban'ny Fiagonana ao amin'ny kilasiko any an-tsekoly. Izany dia manome ahy fahafahana hiresaka amin'ireo namako mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny Bokin'i Môrmôna. Indray andro dia nangataka ahy ny namako akaiky indrindra mba hampianatra azy ny fomba fivavahana. Dia nataoko izany. Dia niara-nivavaka izahay tamin'ny sakafatoandro tany am-pianarana.



Sivy taona aho ary manana zandrilahy roa. Miezaka ny ho zokivavy tsara aho ary manampy amin'ny fikarakarana azy ireo sy miara-milalao amin'izy ireo. Tia mikarakara ankizy aho. Te ho lasa mpampianatra aho rehefa lehibe.



Feno valo taona aho tamin'ny 2013 ary natao batisa sy nametrahan'ny raiko tanana mba horaisina ho mpikambana. Feno fientenantanana tokoa aho! Traikefa miavaka izay hotsaroako mandrakariva izany.

*jHola,  
amigos!\**

\* "Manahoana ry namako!"  
amin'ny teny Espaniola

*Mankalaza andro tsy fiasana mahafinaritra izahay eto Chili. Andron'ny Fahaleovantena ny 18 Septambra ary Andron'ny Tafika ny 19 Septambra. Mandritra ireo andro roa ireo dia manao ny dihim-pirenay izahay, izay antsoina hoe "La Cueca" ary mihinana chausson matsiro misy hena antsoina hoe empanadas.*



*Mandritra ny faran'ny herinandro dia tia mihanika sy mitondra quad eny amin'ireo tendrombohitra eo akaikin'ny tranonay ny fiana-kaviako. Tia mankany amoron-dranomasina koa izahay.*



*Manana sakafo manokana fanao rehefa Krismasy izahay—voatabiha voase-sika trondro lamatra. Aty Chili dia tena tonga amin'ny misasakalin'ny andro alohan'ny Krismasy mihitsy i Dadabe Noely. Miaritra tsy matory mihitsy aza izahay mandra-pahatongany!*




## TE HAHITA NY TEMPOLY AHO

Ny tempolin'i Santiago Chili no tempoly voalohany natsangana tao amin'ny firenena miteny Espaniola. Notokanana tamin'ny 15 Septambra 1983 izany. Io no tempoly faharaoa natsangana taty Amerika Atsimo.



## VONONA NY HANDEHA!

Feno ny sasany amin'ireo zavatra tena tiany ny kitapon'i Bárbara. Inona amin'ireo zavatra ireo no hampidirinao ao anatin'ny kitapona?



# NY PEJINTSIKA



Indray andro, fotoana fohy talohan'ny hanaovana batisa ahy, dia tao an-tranon'ny renibeko aho rehefa nandeha tao amin'ny lakavy izy mba haka zavatra. Tafintohina izy dia nianjera ka tsy afaka nitsangana. Niantso ahy izy saingy njery fahitalavitra aho ka tsy naheno azy. Rehefa afaka 10 minitra teo dia nahare ny anarako voatonona tamin'ny feo tony aho hoe "Tom!" Nandeha nitady azy aho dia nahita azy nitsirara teo amin'ny tany. Tsy mbola nanana ny tanjaka hanampiana azy hiarina aho ka dia nandeha nihazakazaka nankany an-tranon'ny mpifanolobodirindrina taminy. Tonga izy ka nanampy an'i Bebe mba hitsangana.


Hoy i Bebe tamiko hoe "Tom a! ny Fanahy Masina izany renao izany. Nifanalavitra loatra ny toerana nisy antsika ka tsy ho renao mihitsy aho.

Fantatro fa ny Fanahy Masina no nibitsika tamiko. Ankehitriny aho dia vita batisa ary faly aho fa manana ny fanomezana ny Fanahy Masina.

**Tom R., 8 taona, Allemagne**



**Liu C., 7 taona,  
Équateur**



**Natalia A., 10 taona, Colombie**



*I Thierry M., izay 7 taona avy ao Brésil dia tia manatrika ao amin'ny Kilonga sy mihira ny fihiranana. Fantany fa tranon'ny Tompo ny tempoly.*



*I Olivia I., izay 8 taona avy any Roumanie dia tia manampy ny reniny manadio trano. Ampianarin'ny reniny izy sy ny 13 amin'ny namany, ka rehefa maka rivotra izy ireo dia tiany ny mody manao mpampianatra. Tia manao dia lavitra miaraka amin'ny ray aman-dreniny sy miaraka amin'ny ray aman-drenibeny izy. Nahatsapa ho tena akaiky ny Ray any an-danitra izy rehefa natao batisa ary feno fankasitrahana izy fa afaka manana ny Fanahy Masina hanampy azy handray fanapahan-kevitra. Ny hiran'ny Kilonga tiany indrindra dia ny "Suis les prophètes" (Chants pour les Enfants, 58).*

**A**zona alefa en ligne ao amin'ny liahona. [lds.org](http://lds.org) ny sary nataonao na ny sary nalaiao na ny zavatra niainanao, amin'ny alalan'ny email ao amin'ny liahona@ldschurch.org ka soraty hoe "Our Page" eo amin'ny faritra hanoratana ny votoatin'ilay hafatra, na amin'ny alalan'ny taratasy any amin'ny:

*Liahona, Our Page*

50 E. North Temple St., Rm. 2420

Salt Lake City, UT 84150-0024, USA

Ny taratasy tsirairay izay alefa dia tokony

hahitana ny anarana fenon'ilay zaza, lahy ve sa vavy, ary ny taona (3 ka hatramin'ny 11 taona) miampy ny anaran'ny ray aman-dreny, paroasy na sampana, tsatoka na distrika, ary ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreny mba hampiasana ny sary sy ny taratasy nalefan'ilay zaza (azo ekena ny email). Mety hasiam-panovana ny firafitry ny fanamarihana avy aminao noho ny halavany sy mba ho mora azo.



Nosorotan'ny Loholona  
Adrián Ochoa  
Ao amin' ny Fitopololahy

# Mitrakà



*“Fa miambena ka mivavaha mandrakariva” (Lioka 21:36).*

Tamin’izaho valo taona, dia nira-hina ho any amin’ny tanàna teo akaikinay izaho sy ny zanaka roa la-hin’ny nenitoako mba hividy sakafo. Rehefa manao jery todika izany zavatra niainako izany aho dia gaga tamin’ny fahatokiana nananan’ny renibeko sy ny nenitoako ary ny dadatoako taminay. Nazava sy namirapiratra ny lanitry ny maraina raha nanainga hanao dia izahay niaraka tamin’ny soaavy telo.

Rehefa teny afovoan’ny tanety rakot’ahitra izahay, dia nanapa-kevitra hidina ny soaavy ka hilalao kanety. Variana fatratra tamin’ilay kilalao nataonay izahay hany ka tsy nitraka mba hijery ireo rahona mainty nandrakota ny lanitra. Tamin’ny fotoana

nahitanay fa nitatao ny oram-baratra dia tsy nanana fotoana akory izahay hitaingenana ny soavalinay. Namely mafy anay ny oram-be sy ny havandra hany ka ny sisa azonay natao dia ny nanala ny laselin’ireo soaavy ary nialoka tao ambanin’ireo bodoftosy teo amin’ny lasely.

Nanomboka nandeha mafy araka izay vitanay ho any amin’ny tanàna teo akaiky teo izahay, tsy nisy soaavy sady lena no nangatsiaka. Efa alina ny andro tamin’ny fotoana nahitanay trano iray ka nandondona ny varavarana izahay. Ilay fianakaviana tao no nanamaina anay, nampihinana anay tsaramaso matsiro ary nanome fandriana ho anay tao amin’ny efitrano iray nisy gorodona nihosom-bovoka.

Nifoha tao anatin’ny maraina nisy

masoandro nibaliaka sy lanitra kanto izaho sy ireo zanaky ny nenitoako. Nisy lehilahy iray nandondòna tao am-baravarana hitady ankizilahy telo very. Tsy ho adinoko mihitsy ny zavatra hitanay teny amin’ny lalanay nody—olona marobe izay nitady anay nandritra ny alina. Teo alohan’izy ireo ny renibeko sy ny dadatoako ary ny nenitoako feno fitiavana. Namihina anay izy ireo ary nitomany, diboky ny hafaliana noho ny nahitany ireo zanany very.

Mahafantatra antsika ny Raintsika any an-danitra. Tsy andriny izay hodantsika. Misy famantarana ny oram-baratra ara-panahy manodidina antsika. Aoka isika hitraka sy hanomania ny tenantsika amin’ny alalan’ny fampatanjahana isan’andro ny fijo-roantsika ho vavolombelona. ■

# Ekipam-pianakaviana



*Mora kokoa ny mandresy rehefa miara-miasa ny tsirairay.*

Nosoratan'i Sheralee Hardy

Niainga tamin'ny tantara marina

*“Nous aidons tous avec joie”* (Chants pour les enfants, 108).

**N**isento i Ammon rehefa nandao ny lalao baolina kitra izy sy ny rainy. “Tsy azoko mihitsy,” hoy izy. “Manana mpilalao maro tena mahay izahay. Fa maninona izahay no tsy mahafaty baolina mihitsy?”

Mpilalao baolina kitra mahay i Dada. Mety afaka hanampy izy.

“Raha ny hevitro dia tokony hianatra ny

hiara-hiasa ho toy ny ekipa iray ianareo,” hoy i Dada. “Samy te hamono baolina avokoa ianareo, sa tsy izany?”

“Eny,” hoy i Ammon. “Saingy tsy afaka ny ho ilay iray hamono baolina avokoa izahay rehetra. Izay ve no tianao holazaina?”

Nanaiky i Dada. “Tsy afaka mamono baolina samirery ianao. Voalohany dia mila maka ilay baolina any amin'ilay ekipa hafa ny vodilaharana, sa tsy izany?”

Nihomehy i Ammon. “Ho sarotra tokoa ny

hamono baolina raha tsy eny aminaio ilay baolina.”

“Marina izany,” hoy i Dada. “Dia omen’ny vodilaharana ny olona iray izay afaka mamono baolina izany avy eo. Tsy misy afaka manao izany samirery.”

“Izay mihitsy,” hoy i Ammon.

Rehefa tonga tany an-trano izy ireo dia nitrotro ilay zazakely i Neny teo am-pandrahoany ny sakafo hariva. “Nanao ahoana ny lalao?” hoy izy nanontany.

“Resy indray izahay,” hoy i Ammon. “Fa hanao



tsaratsara kokoa izahay amin'ny manaraka.”

“Fihetsika tsara izany,” hoy i Neny.

“Noana mafy aho izany!” hoy i Miguel nivazavaza rehefa nihazakazaka nuditra ny trano izy sy i Samuel ary i Lucas.

“Afaka manampy ahy hanomana ny latabatra ve ianareo ry zanako lahy ary mampirina ireo kilalao? Hoy i Neny nanontany.

Nimenomenona avokoa izy efa-dahy.

“Ka tsy izaho no nilalao an'ireo kilalao ireo,” hoy i Samuel.

“Ela be izany vao ho vita ka!” hoy i Miguel nivazavaza.

Nihomehy i Dada. “Manana olana tahaka ny an'ny ekipan'i Ammon ny fianakavantsika.”

“Inona izany?” hoy i Samuel nanontany.

“Tsy miara-miasa isika,” hoy i Ammon. “Samy te hamono baolina amin'ny fihinanan-kanina daholo isika rehetra. Kanefa asaintsika ataon'i Neny daholo izany.”

“Marina izany!” hoy i Dada. “Ahoana no ahafahantsika miasa

toy ny ekipa iray?”

Nahita hevitra i Ammon. “Maninona moa raha oma-ninay sy Samuel ny latabatra? Dia afaka manangona ireo kilalao ny hafa.”

“Hevitra tsara izany!” hoy i Dada.

Vetivety dia vonona ny sakafo hariva. Namoritra ny tanany i Ammon mba hivavaka. Faly izy fa niara-niasa toy ny ekipa ny fianakaviansy. Niriany raha mba afaka nanao toy izany koa ny ekipany amin'ny lalao baolina kitra. ■

*Mipetraka any Alberta, Canada ny mpanoratra.*




**Nosoratan'**  
**ny Loholona**  
**M. Russell Ballard**

Ao amin'ny  
Kôlejin'ny Apôstôly  
Roambininifolo

## FAMITAHANA

**N**y fararano dia fotoana mampien-tanentana manokana ho an'ny mpanjono mampiasa bibikely tsy tena izy eo amin'ny lelam-pitana satria izany dia fotoana mampanaikitra ireo trondro izay entin'ny faniriany tsy mety afa-po hivoky sakafy mba han-tanjahana ny vatan'izy ireo hiatrehana ny havitsian'ny sakafy mandritra ny ririnina.

Tena mahafinaritra ery ny mijery ilay trondro mivoaka avy ao anaty rano, manaikitra ilay bibikely tsy tena izy sady manohitra mandrapahare-raka azy sy mandrapaha-voasambotra azy. Ilay fifaninanana dia miompana amin'ny fijerena ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'ilay mpanjono raha oharina amin'ny an'ilay trondro.



Ny fampiasana ny zavatra iray namboarina hatao famitahana mba hambreirebena sy hisamborana trondro dia ohatra iray amin'ny fomba izay hakan'i Satana fanahy sy hamitahany ary hiezahany hamandrihana antsika matetika.

Toy ilay mpanjono izay mahalala fa ny trondro dia atosiky ny hananana, i Losifera koa dia mahalala ny "hanoanantsika" sy ireo fahalementsika ary dia maka fanahy antsika amin'ny alalan'ny fitaovana famitahana izy izay mety hahatonga ny fitsaharan'ny fiadanana eo amin'ny fainantsika ary lasa ho eo ambanin'ilay heriny mitarika tsy misy indra fo isika. I Losifera dia tsy toy ny mpanjono iray izay misambotra sy mamerina ilay trondro soa aman-tsara ao anaty rano, satria tsy hamela antsika handeha izy. Ny tanjony dia ny hahatonga izay tratrany ho ory tahaka azy.

Ny iray amin'ireo fomba ampiasainy amintsika dia ny fahaizany

mandainga sy mamitaka antsika fa ny ratsy dia tsara ary ny tsara dia ratsy. Efa hatrany am-piandohana, tany amin'ny Filankevitra Lehibe tany An-danitra i Satana no "nikatsaka ny handrava ny safidin'ny olona, izay efa nomeko, Izaho Tompo Andriamanitra azy" (Mosesy 4:3).

Ny ady mikasika ny fahafahana misafidy izay nomen'Andriamanitra ny olona dia mitohy amin'izao fotoana izao. I Satana sy ireo eo ambany fahefany dia mametraka ireo fandriny manodidina antsika miaraka amin'ny fanantenana fa isika dia hilavo lefona ary hihinana ireo bibikely namboariny entina hamitahana mba hahafahany misambotra antsika amin'ny alalan'ny fitaovana tsy tena izy.

Ry rahalahy sy anabavy, enga anie isika rehetra hahafantatra ireo bibikely tsy tena izy mba hamitahana izay atolotri' Losifera, ilay mpanjono olona amin'ny fitaka. Enga anie isika hanana fahendrena sy fahitana ara-panahy mba hanavahana sy handavana ireo zavatra maro atolony izay mifono loza.

Ary ho an'ireo izay lavo tao anatin'izay mety ho karazana fiankin-doha, dia misy ny fanantenana, satria Andriamanitra dia tia ny zanany rehetra ary satria ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo dia mahatonga ny zavatra rehetra ho azo tanterahana. ■

*Notsongaina tao amin'ny "O That Cunning Plan of the Evil One," Liahona, Nov. 2010, 108–110.*



# HEVI-BAOVAO MANAITRA




## Mpamaky lay ve aho amin'izao fotoana izao?

"Raha toa ka manome voninahitra ireo mpamaky lay namakivaky ireo lemaka nankany amin'ny Lohasahan'i Salt Lake isika dia mbola misy mpamaky lay maro lavitra noho izy ireo miaina ankehitriny. Tsy manusika sarety izy ireo fa manao kosa ny zavatra nataon'ireo mpamaky lay fahiny amin'ny fomba maro: Naheno ny feon'ny Tompo tamin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna sy avy tamin'ny vavaka manokana nataony izy ireo. Tamin'ny alalan'ny finoana sy ny fibebahana no nidinan'izy ireo tao amin'ny ranon'ny batisa ary nampijoroany mafy ny tongony tamin'ny sombin-tany mamokatry ny filazantsara. Amin'ny maha-mpianatr'i Kristy azy ireo dia vonona ny hahafoy tena ho an'ny tsara sy ny marina izy ireo. Amin'ny fanampian'ny Fanomezana ny Fanahy Masina dia mijanona hatrany amin'ny lalana mitondra azy ireo any amin'ny fainana mandrakizay izy ireo."

# Hita ao amin'ity Laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA



p.44

### Mijoro AMIN'NY ZAVATRA Inoantsika

Mizara ny fomba niarovany ny finoany teo ana-trehan'ny fanoherana ny tanora miisa dimy.

## HO AN'NY ZATOVO

### Ahoana no Hametrahana Fanontaniana Manan-danja

Afaka ny ho fitaovana tsara ampiararana ny fanontaniana—raha toa ka arafitao amin'ny fomba mety izany. Haneho anao ny fomba hanaovana izany ity lahatsoratra ity.



p.54

## HO AN'NY ANKIZY



p.68

### Tongasoa Ato amin'ny Zatovovavy

Rahavavy Bonnie L. Oscarson sy i Mathilde zafikelivaviny dia nizara zavatra vitsivitsy azonao andrandraina ao amin'ny Zatovovavy.